

# NY FANDROANA

## Heviny sy tantarany

(Tohiny)

nosoratan' i  
Suzanne RAHARIJAONA

### HEVITRY NY FITAMPOHA

(Tohiny)

Ny «AINA» VAOVAO azon' ny DADY dia sady nahazoany fomba vaovao sy vanim-potoana vaovao tanteraka «iriariavana» indray no nandraisany HERY vaovao hahavitan-javatra. Toraka izany ihany koa ny an' ny *sazoka* : fanavaozana ny AINY sy ny HERINY anohizany indray ny fivezivezeny mampitohy ny Tontolo any an-koatra sy ny Tontolon' ny Velona ary ahafahany manao zavatra, izany no mitranga ho azy ireny noho ny FITAMPOHA. Ka na ny ataan' ny DADY na ny tanterahin' ny *sazoka* dia tsy mba vitan' olombelona ireny, hoy isika tao aloha tao. Ny Fampandroana ny DADY na fampirobohana azy ao anatin' ny renirano Tsiribihina izany dia mirakitra lafin-kevitra roa eto : ny iray mikasika ny AINA ary ny iray hafa momba ny HERY (ny AINA sy ny HERY dia samy vao amin' io fotoana io), koa harahintsika araka izany ny ako ateraky ny AINA vao sy ny fiantraikan' ny HERY vao.

Ny hosaintsainintsika aloha dia ny amin' ny vahoaka marobe tonga nanatrika ny FITAMPOHA sy nanefa ny adidy momba azy io : tsy hoe ireo mpijery fotsiny no tiana resahina amin' izany, fa ny vahoaka sakalava sy ireo olona miombona aminy amin' izany, satria izy dia mbola mitana mafy tsara ny finoan-drazany hatramin' izay ka mahatonga azy hanatontosa ny fomba amam-panao mika-

sika ny Razan' ny Mpanjakany sy hankatò ka hanaraka ny Ampañitony (na «Printsy» araka ny niantsoan' ny mpanjana-tany azy) hatramin' izao. Ny zava-misy eo amin' ny vahoaka mpino manko dia ny fihetsika ara-bakiteny manatanteraka ny fepetra fa fady mihitsy ny manohy adiady na mitahiry lolom-po rehefa mby eo amin' ny FITAMPOHA : fiaraha-monina tsy maintsy anjakan' ny fifankahazoana sy filaminana feno no tokony hiainana rehefa miditra amin' ny herinandron' ny FITAMPOHA ary aorian' izay. Tsy inona izany fa ny endrika andraisan' ny vahoaka anjara amin' ny finoana fa levona miaraka amin' ny FITAMPOHAN' ny DADY ny vanim-potoana nodiavina teo anelanelan' ny FITAMPOHA ankalazaina sy ny FITAMPOHA talohan' io, ary foana miaraka amin' izay koa ny lasa — indrindra ny ratsy sy ny tsy soa rehetra tamin' izany. Rehefa tontosa kosa ny FITAMPOHA ankalazaina dia niaranohavaozina tamin' izany ny fihavanana, ka izay ravarava sy nanga-tsiatsiaka tao amin' ny fiaraha-monina teo aloha dia velona sy mafana indray, ary izay efa nisy teo aloha kosa dia misy avy hatrany indray ka azo hiaingana na hatevenina.

Azo lazaina angamba fa izay famelàna ny tsy nety teo aloha arahin' ny fiaraha-monina vaovao tsy misy raorao eo amin' ny mpiarabelona izay, no sombiny amin' ny AINA VAOVAO izay mba tafita hatrany amin' ny vahoaka (AINA araka ny an' ny velona izany satria ho an' ny vahoaka). Koa ny DADY sy ny *sazoka* ary ny vahoaka izany no voakasiky ny AINA VAOVAO, raha ny FITAMPOHA no dinihina : ekena fa samy manana ny karazan' AINA sahaza azy izy ireo, fa dia ny AINA no marihina fa zava-dehibe eto.

Iverenantsika izao ny DADY raha ny lafin-kevitra mikasika ny HERY no asian-teny. Rehefa nomen' ny AINY vaovao HERY vaovao ny DADY, dia sehatra akaiky azy tokoa no azony anaovana zavatra voalohany indrindra : tsy inona izany fa ny fankaherezana ny HASIN' ny ANDRIAMANJAKA.

Matoa manko ny DADY no ARY indray dia ny FITAMPOHA no tody soa aman-tsara. Nohe izany, ny fampisehoana fankasitrahana izay tarana-mpanjaka Razana nitarika sy nahalavorary FITAMPOHA no asa loha laharana atrehin' ny DADY. Ka rehefa avy NITAMPOKA indrindra ny DADY ary nahazo AINA sy HERY vaovao tamin' izany izy ireny, dia amindrany HERY sy hamafisiny eo no ho eo ihany ny HASIN' ny ANDRIAMANJAKA izay efa misy na tsy maintsy atao misy ao amin' io taranaka nahatody FITAMPOHA io. Eo amin' ny fotoana ifaranan' ny FITAMPOHA izany no hita maso fa Ampañito nametrahan' ny DADY ny fankasitrahany io taranaka nahatafita FITAMPOHA io. Satria rehefa vita soa aman-tsara ny FITAMPOHA dia azo antoka fa nahazo HASIN' ny ANDRIAMANJAKA feno HERY vao sy matanjaka ary maha

Ampañito velona azy tokoa io taranaka nampanao sy nahatontosa ny fandavorariana ny FITAMPOHA io. Ary izay fanomezana na fanavaozana ny hasin' ny Ampañito velona ka nataon' ny DADY izay indrindra, no fototry ny fitohizana na fahamafisan' ny fanjakan' izay ho Ampañito hatramin' ny FITAMPOHA ho avy indray.

Manaraka izany, mbola misy ny tokony homarihina momba ny HERY : mandritra ny FITAMPOHA tokoa manko dia miharihary ampahibemaso fa misy sokajin' olona izay mihetsiketsika fatratra sy tena misahirana ary miezaka hikajy izay ataony eo am-panatanterahana ny fomba amam-panao rehetra hahalavorary ny FITAMPOHA. Tsy iza izy ireo fa ny mpandray anjara mivantana amin' ny maha mpibaby, mpitsitsika, mpitondra entana, sns... sns... azy ireny. Mampiasa ny herim-pony, ny herin-tsainy fa indrindra ny herimbatany izy rehetra ireo. Ny herin' ireo olona ireo no anisan' ny nahatontosa ny FITAMPOHA (1). Koa amin' izany, sady mampiseho sy manaporofa an-tsary ny fisian' ny HERY izy ireny no maneho an-tsary ihany koa ny HERY. Ampahany amin' ny HERY maha ARY no asehon' io herin' olombelona io an-tsary, satria ny tena izy ho an' ny DADY eto, dia ilay HERY maha ARY izay ao anaty RANO no misy azy. Toerana samihafa no misy ny HERY eto, nefa dia mifameno sy mifanampy izy ireo eo amin' ny fanatanterahana ny FITAMPOHA.

Raha ny herin' ireo olona mpanatanteraka ny FITAMPOHA ireo no sarin' ny HERY, dia teo amin' ny ara-keviny no nitondrana ny resaka. Nefa tsy azo atao ambany maso tsy hita ny ara-bakiteny na ara-batana tsotra sy mazava izao : amin' izay fotoana izay dia ny fiainan' ny olona mpiara-belona ao anaty fiaraha-monina iray manana ny fandaminany no ahitana ny hevitra farany mikasika ny HERY. Ao anaty fanjakana sy amin' ny maha mpanatanteraka azy fotsiny, dia tarihina sy baikoin' olona iray — dia ny Ampañito izany — ireo mpandray anjara rehetra amin' ny fanefana ny FITAMPOHA ireo. Raha izany, dia misy tompony ny herin' ny olona ao anaty fanjakana, ka tsy an' iza akory izany fa an' ny Mpanjaka, an' ny Ampañito ihany : noho izany, dia tompon' ny herin' ny vaohakany ihany koa ny Ampañito velona.

Eo amin' ny lafiny HERY dia ny Ampañito velona kosa no voakasika : ny hasina — izay karazana hery — maha Ampañito azy no mihavao eo amin' ny FITAMPOHA (fa tsy ny ainy : tokony hanatanteraka Fandroan' ny Mpanjaka velona izy raha izany no tadiavina) — ary manaraka izany, ny FITAMPOHA no fotoana fana-

---

(1) Marihina fa noho izay lafin-javatra izay dia TOMPOA no niantsoan' ny olona ny FITAMPOHA tany aloha tany. Ny hevity ny teny hoe TOMPOA dia mitovy tsy mişy valaka amin' ny hoe FANOMPOANA any Boina.

marihana indray fa, matoa misy ny fanjakana, dia ao ny lohany izay ekena fa mitarika sy mitondra azy io : dia ny Mpanjaka, ny Ampañito izany. Ka raha manjaka ny Ampañito, milaza izany fa azy ny fahefana, ary ny dikan' izay eo amin' ny vahoaka dia tsy inona fa an' ny Ampañito ny fanapahana, an' ny Ampañito ny fandidiana ny fampiasana ny herin' ny vahoaka — na herim-batana na herintsaina : izany hoe an' ny Ampañito ny herin' ny olony.

Rehefa aravona ny nolazaina rehetra momba ny foto-javatra roa voalohany nahatonga ny FITAMPOHA hanana ny endrika ivelany isehoany dia tsapa fa mirakitra ny hevitra ny FITAMPOHA izay misy lafiny isan-karazany sy mikasika ambaratongan-drazana ary sokajin' olona samy hafa koa ireo foto-javatra roa ireo : an-daniny, ny Mpanjaka Razana sy ny *sazok'* izy ireny ary ny DADY izay sombiny eo anivon' ny velona, ary an-kilany ny Ampañito velona sy ny vahoakany. Ary raha jerena akaiky ny fomba ifandraisan' ireo voatanisa ireo dia hita miharihary fa hevitra ara-pinoana no ifotoran' ny fifandraisana misy eo amin' izy rehetra ireo, izany hoe, na ny fivavahana amin' ny Razana Mpanjaka na ny fanavaozana ny AIN' ny DADY sy ny momba izany, dia samy mampiseho ny fihevitra nananan' ny olona namolavola ny finoan-drazana mbola manan-kery ao Menabe, izany hoe ny amin' ny Tontolo any an-koatra sy ny amin' ny Tontolon' ny Velona ary ny fifandraisan' ireo Tontolo roa tonta ireo. Koa raha izany dia azo aroso amin' izay ny fanakaran-kevitra ny foto-pinoana izay hita taratra ao amin' ny FITAMPOHA.

## FOTO-PINOANA HITA TARATRA AO AMIN' NY FITAMPOHA

Mba hampazava tsara ny fanakaran-kevitra dia asiana fizarana roa izay mifameno ny famelabelarana azy io :

1. Rafi-pandaminana misy eo amin' ny Tontolo any an-koatra an-daniny ary Tolontolon' ny velona an-kilany ;
2. Fiaraha-monin' ny Tontolo any an-koatra sy Tontolon' ny velona.

Raha ny antsipiriany amin' ny fandehan' ny fivavahana amin' ny Razana Mpanjaka ary ny anjara asa ataon' ny Mpanjaka velona sy vahoaka ao amin' ny FITAMPOHA no dinihina, dia hita soritra ao fa misy foto-kevitra mampijoro ny rafitra izay entina andaminana ara-pinoana ny momba ny Tontolo any an-koatra sy ny Tontolo ambany maso. Koa rehefa avy nasiana teny ny amin' ny rafi-pandaminana misy ao amin' ireo Tontolo ireo avy, dia holazaina indray ny vokatr' izany eo amin' ny fomba iainana ao amin' ireo Tontolo ireo, izany hoe, mikasika ny fiaraha-monina misy ao izany.

## 1. Rafi-pandaminana misy eo amin' ny Tontolo any an-koatra sy Tontolon' ny velona.

Ny foto-kevitra izay ianteheran' ny LAMINA misy eto dia tsy inona fa ny *filaharana* : izany hoe, misy ireo asiana fiheverana fa lehibe na manan-kaja sy voninahitra, ka atao any aloha na alefa ho loha laharana, ary misy hafa indray izay manotrana na manaraka ka milahatra avy ato aoriana araka ny sokajy samy hafa misy azy avy. Koa rehefa ajoro ny RAFITRA izay andaminana ny fiaraha-miainan' ireo milahatra rehetra ireo, dia maka ny endriky ny *an-tanan-tohatra* ny rafi-pandaminam-piainany. Noho izany, ireo izay teo aloha no maka na omena ny toerana ambony ary ireo tao aoriana kosa dia mahazo na atoro ny toerana ambony.

Toy izao izany no fisehon' ny rafi-pandaminana ilaharana ao anaty Tontolo any an-koatra sy Tontolo ambany maso :

a) voalohany indrindra *mifanao an-tanan-tohatra ny Tontolo any an-koatra sy ny Tontolon' ny velona* ka ny Tontolo any an-koatra no manana ny toerana ambony, ary ny Tontolon' ny velona kosa dia eo ambaniny ;

b) faharoan' izany, any amin' ny Tontolo any an-koatra dia *mifanao an-tanan-tohatra i Zanahary* izay omena ny toerana ambony indrindra sy ny *Razana Mpanjaka* izay milahatra eo an-tenantenany ary ny *razana sisa rehetra* izay aty ambanin' izy ireo, ka mifanaraka hatrany araka ny sokajiny avy ;

d) fahatelo farany, ato amin' ny Tontolon' ny velona dia *mifanao an-tanan-tohatra ny Mpanjaka velona* izay eo amin' ny toerana ambony sy ny *mpanotrana azy* izay eo an-tenantenany ary aty ambony ny karazany samy hafa misy ao amin' ny *vahoaka* izay mifanao ambony/ambany ambara-pahatongavana any amin' ny farany ambany.

Koa dia azontsika an-tsaina amin' izay ny rindra izay aterak' io rafi-pandaminana io :

1) *Zanahary* no tononina voalohany indrindra, satria porofoin' ny teny ampahibemaso eo am-piandohan' ny FITAMPOHA izany : Zanahary no mialoha ireo Razana Mpanjaka atao faobe, ary izy roa tonta ireo no « ilazana » fa misy ny kasain-katao. Dia aroso manaraka avy hatrany ny tetiarana iantsoana ny Razana Mpanjaka. Mazava mihitsy izay raha ny tamin' ny fiantombohan' ny FITAMPOHA 1978 no henoina.

Soritana tsara anefa fa « ilazana » fotsiny i Zanahary dia izay : tsy misy zava-manokana andrasana avy aminy intsony, tsy misy akory izay anjara asa tokony hosahaniny aorian' izay, fa dia any

amin' ny DADY sy *sazoka* izay mitana ny toeran' ny Razana Mpanjaka eo amin' ny Tontolon' ny velona mandritra ny FITAMPOHA no itodihana manontolo sy ametrahana fitokiana tanteraka ambara-pahavitan' ny FITAMPOHA. Raha izany, dia toa karazan' ny nataingina ny hoe Zanahary ary efa taty aoriana vao nasiana izany fanampiny izay alefa ao aloha izany. Eto dia azo ampahatsiahivina ny fiandohan' ny Fandroana an-driaka izay tsy nahitana fanomezana anjara an' i Zanahary — na dia kely akory aza — sy ny Asaramaniry ny Vahoaka izay nisy fanononana ny anaran' i Zanahary teo amin' ny firarian-tsoa.

II) *Razana*, nefa isehoan' ny fiavahan' ny Razana Mpanjaka eo anivon' ny sarambaben-drazana. Mitandahatra amin' ny zana-tohatra arakara-jokiny na araka ny fifandimbiasany teo amin' ny fanjakana na araka ny lazany fony fahavelony izy ireo. Mifanarakaraka eo ambaniny kosa ireo sarambaben-drazana izay mandeha isam-pokony sy isam-pianakaviana.

Any amin' ny Tontolo any an-koatra no mitomoetra i Zanahary sy ny razana rehetra.

III) *Mpanjaka velona* izay lohany eo anivon' ny velona, ka noho izany dia amin' ny toerana avo indrindra ao amin' ny Tontolon' ny velona no misy azy.

Raha ny FITAMPOHA no mbola imasoana dia ao no ahitana fa ny Mpanjaka velona no mampifandray ny Tontolo any an-koatra sy ny Tontolo ambany maso satria izy no mpanelanelana amin' ny fiantsoana ny Razana Mpanjaka ary koa mpanelanelana amin' izay italoana amin' ny Razana Mpanjaka na amin' izay fitahiana azo avy amin' izy ireny ihany. Tokony holazaina eto angamba fa ny Mpanjaka velona dia mpanelanelana mitsangana avy amin' ny Tontolon' ny velona, ary ny *sazoka* kosa dia mpanelanelana mipoitra avy any amin' ny Tontolo any an-koatra.

Etsy an-danin' izany, antitranterina fa, satria samy hery avokoa izy rehetra ireo, dia misy ny fifandraisana eo amin' ny HERY maha ARY sy HERIn' ny DADY ary hasin' ny Ampañito velona — izay HASIN' ny ANDRIAMANJAKA ao aminy. Mazava ho azy fa mifampitohy ambony/ambany ihany koa ny hery misy eo anivon' ny Tontolon' ny velona ka toy izao ny filaharan' ireo hery rehetra ireo : any amin' ny Tontolo any an-koatra, ny HERY maha ARY no matanjaka indrindra sy amin' ny toerana ambony indrindra, dia manaraka ny HERIn' ny *sazoka* sy ny an' ny DADY, fa ny herin' ny olona kosa no aty amin' ny farany ambany ka ao amin' ny Tontolon' ny velona, ary ny HASIN' ny ANDRIAMANJAKA izay matanjaka indrindra ao amin' ny Tontolon' ny velona dia ao an-tenan-tenany ao (ambanin' ny Tontolo any an-koatra nefa eo amin' ny


ambony ao amin' ny Tontolon' ny velona). Ka izay no mahatonga ny Mpanjaka na Ampañito sady mpanelanelana eo amin'ny Tontolo any an-koatra sy Tontolo ambany maso no tompon' ny herin' ny olona ihany koa.

Dia manaraka ny Ampañito eo amin' ny an-tanan-tohatra moa ny fianakaviam-beny arakara-jandriny sy araka ny taranaka aterak' izy ireo. Amin' ny zana-tohatra midina manaraka no ahitana ny mpanotrona, mpanampy sy irakiraky ny Ampañito. Eo no isehoan' ny *manañila* na andriana araka ny ankolafiny sy anjara asany avy.

IV) *Vahoaka* izay mifampizara ny zana-tohatra ambany ka ao aloha ny *vohitse* (mitovy amin' ny hova eto Imerina) izay milahatra araka ny fokony na tariny, ary farany dia ny *ndevo* izay manana ny laharany arakaraka ny laharana izay ananan' ireo tompoiny (tamin' ny andro taloha izany).

Ao amin' ny Tontolon' ny velona kosa no iriariavan' ny Mpanjaka sy Vahoaka miaraka amin' ny voaàry manana aina sy tsy manana aina hafa rehetra.

Azontsika fintinina toy izao manaraka izao ny rafi-pandaminana izay najoron' ny finoana eo amin' ny Tontolo any an-koatra sy eo amin' ny Tontolon' ny velona :



Mbola tsy feno anefa ny fanakaran-kevitra raha tsy lazaina indray ny amin' ny fifandraisana misy ao anatin' io rafi-pandaminana io, izany hoe ny fomba iainan' ireo rehetra ireo ao anatin' ny. Tsy inona kosa izany fa ny fiaraha-monin' ny Tontolo roa tonta sy ny fiaraha-monina anivon' ireo Tontolo ireo avy.

## 2. Fiaraha-monin' ny Tontolo any an-koatra sy ny Tontolon' ny velona.

Misy ihany koa ny hevitra izay ifotoran' ny fandehan' ny fiaraha-monina. Ireo tafaraka ao amin' ny Tontolo iray dia tsy afaka hifampitazantazana fotsiny na samy haka ho azy fotsiny amin' izao mandritra ny fotoana ela. Fa, na nahim-pony na tsia, na tiany na tsy tiany, na ho ela na ho haingana, dia tsy maintsy tafahaona amin' ny vanim-potoana iray izay mitranga, na tafakambana noho ny toe-javatra iray izay miseho izy ireo. Tsy maintsy mipoitra izay fotoana na toe-javatra mahavoatery azy ireo hiara-miaina mandritra ny vanim-potoana fohy na lava, satria mpiara-belona amin' ny toerana iray izy ireo.

Toy izany, ohatra, ny amin' ny Razana Mpanjaka samy Razana Mpanjaka any amin' ny Tontolo any an-koatra na ny amin' ny Ampañito sy vahoaka ao amin' ny Tontolon' ny velona na koa ny amin' ny DADY sy *sazoka* an-daniny, sy Ampañito ary vahoaka an-kilany, eo anivon' ny Tontolon' ny velona mandritra ny FITAMPOHA.

Ny foto-kevitra mahalavorary ny fiarahana, rehefa misy ny iombonana, dia tsy inona indray fa ny hoe : *ifanaovana* ny zava-drehetra. Manan-kery amin' ny lafim-piainana maromaro ary amin' ny sehatra samy hafa io foto-kevitra io, eo anivon' ny Tontolo iray, nefa dia azo itarina amin' ny fifandraisana izay misy eo amin' ny Tontolo roa tonta. Koa ahoana marina ny fitrangan' izany hoe *ifanaovana* izany ao amin' ny fiaraha-monin' ny Tontolo any an-koatra sy Tontolo ambany maso ?

Ny ohatra voalohany horaisintsika dia momba ny FITAMPOHA : ny Ampañito no mitarika ny fampanaovana azy io, ny vahoaka no manatanteraka ny fombafomba fanao amin'izy io. Ao amin' ny Tontolon' ny velona izany dia ny ambaratonga roa samy manana ny maha izy azy no samy manefa ny anjarany ka mifameno izy ireo amin' izany : *ifanaovan'* ny vahoaka sy Ampañito, izany hoe, velona samy velona, ny fanatontosana — ara-bakiteny — ny FITAMPOHA.

Ny ohatra faharoa kosa dia momba ny velona sy ny razana : ny velona no mampisy dikany ny razana satria fantatra fa eo anatrehan' ny zava-mitranga maromaro ao amin' ny fiainany dia ny razana no nofidin' ny velona hitodihana. Heveriny amin' izany manko fa ny razana — araka ny finoana azy ireny — no loharano na antony mahatonga ireny zava-mitranga ireny, hany ka ny razana ihany no



azony antenaina fa ahitana vaha olana amin' izay mihatra amin' izy velona.

Setrin' izay kosa, ny razana dia tsy mandiso fanantenana ny velona, rehefa arahin' ny velona an-tsakany sy an-davany ny fepetra izay ampahafantarin' ny razana amin' ny fomba samy hafa fa mahalavorary ny fifandraisana aminy.

Horaisintsika an' ohatra amin' izany ny Razana Mpanjaka any amin' ny Tontolo any an-koatra an-daniny ary ny Ampañito ao amin' ny Tontolon' ny velona an-kilany.

Rehefa mihalefy ny hajan' ny fanjakana na misy tsy fetezana nanenika ny fanjakana dia arosen' ny Ampañito sy ny mpanotrona azy ny fanapahan-kevitra amin' ny fankalazana FITAMPOHA ka rehefa mby eo amin' ny FITAMPOHA dia *ifanaovan'* ny Ampañito sy ny Razana Mpanjaka ny AIN' ny DADY ary ny HASIN' ny AN-DRIAMANJAKA.

Ny ohatra fahatelo dia alaintsika mandritra ny FITAMPOHA ihany, ka ny Razana Mpanjaka an-daniny sy ny vahoaka mpanatanteraka an-kilany indray no asian-teny. Ny vahoaka moa no manefa ny fomba amam-panao mampisy ny FITAMPOHA, ary ny vokatra antenainy avy amin' izany dia ny fitahiana lehibe indrindra avy amin' ny Razana Mpanjaka : fandriampahalemana sy fahasambarana. Eto izany dia *ifanaovan'* ny Razana Mpanjaka sy ny vahoaka ny AIN' ny DADY ary ny filaminan' ny fiaraha-monin' ny velona. Tsetsatsetsa tsy aritra ihany no ilazana etoana fa — araka ny tena fandehany — ny filaminan-bahoaka dia vokatry ny fanamafisana ny rafitra ara-politika ambony/ambany iainan' ny Ampañito sy ny vahoaka rehefa nahazo hery vaovao indray mandritra ny FITAMPOHA ny fahamafisan' ny foto-pinoana ijoroan' ny fanjakana sakalava.

Mikasika ny fiaraha-monin' ny Tontolo any an-koatra sy Tontolon' ny velona amin' ny ankapobeny izany, dia *ifanaovan'* ny velona ao amin' ny Tontolo ambany maso sy ny razana any amin' ny Tontolo any an-koatra ny fandrindrana ny fifandraisan' ireo Tontolo roa tonta ireo. Manaraka izany, *ifanaovan'* ny velona samy velona ary ny razana samy razana kosa ny fahalavorarian' ny fiainana ao anaty Tontolony avy.

Ho antsika mpandinika, raha misy ny azo lazaina amin' izao fotoana izao, dia ny hoe : mbola Tontolo manontolo, tsy mivaky, tsy misaratsaraka no iainan' ny mponina ao Menabe. Na dia misy fizarana roa aza ao anatin' io Tontolo manontolo io, dia mifandray sy mifampitohy mandrakariva ireo toko roa misy ao aminy ireo. Ny mponina ao Menabe moa no anton-dresaka amin' ity indray mitoraka ity nefa azo antoka fa mbola maro ny mponina amin' ny fari-tra hafa eto amin' ny Nositry no manana finoana sy miaina toraka

izay efa voalaza momba an' i Menabe teo izay. Izany hoe, rehefa tsorina, ny rafi-pandaminana sy fiaraha-monina misy ao amin' ny Tontolo manontolo no votoatin' ny finoana ka mizara ho Tontolo any an-koatra sy Tontolon' ny velona io Tontolo manontolo io. Ny finoana indray dia sady mamaritra ny fomba amam-panao ara-pivavahana no miteraka ny rafitra mandamina ny fiaraha-monina eo anivon' ny velona : ny ara-pivavahana izany no mibaiko ny ara-politika. Ny ara-politika kosa dia mifehy ny fandaminana izay aha-fahan' ny famelomanà aina na fivelomana ara-toe-karena — araka ny endriny ananany amin' ny andro ankehitriny — miroborobo. Raha tsorina dia anjakan' ny ara-politika ny ara-toe-karena ary ny ara-politika dia eo ambany fahefan' ny ara-pivavahana. Baikoin' ny ara-pivavahana izany ny lafim-piainana rehetra satria ny finoana no fototra mbola eken' ny mponina ao Menabe sy any an-kafa fa manome ny heviny sy ny dikany fara lalina ananan' ny fiainana eto an-tany, ambaraka izao.

Ary izay toe-javatra izay indrindra no fanambanin' ny foto-javatra fahatelo izay mahatonga ny FITAMPOHA hanana ny lafiny iray amin' ny endrika ivelany izay isehoany. Mikasika ny fiantraikan' ny ara-pivavahana eo amin' ny ara-politika sy ara-toe-karena ny foto-javatra fahatelo, izany hoe, momba ny Mpanjaka velona sy ny olony ary ny vahoakany ary koa manaraka izany, momba ny Ampañito sy ny fanjakany an-daniny ary ny mponina manodidina azy ireo ankilany.

Ny lafiny resahina eto izany dia ny ara-panjakana sy ny vokatr' izany eo amin' ny fizotran' ny fiainana andavanandro. Ka momba ny Mpanjaka velona na Ampañito no anombohana ny dinika aloha.

### 1) Ny Mpanjaka velona.

Efa nomarihina ny amin' ny fahafantarana izay tena ho Ampañito marina rehefa mifarana ny fankalazana ny FITAMPOHA, ary efa nohazavaina ny amin' ny fitohizana na fampijoroana tsara sady mafy ny fanjakan' io Ampañito io miaraka amin' ny famaranana ny fankalazana ny FITAMPOHA.

Rehefa tafapetraka sy mitombina tsara amin' ny toerana ametrana azy ny Ampañito, dia samy miara-mahalala ny rehetra fa izy irery no afaka hanetsika ny DADY indray mba hisian' ny FITAMPOHA manaraka, raha tsy hoe — sanatriavina anie izany — mitranga ny toe-javatra hafahafa. Satria raha tsy misy ny Ampañito dia tsy hisy FITAMPOHA azo atao eo : iza tokoa moa no ho sahisahy hiantso Razana Mpanjaka na hitarika Fampandroana azy raha tsy misy taranany velona nankasitahan' izy Mpanjaka Razana afaka hampanao izany eo ?

Mpiantoka ny fitahirizana sy fiambenana ny DADY mandritra ny vanim-potoana manelanelana FITAMPOHA roa izany ny Ampañito voasandratra, ary dia karazan' ny Tompon' ny DADY ihany izy amin' izany : ka izay very DADY, very fanjakana, fa izay manana ny DADY no tena Ampañito.

Raha vao tapitra ny fankalazana ny FITAMPOHA dia mitohy tsy misy fiovana ny rafi-pandaminan' ny fiaraha-monina ao Menabe eo amin' ny lafiny ara-paolitika : mafy orina sy mijoro mahitsy ny rafi-pitondran' ny fanjakana sakalava. Izany hoe, mandidy sy manapaka tanteraka eo amin' ny fomba anjakany ny Ampañito. Tò teny antsakany sy an-davany ary teny midina arahina avy hatrany ny azy amin' izany. Izany akory tsy misakana ny Ampañito hanolotra andraikitra sy zo sasantsasany eo amin' ny fampandehanana ny raha-raham-panjakana amin' ny *manañila* izay azoazonny. Rehefa hatry ny ela no nanaovan' ny Ampañito iray izany, dia manjary adidy ifandovan' ny taranaka izany, hany ka lasa mpanotrona sy mpanampy azy lalandava ireo mpandova atỳ aoriana. Ny vahoaka kosa dia vonona hatrany amin' izay iantsoana azy ary, manaraka izany, manatanteraka tsy manao adihevitra. Mandraka ity ny androany dia mbola misy ireo taranaky ny mpanompon' ny Ampañito fahiny, izay miara-mihevi-draharaha amin' ny Ampañito ankehitriny sy mikarakara ny momba ny Ampañito manokana. Anisan' izy ireny ny mpitahiriry fomban-drazana sy mpahalala ary mpanaja fanaon-drazana tsara indrindra.

Tsy refesi-mandidy ary afaka manao jadona ny Ampañito satria fahefana miorina amin' ny HASIN' ny ANDRIAMANJAKA no eo am-pelatanany : tsy avy amin' olombelona sady tsy andairan' izay mety ataon' olona izany ny fototra ijoroan' ny maha mpanjaka ny Ampañito. Noho izany dia tsy mba azo helingelenina na itsivalanana kely akory aza izy ary tsy azo hožongozonina mihitsy ny Ampañito fa dia tsy maintsy ekena izay didiny. Mazava tsara tokoa eto ny fiantraikan' ny ara-pivavahana amin' ny ara-politika. Nefa tsy irery akory ny Ampañito amin' izany, fa miara-dia aminy ny olony sy vahoakany. Koa dia fanjakana sakalava atao indray mijery kosa no handehanan' ny saina amin' izao manaraka izao.

#### b) *Ny fanjakana sakalava.*

Ny fahitana ny fanjakana sakalava amin' ity indray maka ity dia toy ny vondron' olona izay tafaraka sy miombona amin' ny fanarahana mpitondra iray — dia ny Ampañito izany — ary miara-manaiiky ny fomba itondrany — dia ny fomba anjakan' ny Ampañito izany. Izay no tena zava-dehibe iombonana ka mampiray hina ny ao anaty fanjakana. Ny tsy maintsy jerena ankoatr'izay dia ny fifandraisana

misy eo amin' ireo sokajin' olona samy hafa ao anatin' izany fanjakana izany, ka ny FITAMPOHA ihany no ahitana mazava indrindra ny fandehan' izany fifandraisana izany.

Tsy misy fotoana na toe-javatra tsara mihoatra noho ny FITAMPOHA mba hahatafavory ny olon-drehetra ao amin' ny fanjakan' i Menabe, ka ny FITAMPOHA no fanararaotra ho fihaonan' ny Ampañito sy ny manañila mba hiheverana ny lafiny samihafa amin' ny raharaham-panjakan' i Menabe na hamitranana izay nivahavaha na nisaratsaraka teo amin' ny Ampañito sy manañila. Alamina sy arindra tsara indray ny andinidiny amin' ny fomba ifandraisan' ny Ampañito sy manañila, izany hoe, atao mizotra tsara indray ny fiaraha-monin' ny Ampañito sy manañila. Rehefa izany, dia mandritra ny FITAMPOHA no manamafy ny tokim-panohanana sy tokim-pankatoavana ny Ampañito ny manañila, ary setrin' izay dia eo ihany koa no maneho ny fankasitrahany ny manañila ny Ampañito : eo izy no manome valisoa na mari-pihavanana toy ny «sofinaombe» (1), eo koa ny Ampañito no mamerina amin'ny laoniny ny fifaneraserana amin' ny manañila izay nihataka na noroahina, ary farany eo koa no nahitana ny Ampañito nampiakatra foko vohitse iray ho manañila.

Ambonin' izay, mandritra ny FITAMPOHA, izay fotoana mahatomombana indrindra ny famoriana vahoaka no atao velona tsara indray ny fifamatoran' ny vahoaka sy Ampañito : ny vahoaka no manoa ny Ampañitony amin' ny fanatanterahana an-tsakany sy andavany izay tokony hatao hahalavorary ny FITAMPOHA, dia satria manantena fiarovana sy fitiavana avy amin' ny Ampañitony izy ka izay no hiteraka fiadanana sy fahasambarana. Ny Ampañito kosa no mampita amin' ny vahoakany ny fitahiana izay azony avy amin' ny Razany Mpanjaka, ka amin' ny alalan' ny fihetsiny sy fanomezany, dia satria mankasitraka sy mamaly fitia ny vahoakany izy. Inona tokoa moa izay Ampañito tsy manana vahoaka anjakana ? Sady tsy afaka mankaiza no tsy misy dikany izy raha izay.

Koa raha fintinina ny hevitra raketin' ny FITAMPOHA eo amin' ny lafin-kevitra ara-panjakana dia azo lazaina fa fanavaozana ny fahamafisan' ny rafi-pitondrana misy no kendraeny amin' izany : rafi-pitondrana mandeha araka ny an-tanan-tohatra miampy ny fifamehezan' ny ambaratonga ambony/ambany rehetra. Hatramin' izay ka hatramin' izao dia mbola mirindra sy mafy orina araka izany ny fanjakana sakalava ka izay no mahatonga ny lazany sy heriny, izay porofoin' ny fanajana azy asehon' ny mpila ravin' ahitra rehetra avy manorim-ponenana ao Menabe.

---

(1) sofinaombe : sarisary izay marika manokana an' ny tompon' omby ka arahina rehefa didiana na tetehina ny sofin' ny ombiny rehetra mba hahalalana fa azy no omby.

d) *Tompon-tany sy mpiavy ao Menabe.*

Mpila ravin' ahitra eo amin' ny sehatry ny varotra na fambolena na fiompiana manko ny ankamaroan' ny vahiny izay misafidy honina ao Menabe na hifampiraharaha ara-toe-karena amin' i Menabe. Efa hatramin' ny ela no hita fa sady misy tanàna amoron-dranomasina fitodiam' ny sambo mpantrato arabo sy vazaha no manana tany mahavokatra ny faritr' i Menabe. Kanefa ny mpiavy vonona hiasa sy hamokatra amin' io faritra io dia tsy ho afaka velively hihary ankalalahana sy hiroborobo amiin-piadanana raha tsy tsara tso-drano avy amin' ny tompon-tany izy ireny, izany hoe, raha tsy nankasitrahana sy neken' ny Ampañito sy manañila ary vahoaka sakalava ny fivezivezen' izy ireo na ny fipetrahany ao Menabe mihitsy aza.

Noho izany anton-javatra izany, ny fotoanan' ny FITAMPOHA no andro iray toa zato izay fampisehoan' ny vahiny rehetra monina ao Menabe na mifampiraharaha aminy, ny fitandroan' izy ireo ny fiaraha-monina tsy misy raorao amin' ny tompon-tany. Koa mandritra ny FITAMPOHA no anehoan' ny vahiny rehetra ny fankatoavany ny maha izy azy ny fanjakana sakalava amin' ny alalan' ny fiarahabana sy fanaterana izay mba fandraisany anjara amin' ny FITAMPOHA : na npiray tanindrazana avy amin' ny faritra hafa eto amin' ny Nosy, na olom-pirenena avy any ivelan' ny Nosy, tsy misy izay midify amin' izany adidy izany, raha mbola te hoheverina fa anisan' ny mahalala fomba sy mahay olona malagasy.

Ny akon' ny FITAMPOHA anefa dia tsy mijanona ao anatin' ny fanjakan' i Menabe fotsiny fa mitatra amin' ny faritra manodidina azy : malaza ho mahatana ny fomban-drazany sy manohy ny maha izy azy i Menabe ka na ny ao avaratra na ny ao atsimo dia tsy mianina hitazana fotsiny na hijanona fotsiny amin' izao.

e) *Fanjakan' i Menabe sy ny manodidina azy.*

Eo imason' ny tany ama-monina manodidina, dia voninahitra sy haja ary laza tsara ho an' i Menabe ny nahavitany fankalazana FITAMPOHA : tsy mba ho potika mihitsy i Menabe fa mbola eo dia eo tokoa ny zava-mavesa-danja indrindra mampijoro azy sy mam-paharitra ny antom-piainany eto an-tany. Ka tsy fantatra na ny antony nahatonga ny nanaovana FITAMPOHA na ny voka-tsoa azo taorian' ny FITAMPOHA na ireo mitambatra no nahasarika ny faritra mifanolo-body rindrina amin' i Menabe, fa ny zava-nisy dia ny fankalazan' ny any atsimon' i Menabe ny TAMPOKE masikoro tamin' ny taona 1979, ary ny fanatanterahan' ny ao avaratr' i Menabe ny FANOMPOANA na « Fitampoha » n' Andriamisara efa-dahy tao Boina tamin' ny taona 1980. Soritana fa Fandroan' ny Mpanjaka Razana na ny TAMPOKE na ny FANOMPOANA.

Ambonin' izay ny lazan' ny fomba amam-panao sakalava, fa indrindra eo amin' ny lafiny ara-pivavahana, dia hita porofo avokoa amin' izao andro ankehitriny izao. Azo atao hoe vao mainka aza izy ireny manan-kery amin' ny faritra maro eto amin' ny Nosy — raha ny fielezan' ny finoana momba ny Tontolo any an-koatra sy ny fandraisana ny fombafomba aterak' izany no dinihina ; dia ny tromba, ny doany sy ny zava-drehetra mikasika ireo izany.

Tonga amin' ny fotoana izay tokony hamehezana izay misongadina indrindra momba ny hevitra ny FITAMPOHA angamba isika izao :

-- ny Razana Mpanjaka, izay any amin' ny Tontolo any an-koatra no misy azy, dia mbola azon' ny velona ifaneraserana amin' ny alalan' ny DADY sy *sazoka* ;

-- ny fanavaozana ny AJINA sy ny HERY maimelona ny DADY amin' ny alalan' ny FITAMPOHA ao anaty renirano Tsiribihina no vato fehizoron' ny fiaraha-monina ao Menabe na ara-pinoana na ara-panjakana izany ;

-- ireo zava-draa lcha fotoatin' ny FITAMPOHA ireo no miteraka ny hevitra izay mamaritra ny anjara asa sahanin' ny FITAMPOHA, rehefa ampiasaina ho fitaovana ara-pivavahana ny fomba amam-panao efaina anatanterahana azy, ary indrindra rehefa ampiasaina ho fitaovana ara-politika ny vokatra ateraky ny finoana raketiny -- vokatra izay mibaribary amin' ny fotoana ankalazana azy.

Ny fahavitana fankalazana FITAMPOHA tamin' ny 1978 moa dia noraisin' i Boina -- izay fanjakana zandriny araka ny Tantara -- ho fampirisihana mba hanandratra ny azy. Tsy latsa-danja noho ny FITAMPOHA manko ny azy, raha ny fombafomba efaina sy ny famoriana vahoaka no heverina. Sady tsy iza no nitarika tamin' izany fa ny mpanjaka ankehitriny ao Menabe, izay nipetraka ela tao Mahajanga fony fahavelor-drainy. Koa ny FANOMPOANA fanaon' i Boina no hodinihintsika indray izao na dia «Fitampohan' Andriamisara efa-dahy» no niantsoana azy tamin' ny fankalazana azy farany teo : ny Tantara ihany no habitana any aoriana any raha hotazonin' i Boina ihany na tsia io anarana vaovao io.

### FANOMPOANA (BOINA)

Fandroan' ny Mpanjaka Razana izay fomba amam-panao mbola tena velona mandraka androany amin' ny faritra iray hafa -- dia i Boina izany -- no hatrehintsika indray izao.

Toraka ny Fandroana samihafa efa notaterina hatramin' izao dia manaraka ny drafitra ankapobe misy Fiomanana sy Fanomanana,

Fanatanterahana ary Famaranana ny Fandroan' ny Mpanjaka Razana ao Boina, izay atao hoe FANOMPOANA. Nefa mialoha ny fandinihana ny fanaovana ny FANOMPOANA dia tsy maintsy velabelarina ny amin' ireo lahatsoratra niaingana sy nifotorana ary aorian' izay no aroso ny fanadihadiana momba ireo JINY, izany hoe ireo DADY izay ivondronan' i Boina. Tsy azo sarahina amin' izany moa ny Tantara nodiavin' ity fanjakana sakalava zandriny ity, hatramin' ny niandohany tamin' ny taon-jato faha-XVIII ka hatramin' izao, rehefa nivadibadika tokoa nandritra ireo taon-jato faha-XIX sy faha-XX. Ary ny anarana nomena an' io Fandroan' ny Mpanjaka Razana io dia nanaraka rahateo ihany koa ny onjan' ny Tantara, izany hoe, ny fiovaovana nisy teo amin' ny fomba iantsoana na ilazana azy io dia hiarahantsika mahita eo.

Ny lahatsoratra anankiroa izay ianteherana sy ifotorana moa dia efa nolazaintsika tarỳ aloha fa nosoratan' ny mpitantara azy ireo tamin' ny vanim-potoana azo heverina fa ao anatin' ny *Mitady ny very* (1927-28, 1932) : mamohafoha ny lasa efa tsy fantatry ny taranaka taty aoriana intsony ireo lahatsoratra ireo. Samy vavolombelona nahita maso izay lazainy ireo mpitantara ireo fa tsy mampita lovantsofina tsy akory. Soritana anefa fa tsy mba anisan' ny taranaka mpanjaka Zafimbolamena tompon' ny tantara izy ireo, na koa mpandray anjara mivantana amin' ny fanatontosana ity fomba-fomba atao hoe FANOMPOANA ity. Mazava ho azy koa fa tsy ahitana ny akon' izay zava-nitranga tany Boina — indrindra fa arapolitika na ara-pivavahana — hatramin' ny vanim-potoana nanoratana azy ireo no mankatỳ ireo lahatsoratra ireo. Noho izany ny azontsika tsoahina avy amin' ireo lahatsoratra ireo dia ireo fomba-fomba fototra tonga fanao raikitra teo am-piandohan' ity taon-jato ity. Amin' izay dia afaka hanao fampitahana tsara ireo izay mbola hanatrika ny FANOMPOANA manaraka rehetra ka hahita ny fanamboarana, ny fanitarana na ny fanampin-javatra natao izay vokatry ny fiantraikan' ny toe-javatra isan-karazany niseho tany Boina hatramin' izay.

RABESIHANAKA no mpitantara voalohany ary Manamboninahitra ambony tamin' ny tany malagasy izy : tany Boina sy tamin' ny faritra avaratra-andrefan' ny Nosy, indrindra tao amin' ny baterỳ tao Anorotsanga no anisan' ny nanaovany asa miaramila, ary 12 Voninahitra izy tamin' izany. Efa taty amin' ny andron' ny fanjanahantany izy vao nanoratra ary nampitondrainy ny lohateny manao hoe «Tantaran' ny Sakalava» ny zava-bitany tamin' izany ka azo navoaka tao amin' ny gazety-boky *Ny Mpanolo-tsaina*. Ny fizarana voalohany ao amin' io tantara io no ahalalana izay nahatonga ny fisian' i Boina niaraka tamin' ny fiaingan' ANDRIAMANDISOA-RIVO sy ny fanorenany ny renivohiny tao Trongay rehefa avy nandresy ny tompon-tany rehetra efa nonina tamin' iny faritra iny sy

nahatafajoro fanjakana izy. Aorian' izay dia tanisain-dRABESIHANAKA ny fihodinkodinan' ny fandovàm-panjakana izay mameno ny tantaran' i Boina noho ny fiparitahan' ny taranak' ANDRIAMANDISOARIVO. Ny toko faharoa sy fahatelo kosa dia natokan' ny mpanoratra amisavisàna izay nitranga tamin' ny niavian-dRadama I ary nozohiny hatramin' ny andron-dRadama II izany. Ka lazain-dRABESIHANAKA amin' izany ny nametrahan-dRadama I an' Iombalahivelo ho Andriambaventy sakalava «hiara-hanao fanjakana amin-dRamanetaka» izay Konandy tao Mahajanga. Teo koa ny ady nifanaovana ka nitsahatra tany Boina rehefa nandositra hatrany amin' ny nosy Maiota ny mpanjaka ANDRIANTSOLY. Mitohy eo koa ny nandosiran-dRamanetaka tany Komoro raha vao nanomboka ny andron-dRanavalona I. Ny toko fahefatra sady farany no anomezan-dRABESIHANAKA ny andinidiny momba «Ny Fanompoan' ny Sakalava» izay «fivoriana lehibe ataon' ny Sakalava ao Mojangà» : ao ny antony, ny zavatra izay tsy maintsy entina, ny toerana ivoriana, ny atao fanatitra ary ny fombafonibampivavahana rehefa «hampiseha», izany hoe, hampandro ny Razana Mpanjaka. RAKOTO Alexis kosa dia mpiasam-panjakana tamin' ny faritanin' i Mahajanga tamin' ny andron' ny Vazaha. Nanao fitantarana voalohany momba «Ny Fanompoa-manitsy» izay navoakan' ny gazety *Ny Mpandinika* izy aloha, ary io lahatsoratra io no tena imasoantsika. Nefa taty aoriana izy dia nanome filazalazana fanampiny rehefa namoaka ny hoe «Le Culte d'Andriamōsara» tamin' ny teny frantsay tao amin' ny *Bulletin de l'Académie Malgache*. Asongadin' ny mpitantara ao amin' ny «Fanompoa-manitsy» ny asa fanomanana samihafa, ny teny ampilazain' ny tromban' ANDRIAMISARA sy ny valin-teny omena azy amin' izany ary ny fanao eo am-pamaranana ny FANOMPOANA.

Fa raha nivadihadika toy izany tokoa ny tantara tao Boina dia ho tonga ho azy ny fanontaniana manao hoe : fa iza moa ireo Razana Mpanjaka ampandroina ? Ary raha tiana hazava kokoa noho izany aza ny fanontaniana dia tokony hatao hoe : Fandroan' ny Mpanjaka Razana iza marina no ankalazaina mandritra ny FANOMPOANA ? Ny tantaran' ny fanjakana tao Boina sy ny JINY namory azy io no hanome ny valiny amin' izany.

### *JINY namory an' i BOINA*

Niainga tokoa manko ANDRIAMANDISOARIVO izay zandrin' ANDRIAMANETSARIVO (1), Mpanjakan' i Menabe tamin' ny

---

(1) Marihina eto fa nampifamadihan-dRABESIHANAKA ny anarana nomeny : ANDRIANTSOANARIVO izay lazainy dia nanjaka 80 taona taty aoriana sady manana ny laharana fahenina rahateo amin' ny DADIn' i Menabe. ANDRIA-



faramparan' ny taon-jato faha-XVII, mba «hitady fanjakana any avaratra any» (1). Porofon' fa nitso-drano tanteraka ny zandriny ity zokiny dia nomen' ANDRIAMANETSIARIVO sombiny (sila-karandoha, foto-bolo, hoho) nalaina tamin' ny DADY ANDRIAMISARA sy tamin' ny DADY ANDRIANIHANINA ANDRIAMANDISOARIVO ary nanamboarana fitahirizana azy izy ireny ka tao anaty «ampondifanjava», izany hoe tandro-bolafotsy manokana no fasia-na sy fitondrana azy ireny. Ambonin' izay, mbola nomen' ANDRIAMANETSIARIVO ampongabe iray nampitondrainy ny anarana hoe «Manandriandavitra» sy sarin-tsofin' omby nataony hoe «Mitoliha» ANDRIAMANDISOARIVO. Manaja ny andriana [zokiny rehefa] an-[tany] lavitra no hevitra ny hoe «manandriandavitra» ary izany anarana izany no manome ny dikany ity ampongabe ity : rehefa dobohana i Manandriandavitra dia manolotra miaraka amin' izay ny haja tokony ho an' ny andriana zokiny — izay mitana ny tanindrazana niaviany ao atsimo — ny andriana zandriny izay nanorina am-pielezana any avaratra fanjakana zandriny. Manaraka izany, «mitodihana» hoy ANDRIAMANETSIARIVO tamin' ANDRIAMANDISOARIVO «mba hahatsiarovanao ny tany nialanao» : izay kosa dia mitory fa na dia zandriny aza ny any avaratra dia iray razambe ihany ny fanjakana roa tonta, izany hoe izy sy ny ao atsimo.

Ny velaran-tany nanjakan' ANDRIAMANDISOARIVO dia eo anelanelan' Ambongo izay manaritra ny sisiny andrefana sy ny renirano Mahajamba izay sisiny atsinanana. Trafran' ANDRIAMANDISOARIVO tao ny tompon-tany izay efa nonina tao — dia ny Mananadabo izany — ka noreseny sy nampiasainy hanao ny lapany amoron' ny renirano Mahavavy atsimo tao Trongay (atsimon' i Mitsinjo). Marihina anefa fa ny tromban' ny mpanjaka Mananadabo resy dia mety ho tonga mandritra ny FANOMPOANA ka manindry sy nampiteny eo ny olona hetsehiny, hoy RABESIHANAKA.

Nanomboka tamin' ANDRIAMANDISOARIVO ny fianakaviana manjaka naka ny anarana hoe Volamena ary ny taranaka manjaka natao hoe Zafimbolamena no hany irery azo angalana mpanjaka ho an' i Boina ka tsy maintsy Zafimbolamena ray sy Zafimbolamena reny izy amin' izany. ANDRIANAMBONINARIVO, zanak' ANDRIAMANDISOARIVO, dia mbola mpanjaka tokana tao Boina, fa tamin' ny zafiny kosa dia niseho voalohany ny fizarana fanjakana. Teo amin' izy mirahalaha zafin' ANDRIAMANDISOARIVO,

---

MANETSIARIVO, izany hoe ANDRIAMANETRIARIVO, no tena izy ka manana ny laharana fahefatra ao amin' ny DADIN' i Menabe izy io.

(1) Ny antony niaingan' ANDRIAMANDISOARIVO avy any Menabe dia satria sady tsy te hizara fanjakana amin' ny zokiny no tsy mahandry izay fotoana tokony handovany fanjakana izy zandriny : izay no azo takarina rehefa nojereny ny lahatsoratra samy hafa momba an'i Menabe sy Boina.

dia ANDRIANAILITRARIVO izay zandriny no nitaky ka nomena ny ilany atsinanana amin' ny fanjakana, izany hoe, ny am-pita atsinanan' ny renirano Betsiboka ary Betsioka no nataony renivohitra. Fa ny zokiny izay «nahatsindry» ihany, dia mbola nitana ny ilany andrefana nefa nafindran' ANDRIAMAHATSINDRIARIVO tao Mahabo (amoron' i Mahavavy atsimo ihany) indray ny renivohiny.

Araka ny fahitana azy, dia ity mpanjaka zokiny farany ity, fony fahavelony, no tokony namory sy nampikarakara ny fitahirizan' ireo JINY roa voalohany nentin' ny raibeny avy any Menabe ary nasainy nampiana JINY roa hafa indray izay tsy iza fa ny raibeny ANDRIAMANDISOARIVO izay nanorina an' i Boina sy ny rainy ANDRIANAMBONINARIVO mpanjaka tokana voalohany nandimby an' ANDRIAMANDISOARIVO tao Boina. Raha izany dia azo lazaina fa ireto avy ireo JINY fototry ny fanjakan' i Boina :

- 1) ANDRIAMISARA
- 2) ANDRIANIHANINA (na Andrianihaninarivo na Andriamahamanina araka ny ilazana azy ao Boina)
- 3) ANDRIAMANDISOARIVO
- 4) ANDRIAMBONINARIVO.

Koa ny fitambaran' izy ireo no maha efatra an' ANDRIAMISARA EFA-DAHY -- araka izay anononana azy eo amin' ny FANOMPOANA azy ireo.

Mandritra ny FANOMPOANA anefa dia tsy ireo ihany no ampan-droina fa mbola misy hafa izay ampiarahina amin' izy ireo. An' ny taranaka Zafimbolamena sasantsasany nanjaka tamin' i Boina andrefana na atsinanana ireto JINY farany ireto, ary taty aoriana vao nafindra ho iray toerana daholo ao amin' ny doanin' i Miarinarivo (Mahajanga) izy rehetra. Ny famoriana farany moa dia vita tamin' ny taona 1980 lasa teo iny.

Ny tantaran' ny taranak' ANDRIAMANDISOARIVO no azo anarahana amin' ny antsipiriany izay nataon' izy ireny sy ny niafarany ary koa ahalalana ny anaran' ireo JINY fanampiny ireo. Tsy mora anefa izany satria sady nisaritaka no nifamahofaho be ihany ny fandehan-javatra raha ny momba ny Zafimbolamena no resahina. Ny faritra roa tao Boina dia samy nanana ny tantarany, nefa izany akory tsy nisakana ny tao atsinanana hiankandrefana na hianavara-tra, ary ny tao andrefana hiantsinanana. Noho izany dia tsy maintsy ampiadiana aloha ny filazana samihafa ary akapoka ho iray vao hita eo izay azo raisina.

Eo amin' ny anaran' ny mpanjaka no tena misy fiovana, ary fiovana kely na be arakaraka ny lovantsofina na arakaraka ny fitenim-paritra. Tsy atao mahagaga ny fiovaovana misy eo amin' ny lovantsofina izay taterin' ny olona samihafa satria zava-pitranga io ary

mety ho maromaro ny anton' izany tarehin-javatra izany. Indrindra raha mikasika ny anaran' olona — rehefa ny Malagasy no heverina — dia fantatra fa misy fombafombany izy io ka ao anatin' izany ny fiovana anarana : eo ny anarana ofisialy izay omena amin' ny raha-raham-panjakana na ho an' ny vahiny, eo ny fomba iantsoan' ny fianakaviana sy ny olona manodidina ny tena (anaram-bositra, fanamarihana toetra na fihetsika manaitra, zava-bitra, sns...) ary eo koa ny fiovana anarana izay ataon' ny tompony na ataon' ny mpiara-belona ka fanao rehefa misy toe-javatra manokana eo amin' ny fiainana (tera-dahy, zava-manjò, miova toerana na asa, sns...). Koa arakaraka ny olona niteny (havana, vahiny) sy arakaraka izay olona (havana na vahiny) nandre iny teny iny ka nirakitra azy an-tsoratra no mety hitrangan' ny fiovaovana, ohatra eo amin' ny anarana : dia eo ny anarana voatonona sy ny anarana ren' ny sofina ary ny anarana nosoratana. Momba an' ANDRIAMANDISOARIVO indrindra no niseho izany rehetra izany satria fony fahavelony dia Tsimanato na Tsimeñatse no lazain' ny lovantsofina vahiny vazaha fa anarany, nefa i Toedefona no tena anarany, hoy RABESIHANAKA. Nony natao JINY indray izy dia ANDRIAMANDRISOARIVO no anarany, hoy ny lovantsofina taterin' ny vahiny (mandriso = manesika fahavalo) ary ANDRIAMANDISOARIVO kosa, hoy RABESIHANAKA (mandiso = mandao [an' i Menabe]). Hany ka mila fandinihana fatratra ny zava-natao sy ny toerana nalehan' ireo taranak' ANDRIAMANDISOARIVO ireo. Fa indrindra ambonin' izany rehetra izany, ny ao Boina dia mbola tsy namoaka na ny anarana na ny filaharan' ireo JINY voafidy hiaraka amin' ANDRIAMISARA efa-dahy.

Noezahina hofintinina amin' ny ankapoben-javatra ihany angamba ny tantaran' ny Zafimbolamena izay halahatra manaraka eto, ary ohatra vitsivitsy amin' ireo mpanjaka tena niavaka ihany no omena. Hatreo amin' ny zana-jafin' ANDRIAMANDISOARIVO (faran' ny taon-jato faha-XVIII) no mankaty dia mizara telo ny tantaran' ny Zafimbolamena, raha ny tena izy :

1) ireo niankandrefana dia ireo izay niady tamin' ny fianakaviana nefa resiny, ary lasa nitsangana ho mpanjaka any Ambongo ;

2) ireo nianavaratra kosa dia ireo tsy nanaiky an-dRadama I sy ny mpandimby azy ka nandositra nanitatra ny fanjakan' i Boina hatrany Sambirano sy Nosy-Be. Izy ireo koa moa no nanolotra ny fanjakany ho eo ambany fiarovan' ny Vazaha frantsay tamin' ny taona 1840. Ny malaza indrindra amin' izy ireo dia ny mpanjaka Andriantsoly izay tsy nijanona hatramin' ny farany tany amin' ny nosy Maiota fa niverina tao Anorontsanga, ary tany Nosy-Be izy no nalevina sy nomena ny anarana hoe ANDRIAMANAVAKARIVO :

ny trombany anefa dia anisan' izay avy mandritra ny FANOMPOANA ka tonga manindry sy mampiteny ny olona izay hetsehiny eo ;

3) ny nanjaka teo Boina ihany ka ny fantatra tsara talohan' ny niavian-dRadama I dia Ravahiny izay natao hoe ANDRIAMAMELONARIVO ary Tsimilomo (na Tsimalomo na Tsimaloma) izay nantsoina hoe ANDRIAMANESIARIVO (na Andriamanisiarivo). Tamin' ny andron-dRanavalona I sy ny nandimby azy dia ny Komandy na Governora napetraka tao Mahajanga no manana ny fahefana amin' ny raharaham-panjakana sy miaramila saingy navela ho mpanjaka amin' ny faritra misy azy ihany ny Zafimbolamena. Oantitsy izay ANDRIAMANORINARIVO sy Ramboatofa na ANDRIAMAHAVITARIVO no anisan' izay lazaina eto amin' izy ireny.

Koa ireo JINY izay ampandroina manaraka an' ANDRIAMISARA efa-dahy izany dia ireo sasantsasany avy tamin' ny doany samihafa tany Boina andrefana na atsinanana toa an' i Bezavo, Mahabo, Betsioka, Androtra, sns..., tahaka an' ANDRIAMAHATSINDRIARIVO, ANDRIAMAMELONARIVO sy ny hafa koa.

Rehefa izany dia azontsika tomorina akaiky ny amin' ny FANOMPOANA nefa misy fanamaitihana tsy maintsy hatao sy fanazavana vitsivitsy tokony homena alohan' ny tena andinidiny.

## FANAMARIHANA SY FANAZAVANA VITSIVITSY MIKASIKA NY FANOMPOANA

Manana ny tantarany tokoa ny FANOMPOANA eo amin' ny maha fitambarana fomba amam-panao azy io, satria taratry ny zavaintranga sy niantraika tamin' ny fiainan' ny mponina sy mpanjakan' i Boina izy io. Raha ny fombafomba nolovana avy tany Menabe no niaingana dia nampidiran' ny mpanjaka sy mpitahiry fomban-drazana fitaovana na fanao nofantenany araka ny vanim-potoana na araka ny karazany ny FANOMPOANA. Izany dia sady vokatry ny famoronana nataon-dry zareo Sakalava ihany no vokatra nateraky ny fifampikasokasohana nisy teo amin' ny mpanjaka sy ranitra mpanjakan' i Boina an-daniny ary, an-kilany, na ny Antalaotra na ny Vazaha na ny Merina.

Amin' izany, ny Antalaotra dia tsy vitan' ny hoe efa nahalavory varotra tamin' iny morontsiraka avaratra-andrefan' ny Nosy iny hatramin' ny taon-jato roa na telo talohan' ny nahatongavan' ANDRIAMANDISOARIVO, fa nanorina tanàna izy ireny : ohatra Kingany, Kandran' (na Kandreny), Kasany ary indrindra fa Boeny, sns... izay mbola samy ao daholo ankehitrivo. Natao hiarovana ny fampidirana entana sy hanangonana izay aondrana an-dranomasina

ary ho toeram-piaingana hanaovana varo-mandeha an-tanety ireny tanàna ireny. Ka ny renivohitry ny Antalaotra tamin' izany fotoana taloha izany sy tamin' iny faritry ny morontsiraka anelanelan' i Mahajanga sy Soalala iny, dia tsy iza fa i Boeny na Boeni — araka ny fanononan' ny « Arabo » sy Vazaha azy. Io Boeni io dia anaran' ny tanàna faharoa naorin' ny razamben' ny Antalaotra fony izy ireny mbola tany Afrika atsinanana, hoy ny lovantsofina momba ny dian' i HASSANI sy ny ankohonany ary ny taranany (1). Etsy andanin' izany, ny sarin-tany tranainy nataon' i Hendrick HONDIUS (holande izy io) ary navoaka tamin' ny taona 1644 (2) ka mampiseho ny morontsiraka Afrika atsinanana, dia ahitana fa nisy tanàna efatra izay nitandahatra tamin' ny morontsiraka, tandrifin' ny faritra manelanelana ny nosy Zanzibar sy ny nosy Pemba izay tsy lavitra fa ao avarany ihany. Raha avy aty atsimo no mianavaratra no itanisana ireo tanàna ireo dia toy izao izy ireo :

- 1) *Bueni*
- 2) *Matanguete*
- 3) *Tangon*
- 4) *Anembe*.

Azo lazaina izany fa tamin' ny taon-jato faha-XVII dia mbola nisy Vazaha holande nahita — na farafaharatsiny nandre— ny fisian' izany « Bueni » izany.

Tsy nahita fandriam-pahalemana tany Afrika' atsinanana ireo Antalaotra, ka dia nisafidy hankatỳ Madagasikara : ny helodrano nofidiny hitodiana sy hijanonana maharitra dia mbola nataony hoe Boeny ihany (anelanelan' i Katsepe sy Namakia izy io) ary farany dia nomeny ny anarana hoe Boeny ny tanàna izay naoriny teo amoron-dranomasina teo ihany (3). Niaiky ny herin' ANDRIAMANDISOARIVO ny Antalaotra ary nila fihavanana taminy raha vao hitany fa ho mpanjaka tekana ao Boina izy. ANDRIAMANDISOARIVO kosa, dia nampiasa avokoa ny Antalaotra eo amin' ny fifandraisany amin' ny any ivelany : nahazoany lamba marevaka

---

(1) izany dia araka ny lovantsofina noraketin' i GUILLAIN ary hita ao amin' ny « Histoire ancienne du Nord-Ouest de Madagascar » nosoratan' i VERIN (P.) ao amin' ny t. 89-91. Am-pita atsimon' ny tanàna sy vavaranon' i Pangani, hono, no nisy an' i Boeni, ary ny faritr' i Pangani kosa dia an-tanibe am-pita somary avaratra kely ny nosy Zanzibar (izany hoe, amin' ny morontsiraka farany avaratra ao Tanzania ankehitriny).

(2) Anisan' ny tao amin' ny Fampisehoana Sarin-tany — indrindra momba an' i Madagasikara sy Afrika atsinanana — izay nisy tao amin' ny Foibe fitahirizana zava-kanto sy vako-drazana ao Isoraka (Musée d'Art et d'Archéologie) nandritra ny volana Avrily 1981.

(3) Ankehitrivo efa lasa atỳ an-tanety i Boeny, fa Boeny-Ampasy sy Boeny-Arenta no manamorona ny ranomasina.

sy sarobidy, vakana, vilia bakoly, sns... ary nahafahany namarotra olona (ny babo sy ny resy), hazo an' ala, volamena koa angamba, sns...

Raha ny fifandraisana amin' ny Vazaha indray no asian-teny dia efa nirosoan' ANDRIAMANDISOARIVO hatramin' ny fiandohan' ny fanjakany mihitsy io : tantsambo vazaha mitam-basy 20 no nampy azy handresy ny mponina rehetra izay sendra azy. Tamin' izay dia nahazo basy, bala, vanja sy vola vazaha ANDRIAMANDISOARIVO. Setrin' izay kosa dia fahafaham-po tanteraka no azon' ireo Vazaha mpividy andevo rehefa naka ny babo sy ny resy rehetra izay nilainy izy ireny. Ny taranak' ANDRIAMANDISOARIVO dia nanohy hatrany ny fifandraisany amin' ny Vazaha, ary nisy foana hatrany ny takalo sy ny varotra teo amin' i Boina sy ny mpandranto vazaha.

Tamin' ny andron' ny Merina kosa no nanokanana an' i Mahajanga ho renivohitr' i Boina (fiandohan' ny taon-jato faha-XIX). Fa talohan' izay dia tanàna efa nisy hatry ny ela izy io ary ny Antalaotra no nampalaza azy voalohany, ka Mojangay no niantsoany azy tamin' izany fotoana izany (taona 1745 eo ho eo). Rehefa avy nandamina ny fanjakany manko ANDRIANAIVANARIVO, ka izy indray no mpanjaka tokana tao Boina, dia nanorina ny lapany sy nonina tao Marovoay izy : niaraka tamin' izay dia nitombo tokoa ny varotra ary ny sambo salasalany dia afaka nifamoivoy tao amin' ny vavarano sy ony Betsiboka hatrany Marovoay. Ny tena fitodiantsambo anefa dia tao Mojangay izay nonenan' ny Antalaotra niampy Karàna ary Ajojo (1) : ireo no mponina maro indrindra tao ary nitana ny varotra sy fitaterana an-dranomasina fa ny Sakalava dia mbola vitsy ihany. Rehefa nandroso tsara Marovoay, dia toraka izay koa Mojangay ka nihamaro ny Sakalava ary nanatona ny Malagasy hafa. Antony ara-miaramila tany am-boalohany — nefa araka ny tena izy — antony ara-toe-karena izany, no nahatonga an' i Mojangay ho renivohitr' i Boina tamin' ny fiandohan' ny taon-jato faha-XIX. Amin' ny toerana avoavo tao avara-tanàna mahatazana ny ranomasina sy ny manodidina no nasiana ny Rova ; voahodidina trano izy io nony avy eo, ka nanjary tanàna vaovao mifanila amin' i Mojangay. Tao anaty Rova no nisian' ny trano manokana voalohany natao ametrahana sy iarovana ny JINY namory an' i Boina, rehefa nafindra avy tany Marovoay izy ireny. Ny fitambaran' Androva sy Mojangay narahin' ny fitaran' izy ireo hatramin' izay no manazava ny maha izy azy an' i Mahajanga hatramin' izao. Efa tatỳ

---

(1) Hatrizay dia Ajojo no nilazan' ny Malagasy ao Mahajanga ny mpiavy tonga avy amin' ny nosy Kômôro.

aoriana (faha-Ranavalona I angamba) vao nanorenana Zomba eo afovoan' ny doany natokana ho azy ireo — dia ao Miarinarivo (vaki-paritra ao amin' ny tanànan' i Mahajanga) — ireo JINY namory an' i Boina ireo.

ANDRIAMISARA EFA-DAHY koa, ambonin' izany, dia efa navezivezin' ny taranak' ANDRIAMANDISOARIVO noho ny ady nifanaovana. Ohatra roa no omentsika amin' izany : ny voalohany dia avy amin' ANDRIANAILITRARIVO, ilay mpanjaka zandriny nangataka sy nahazo ny ilany atsinanana tamin' i Boina. Rehefa nihétraketraka tsy hay nanarina Andriamarofaly zanany, dia tsy nankasitrahan' ny vahoakany intsony izy ka voatery niala ary niankandrefana niaraka tamin' ny zanany sy ny olony. Nofaohiny tamin' izy namakivaky ny fanjakan' ANDRIAMAHATSINDRIARIVO ANDRIAMISARA EFA-DAHY dia nentiny tany Ambongo. Tafajanona tany ireo JINY ireo ambara-pahatongavan' ANDRIANAI-VANARIVO tany ka nanafihany an' Ambongo mba hamerenana azy ireo. Tafaverina soa aman-tsara izy ireo ary taty aoriana dia nanaovana doany manokana tany Marovoay rehefa nandao an' i Trongay ANDRIANAIVANARIVO ka niova renivohitra mba hanaikaiky ny moron' i Betsiboka. Ny ohatra faharoa dia nitranga vao tsy ela loatra akory, satria tamin' ny andron' ny Repoblika malagasy ary vao tsy ampy roapolo taona akory izay : nivaky roa noho ny antony pôlitika ireo mpiandraikitra ny fivavahana amin' ny Razana Mpanjaka. Ny an-daniny moa nanaiky ho mpomba ny mpitondra fanjakana tamin' izany fotoana izany, ny an-kilany kosa tsy narisika. Dia nanangana doany vaovao ireto farany ka nanjary nisy ny doany avaratra sy ny doany atsimo ary nivaky roa toy izany ihany koa ANDRIAMISARA EFA-DAHY. ANDRIAMISARA sy ANDRIANIHANINA no tafajanona tao Miarinarivo (Mahajanga) ao amin' ny doany atsimo fa ANDRIAMANDISOARIVO sy ANDRIANAMBONINARIVO dia nentina indray ka naverina tany Bezavodoany izay tsy aiza fa tao amin' ny doanin' i Trongay fahiny. Ary tsy tafaverina tao Miarinarivo (Mahajanga) izy ireo raha tsy tamin' ny tolakandron' ny Asabotsy 5 Janoary 1980 lasa teo. Izany no nisy dia vokatry ny fampihavanana nahomby nilofosan' ny Ampañiton' i Menabe. Taorian' ny FITAMPOHA 1978 izay naha Ampañito na Printsin' i Menabe an' Andriamatoa KAMAMY Lagera tokoa manko, dia noraisiny ho adidy ny fampiombonana ny tao avaratra sy ny tany atsimo sy ny fampivondronana ho amin' ny doany tokana indray, ao Miarinarivo (Mahajanga) an' ANDRIAMISARA EFA-DAHY. Neken' i Boina ny fitarihana nataon' ny zokibe avy any Menabe satria sady efa fantany rahateo no nankasitrahany ny Printsy KAMAMY Lagera izay mbola teo ihany koa tamin' ny fiaraha-nankalaza ny FANOMPOANA na FITAMPOHAN' ANDRIAMISARA EFA-DAHY tamin' ny volana Jolay 1980 lasa teo iny.

Manaraka izany, ny anaran' i Boina mihitsy angamba no tokony hasiana teny eto izao : mety ho lasa eritreritra ny sasany mikasika ny fomba izay ifandraisan' ireo anarana roa samy hafa nefa toa mitovitovy ireo, dia Boeny sy Boina no tiana holazaina amin' izany.

Efa hitantsika fa anarana nentin' ny Antalaotra avy any Tanzania i Boeny, ary ampahatsiahivina fa ny Malagasy no nametaka ny anarana hoe Antalaotra (na Antalaotse) — izany hoe, olona avy any andafin-dranomasina — an' ireto mpiavy niampita avy any Afrika atsinanana ireto. Boeni na Boeny dia teny soahilỳ : noho izany, azo inoana fa taranaka nateraky ny mpifindra monina na mpandranto « arabo » izay nanambady vehivavy tera-tany bantò tany Afrika atsinanana ny Antalaotra. Fantatra manko fa ny fifangaroan' ny teny arabo sy bantò no nahafonana ny teny Soahilỳ. Raha ny hoe Boina indray, dia teny malagasy izy io (boina = tsy miraika, tsy taitra) saingy efa teny tranainy tokoa ka ila ho tsy fandre intsony aza. Halaim-panahy ny tena hisaintsaina fa. nony hanome anarana ny zara-tany izay ivelaran' ny fanjakany na ny fanjakana naoriny ANDRIAMANDISOARIVO, dia voasariky ny anaran' ny faritra faran' izay nalaza tamin' izany fotoana izany nefa resiny. Koa dia ny teny malagasy manahatahaka azy io no nalehan' ny safidimpony... indrindra koa fa tamin' izay fotoana izay izy no nandidy fa hoe *Andriatsimanato*(na) no iantsoana azy. Fa tamin' ny antenantenan' ny taon-jato faha-XIX, rehefa tokony ho nosoratana na noraketina an-tsoratra ny hoe Boina dia mety nisy ny adi-hevitra : ny *Firaketana*, ohatra, dia milaza fa « Bo-e-na » no fomba anononan' ny Sakalava io zara-taniny io, koa noho izany dia « Boaina » no tokony ho fanoratra azy io. Amin' ny andro ankehitriny dia toa mirona amin' ny hoe *Boina*, na farafaharatsiny manaiky an' io ny rehetra. Saingy rehefa hoe Boeny na Boeni no re na voasoratra, dia azo antoka fa toerana nandalovany na nonenan' ny Antalaotra no resahina.

Tonga eo amin' ny dingana tsy maintsy anomezana fanazavana ny amin' ny fomba ilazana na iantsoana ny Fandroan' ny Mpanjaka Razana isika izao :

— rehefa lazaina fa FANOMPOANA ny Fandroan' ny Mpanjaka Razana dia ireo manatanteraka tsy afa-miala velively amin' ny fiko-jakojàna sy fikarakarana ary fanaovan-javatra no maneho ny asa maro karazana sy saro-pady atao noho izany Fandroana izany. Ny hoe FANOMPOA-MANINTSY dia fanavahana azy amin' ny Fanompoa-mafana. Araka ny notaterin-dRAKOTO Alexis, ny fombafomba amam-panao efaina rehefa miamboho ny mpanjaka no Fanompoa-mafana : manomboka eo amin' ny fotoana nahataperan' ny fofon' ainy ka mifarana amin' ny fanitrihana azy ary ao anatin' izany ny fanamboarana DADY na JINY — raha toa ka nisy ny fanapahan-



kevitra ny amin' izany. Noho izany, ny FANOMPOA-MANINTSY kosa dia mikasika ny Mpanjaka lasan-ko Razana efa ela na elaela ary nanaovana DADY na JINY ka amin' ny fotoana aty aoriana vao ankalazàna fampandroana ;

— etsy an-danin' izany, raha ny momba ny mpanjaka indray no heverina, dia fantatra fa misy teny atokana ilazana ny mikasika azy sy ny ataony rehefa mihetsika izy, ary tsy ampiasaina afa-tsy ho an' ny mpanjaka irery ihany. Ohatra alaina eto ny hoe : « mampiseha » hoy ny Sakalavan' i Boina rehefa mampandro ny JINY izy. FAMPISEHA izany no tokony iantsoanany Fampandroana ny Razana Mpanjaka. Nefa raha ny Fandroan' ny Mpanjaka Razana — tahaka ny FITAMPOHA — no tiana hotsindriana, dia FISEHA indray no maha mety azy amin' izay fotoana izay. Ary efa nisy tokoa ny vanim-potoana izay nanatanterahana ny Fandroan' ny Mpanjaka Razana ara-bakiteny be izao tao anaty ranomasina, raha ny JINY tahirizina ao amin' ny doanin' i Miarinarivo (Mahajanga) no resahina. Hatramin' ny fiandohan' ny nisian' io doany io ary nandritra ny taona maromaro dia natao ny filaharana mamonjy ny moron-dranomasina mba hanatontosàna ny fampandroana an-driaka. Nefa tokony ho teo amin' ny antenantenan' ny taon-jato faha-XIX dia nofoanana izay fanao izay, noho ny ahiahy tsy ihavanana nipoitra teo amin' ny miaramila mpiandry tany sy ny vahoaka marobe tafavory ka milahatra mandroso manatona ny moron-dranomasina sy manatrika ny Fandroana ary mitodi-doha miverina any amin' ny doany (1). Dia fanondrahana tantely no nasolɔ ny fampirobohana tao anaty ranomasina ;

— ary ny toe-javatra farany niseho ara-tantàra dia ny fankalazana ny « FITAMPOHAN'ANDRIAMISARA EFA-DAHY » araka ny filazàna natao tamin' iny taona 1980 lasa teo iny. Mazava ho azy fa vokatry ny lazan' i Menabe noho izay rehetra nataony indrindra tamin' ny alalan' ny Ampañitony izany. Nefa vao iny indray mandeha voalohany iny ihany aloha no nandrenesana sy nampiasàna izany anarana vaovao nasolo ny fiantsoana hoe FANOMPOANA izany : ny fanandratana maromaro manaraka no hahafantarana raha ho raikitra ilay izy na tsia. Satria tamin' ity taona ity tokoa manko (volana Jolay 1981) dia nolazaina indray fa niroso soa aman-tsara ny fankalazana ny « FANOMPOANA volambita ao amin' ny Doany Volambita ao Ambondrona-Mahajanga amin' ny doanin' ANDRIAMISARA EFA-DAHY » ka notarihin' ny « Ampanjaka DEZY » avy any Ambato-Boina, izay notronin' ny « Mañantany sy Fahatelo ary

---

(1) Ny toerana nanaovana Fandroana dia tsy aiza fa io nanamboarana seranana (« Port Schneider ») ao Mahajanga io, hoy RAKOTO Alexis ao amin' ny lahatsorany « Le culte d'Andriamosara ».

Saha» sady natrehin' ny Solontenam-panjakana, dia Komity Faratampony amin' ny Tolom-piavotana iray izany.

Mbola ambonin' izay dia ilaina ny manisy teny fanampiny momba ny JINY : amin' ny maha iray razambe iombonana an' i Menabe sy Boina dia tokony hampiasa ny teny hoe DADY ry zareo ao Boina. Nefa dia tsy izay no niseho fa nirona tamin' ny fampiasana ny teny hoe JINY izy ireo ary iombonany amin' ny Masikoro sy Sakalava avaratra izany. Mbola nisy indray ny fiovana taty aoriana, rehefa tafavory tao Miarinarivo (Mahajanga) ANDRIAMISARA EFA-DAHY : RAZANANDRIANA (izany hoe Razan' Andriana) indray no tonga fiteny sy fomba ilazana na ny JINY na ny vatakely volafotsy efatra mirakitra azy ireo tsirairay avy.

Farany, dia ny toerana ahitana ny doany ao Mahajanga no misy milaza azy io ho «Manongarivo» (in-*Firaketana*) na «Miadanarivo (in-*RAKOTO Alexis*, 1932), fa ny hoe «Miarinarivo» no fiantsoana ofisialy mbola nomarihina hatramin' ny taona 1980 vao lasa teo. Ary dia toraka izany koa ny fahasamihafana kely izay niseho teo amin' ny anaran' ilay ampongabe, ka raha «Manandriandavitra» izy io tany am-piandohana dia tonga hoe «Manandriabo» na «Manandriabe» araka izay nosoratan-dRAKOTO Alexis ao amin' ny lahatsorany «Ny Fanompoa-manintsy». Ao koa ny hoe «Toribe» izay hita ao amin' ny lahatsora-dRABESIHANAKA.

Iverenantsika amin' izay ireo lahatsoratra roa voasoratra tamin' ny vanim-potoana «mitady ny very» ka ahafahana mandinika ny FANOMPOANA araka izay nisehoany tamin' izany fotoana izany (1928, 1932). Mila ny fahalalana tsara ireo karazan' olona samihafa iankinan' ny fandavorariana azy manko ny FANOMPOANA ary mila koa ny fahafantarana ny toerana samihafa izay anatontosana azy rehefa mby eo amin' ny tena anaovana azy sy ny fahafantarana ny fotoana izay isehoan' ny fomba amam-panao samihafa. Araka izany,

— ny ranitra mpanjaka dia ny mpanolo-tsaina mpanotrona akaiky ny mpanjaka ary manatrika sy mahazo mandray fitenenana amin' ny fanapahan-kevitra rehetra momba ny fampanaovana sy fampanatanterahana ny FANOMPOANA ,

— ny saha no mpitahiry sy mpikarakara ny JINY na RAZANANDRIANA, izany hoe mpanjara anjara amin' ny fanaovana ny Fandroana izy ireo ary «zokinjoki-olona voafidin' ny maro» ihany koa;

— ny sambarivo na morarivo kosa no mpiaro ny JINY na RAZANANDRIANA satria izy ireo no miambina ny varavarana rehetra ao amin' ny doany : taloha dia ny «andevon' ny mpanjaka» no name-trahana io adidy sarotra io.

Rehefa izay ny mikasika ny olona, ahoana àry ny momba ny toerana sady itahirizana ny RAZANANDRIANA no anefàna ny FANOMPOANA ?

Ny atao hoe :

— doany dia ny toerana manontolo izay efamira lehibe midadasika eto. Ny fefy mamaritra azy io dia nomena ny anarana hoe « fiariomby » (1) ary natao tamin' ny tsato-kazo mafy sy avobe ary nokapaina ho marani-doha. Varavarambe tokana no idirana ao ;

— valabe na kipa ivelany dia ny tokotany lehibe izay diavina raha vao tafiditra ao amin' ny doany ary eo ihany no azon' ny vahoaka tsy an-kanavaka aleha.

Eo am-povoan' ny valabe indray dia misy fefy vita amin' ny vato izay miaro faritra efamira ihany koa, ary dia mbola tokana ihany koa ny fidirana ao. Ka ny atao hoe :

— valamena na kipa anatin' dia tsy inona fa io faritra faharoa arovan' ny fefy vato io : sady kely lavitra noho ny valabe ny valamena no manodidina ny trano itahirizana mandavan-taona ny RAZANANDRIANA. Ny mpanatontosa ny Fandroana ihany no mahazo mandia ny valamena ;

— zomba dia ilay trano anivon' ny valamena ary manana vararana tokana ka itoeran' ny RAZANANDRIANA. Ny vatakely rehetra misy azy ireo dia napetraka eo ambony karazam-parafara norakofana lamba landy tsara tarehy ary nasiana elom-pandriana natao tamin' ny lamba volory sarobidy miampy lamba lasoa misy makarakara (toy ny fanao aro-moka). Ny mpanjaka sy ny taranaka afaka manjaka ary ny lohandompny amin' ny saha no hany afaka miditra ao amin' ny zomba. Anefa mety hisy olona vitsivitsy hafa mahazo miaraka amin' izy ireo rehefa nangataka ka navela hiditra ao amin' ny zomba ihany.

Ary farany dia ahoana ny amin' ny fotoana anaovana ny Fampandroana na ny andro anatanterahana FANOMPOANA ? Eto dia ny andro andiovana ny Doany, izany hoe, isorohana ny ahitra ao amin' ny Doany no mitondra azy : « tsy maintsy ho Alatsinainy na Alarobia na Zoma na Asabotsy, satria ireo no *andro tsara* amin' ny Sakalava, fa ny sisa kosa (Talata, Alakamisy ary Alahady) dia andro fady naorin' i Ndriamisara ka tsy azo anaovana azy ». Ny fanadiovana ny Doany anefa dia atomboka telo andro feno alohan' ny Androbe. Koa raha izany, rehefa hita fa manomboka ny fanadiovana ny Doany, ny tompon' anjara dia azo antoka fa ny andro fahefatra aorian' izay no ANDROANA anaovana ny Fandroan' ny Mpanjaka Razana.



(1) Raha ny marina dia « fiaro omby » no tokony hiantsoana azy io.

Izay sy izay avy ny ambentin-javatra tokony ho fantatra mba hahazoana manaraka tsara ny fandehan' ny FANOMPOANA. Koa dia hiroso amin' ny andinidiny mikasika ny fizotran' ny FANOMPOANA isika izao.

### *DRAFITRY NY FANOMPOANA*

(araka izay nasehon' ireo nanatrika tamin' ny vanim-potoana  
1928-1932)

#### *FANOMANANA sy FIOMANANA*

Volana maromaro mialoha :

— manapa-kevitra ny ranitra mpanjaka fa tokony hatao ny FANOMPOANA amin' izay fotoana ifanarahana ka eken' ny fanandroana (indray mandeha isan-taona tamin' izany vanim-potoana izany) ,

— ampilazàna ny mpanjaka sakalava rehetra any avaratra sy ao atsimon' i Boina, izany hoe, hatreo Menabe ka hatrany Sambirano ;

— atao ny fivoriana iheverana izay holaniana ;

— alefa ny taratasy ho an' izay manana omby mba hilazana azy izay anjarany amin' ny FANOMPOANA ;

Herinandro vitsivitsy mialoha :

— angonina ny zavatra rehetra ilaina ka ao indrindra ny omby maromaro nangatahina tamin' izay manana satria misy tokoa ny famonoana omby ho sorona samihafa nefa ny ho sakafon' ny mpi-vory an' arivony mandritra ny herinandro no tena tsy maintsy atrehina ;

— eo koa ny vola izay atolotr' ireo tsy mba manana omby ;

— omanina ny kojakoja tsy azo avela, toy ny vary indrindra indrindra, ny fanampin-tsakafo, ny fitaovana ilaina amin' izany ; mazava ho azy ny amin' ny akanjo vaovao manokana ho an' ny mpandray anjara, ny haingo entina mianjaika amin' ny fotoan-dehibe, sns...

— karakaraina ny Doany, izany hoe, soloina ny hazo boboka, amboarina ny simbasimba, avaina ny any ivelany, sns...

— ary farany mandeha ny iraka haka tantely any amin' ny ala efa voatokana mba hangalana izany.

#### *Herinandron' ny FANOMPOANA*

A-7 | — Roahina ho tonga ao Miarinarivo (Mahajanga) ny omby  
A-6 | ilaina ho an' ny FANOMPOANA.

- A-5 | — Alaina any Mahabo (Betsiboka) ilay ampongabe na  
A-4 | toribe atao hoe «MANANDRIABE» ary lazaina fa solontenan' ANDRIAMISARA izay «manatrika ny raharaha rehetra» izy io (tsy inona io ampongabe io fa ilay nomen' ANDRIAMANETRIARIVO tamin' ny fiaingan' ANDRIAMANDISOARIVO avy any Menabe, dia i «Manandriandavitra» izany).
- Entina hamonjy an' i Miarinarivo (Mahajanga) ihany koa i MANANDRIABE ka mpiambina efitra no miaraka amin' ny mpitondra azy, ary rehefa alina ny andro dia andrehetana jiro mandra-maraina izy io.
- Ao amin' ny valamena no misy toerana namboarina manokana mba hanantonana azy. Tsy hetsehina teo mi-hitsy izy mandritra ny FANOMPOANA fa velezina mila ho tsy an-kijanona : amin' io fotoan-dehibe io irery ihany rahateo izy no azo dobohana ka amin' izay izy no «manatrika ny raharaha rehetra».
- Manomboka tonga ny olona :
- Vonoina ny omby ho sakafon' ny mpivory ary tohizana hatramin' ny fiafaran' ny FANOMPOANA izany (ny taolan' omby eto dia tsy azo tapahina sy tsy azo ariana fa alevina) .

### FANATANTERAHANA

#### Ao MIARINARIVO (Mahajanga)

- A-3 — Fanadiovana ny Doany :
- tontolo* vao maraina be dia velona ny antsiva ary midoboka ny  
*andro* amponga tsotra na manandria ; ny valabe no atao voalohany ka ny misoroka ahitra no ifarimbonan' ny soka-jin' olona voatendry hanao izany : nifandovana hatramin' ny razambe io fanendrena io. Ny lehilahy sy tovolahy mitana angady ary ny vehivavy sy ny tovovavy mandraoka ny fako dia ataony anaty lambany ary lolohaviny rehefa entiny hariana eny ivelany.
- hariva* tokony efa ho tonga i MANANDRIABE.
- A-2 — fetra farany tsy maintsy hahatongavan' i MANANDRIABE satria raha tsy eo izy tsy azo atomboka ny fanadiovana ny valamena.
- fisorohana ahitra ao amin' ny valamena ka ny Jongoa no misoroka ny faritra atsinanana, ny Tsiaroa sy ny Mananadabo ny faritra avaratra ary ny Moriarivo kosa ny faritra andrefana sy atsimo (tompon-tany talohan' ny Sakalava daholo ny razamben' izy ireo nefa dia noresen' ANDRIAMANDISOARIVO).

- A-1 — famaranana ny fanadiovana ny valamena.  
 — famonoana omby iray angalana jabora ka mahatonga ny iantsoana azy io ho *omby manitra*.

A = ANDROBE = andro « hampiseha » (= hampandroana ny RA-  
*tontolo* ZANANDRIANA.  
*andro*

Ity ANDROBE ity no tena vonjen' ny ankamaroan' ny olona — indrindra ireo izay tsy afaka mijanona ela na koa tsy nahazo andro na fotoana hahatongavana mia-loha. Noho izany dia amin' io andro io tokoa vao va hoaka tsy hita isa ny olona tafavory ao Miarinarivo (Mahajanga).

Ankoatr'izay, sarotra ny manaraka na mahita ireo fombafomba rehetra izay efaina tontolon' ny andro ao amin' ny Doany. Tsotra ny antony : na indray atao izy ireny, izany hoe, sady misy zava-mitranga ao amin' ny valabe no misy ny atao ao amin' ny valamena, fa indrindra ao anatin' ny zomba, na koa tsy azo atrehina izy ireny satria mazava tsara mihitsy ny anjara toerana sy anjara asa sahanin' ny sokajin' olona isan-karazany misy ao amin' ny vahoaka tonga hanatrika na hanotro-na, sy ny olona mpanatanteraka ny fomba amam-panao ary ireo mpanjaka sy ny mpiaraka aminy.

Fa ny tena zava-dehibe homarihina amin' ny ANDROBE dia ireto manaraka ireto :

*maraina*

● ao amin' ny valabe

ho fanombohana dia velona ny hira sy ny antsa, dobohana sy velezina ny amponga (= manandria tsotra), tsofina atao manakoako ny antsiva ary dia maharitra hatramin' ny hariva izany.

● ao amin' ny valamena

vonoina ny omby izay hodikain' i MANANDRIABE ary

*aorian'izay*

● ao amin' ny valabe

hetsehin' ny *tromba* ny olona maromaro, na vavy na lahy, ka indray mihetsika raha tsy izany dia mifandimby mihetsika izy ireny amin' izany. Ary dia maharitra tontolon' ny andro koa izany. Samy milaza izay mpanjaka manindry azy ary samy milaza izay tenin' io mpanjaka manindry azy io : tsy ny mpanjakan' i Boina irery ihany no mampiteny ny olona amin' ny alalan' ny *tromba* eo, fa ao koa ny mpanjakan' ny tompon-tany taloha nefa resy, toy ny mpanjakan' ny Mananadabo : ohatra hoe Rasoalao.

Azo aseho eto ny ohatra iray amin' izay teny nambaran' ny tromban' ANDRIAMISARA indray maka ary taterin-dRAKOTO Alexis :

«Henoinareo 'lay Boeny e ! Mankasitraka, mankate-lina anareo terak' i Boeny, fa izaho 'NDRIAMISARA tsy manabataba anareo, na manary anareo amin' ny sarotra, koa matokia 'anareo raha mbola izaho koa no i Saravola. Mandria fahalemana fa ato 'NDRIAMBONIA-RIVO sy 'NDRIAMAHATINDRIARIVO, midoria mianaka aby, valamena iraika, izay mikarakara anareo, ka aza anovanareo ny fomba hatramin' ny ela. Tandremo ny fady zalahy e ! Fa izay mahatandrina azy tsy reraka, koa matokia ianareo ! »

Rehefa naneho ny teny ampilazain'ANDRIAMISARA ny olona netsehin' ny tromban' io mpanjaka io dia tsy maintsy misy mamaly izany ka ranitra mpanjaka iray no miadidy ny fandraisana fitenenana amin' ny anaran' ny rehetra ka manao hoe :

«Izahay izao tompoko, dia tsy manan-drainy, tsy manan-dreny, fa indreo ianareo efa-dahy, valamena iraika, midoria mianaka aby, no solon-drainy aman-dreninay ; indrindra fa 'NDRIAMBONIA-RIVO sy 'NDRIAMAHATINDRIARIVO midoria mianaka aby, valamena iraika. Raha mbola tsy mivadika aminay ka tsy manary anay ary tsy manova ny fatao (= fanao) rango (= hatra ny) ela nataonao tamin-drazanay, dia matokia ianao fa indreto izahay ho mpanomponao ankitiny (= tokoa)».

*antoandro* ● **ao amin' ny valamena**

- alaina ilay tantely voatokana avy any an' ala ka tanehina atao masaka tsara ;
- angalana izy io mba ho *tantely mialin-taona*, izany hoe, hotahirizina hatramin' ny FANOMPOANA amin' ny taona manaraka ;
- aidina amin' ny lovia ny ambiny rehetra.

● **ao amin' ny zomba**

- tafavory ny mpanjaka sakalava rehetra tonga hanatrika ny FAMPISEHA ;
- vory daholo ny saha hanatanteraka ny FAMPISEHA ;
- entina miditra ny lovia misy ilay tantely ;
- mandohalika dia mihohoka amin' ny tany ny saha voatendry handray ny RAZANANDRIANA ;
- dia miarina izy ireo ary raisiny ny vataky volafotsy, miaraka mandray eo koa ny mpanjaka ;

- tondrahana ny *tantely* vao avy notanehina ny RAZANANDRIANA rehetra tahirizina ao amin' ny zomba ka izay indrindra no atao hoe « mampiseha » ny Mpanjaka Razana ;
- hanin' ny mpanjaka sy ny saha ilay *tantely mialin-taona* voatahiry tao amin' ny zomba ary

*aorian'izay* ● ao amin' ny valamena

- atrehin' ny mpanjaka rehetra miampy ny ranitra mpanjaka sy saha rehetra ny famonoana omby iray ka atao *miatsinanana-doha* ilay izy (izany hoe, atodika any amin' ny inoana fa fiavian' ny razambe). Ny mpanjaka zokiny indrindra manatrika eo no mitarika io sorona io izay fampitana sy fanamafisana ny hataka atao amin' ny RAZANANDRIANA. Amin' izany dia mandray tehina ny mpanjaka zokiny indrindra manatrika eo ary atsa-tony amin' ny rà niraraka, dia manonona ny vavaka fangatahana izy ka, ohatra amin' izany, hoy izy hoe :

« Kozy (1) Tompoko ! Aza be tsikofaritra (2), fa izahay ity adala, izahay ity tsisy jery (3), izahay ity tsisy fanahy, bado ka mangataka aminao ANDRIAMISARA EFA-DAHY, ataovy sitrana ny marary, ataovy salama ny tsaika (4), ataovy vanona ny omby, aza atao paika (5) ny tany, aza saforan-drano (6) ny banja (7) ».

Mazava fa mifantoka amin' ny fahasalaman' ny velona, na kely na lehibe, ny fahavanonan' ny biby fiompy sy ny halonaky ny tany mba tsy ho voan' ny tondra-drano na hain-tany ny hataka. Mandritra ny vavaka dia mitorevaka sy mamitsaka tsara ny rehetra ary raha vao tapitra ny teny farany amin' ny vavaka dia miara-miredona hoe : « Kozy ! Kozy ! » sady mampakatra ny tany any an-dohany ny mpanatrika rehetra.

*tolakandro* ● ao amin' ny valabe

- « mitsinjaka » ny valalabemandry, izany hoe, manao ny dihy fanehoana ny haja atolotra ny RAZANANDRIANA sy atolotra ny mpanjakany ny vahoaka ary ny mandria tsotra no velezina amin' izany.

(1) Kozy (misy manonona hoe Koezy) = teny fiarahabana ny mpanjaka.

(2) Aza be tsikofaritra = aza be angeso, aza be pitsony.

(3) tsisy jery = tsy misaina.

(4) tsaika = zaza na ankizy madinika.

(5) paika = maina, tsy misy orana.

(6) saforan-drano = tondraky ny ranobe.

(7) banja = tany lemaka.



## FAMARANANA

## ● ao amin' ny valamena

- anjaran' ny mpanjaka ny « mitsinjaka », ary « manandria ny dadilahiny », izany hoe : manaja ny raibeny izy amin' izany sady i MANANDRIABE rahateo no dobohana amin' izay fotoana izay. Azo heverina ho teny manondro ny fitambaran' ny razambe niavian' ny mpanjaka ny hoe « dadilahy » eto ;
- vonoina ny omby izay anomezana *tolotra avy amin' ny Andriana* ho an' ny tsirairay avy. Noho izany, dia arakara ny habetsahan' ny vahoaka izarana azy ny isan' ny omby vonoina satria tsy maintsy mahazo sombiny kely iray avy ny tsirairay.

## ● ao amin' ny valabe

- manomboka ny moraingy fa tsy dia maharitra firy .
- zaraina ny *tolotra avy amin' ny Andriana* ka tsy azo lavina na ariana fa raisina an-kafaliana tokoa izy io : rehefa madiva hifarana ny fizarana satria efa saika samy nahazo ny azy ny tsirairay amin' ny vahoaka nanotrana ny fankalazana ny FANOMPOANA dia
- velona ny « dory », izay karazana amponga hazolahy sady masina no tsy azo kasihin' ny vehivavy mihitsy. Rehefa velezina ny hazolahy « dory » dia manomboka miaraka amin' izay koa ny dory na dodoria, izay karazana adi-totohondry sakalava : atao tsy an-kiato izy io ary azo ifanoherana sy ifandresena fa tsy azo ifanda-voana. Nefa rehefa naharitra elaela ny dory na rehefa nanjary mafana ny fô dia mety hivadika ho herisetra tsy mifidy izay ho voa ny adi-totohondry koa dia
- mirava ny olona rehefa voazara tanteraka ny *tolotra avy amin' ny Andriana* sady io fizarana io no manamarika fa tontosa sy tomombana ary vita soa aman-tsara ny FANOMPOANA.

Amin' ny ankapobe dia izay no fomba nanefana ny FANOMPOANA tany amin' ny taona 1930 tany ho any. Rehefa saintsainina ny tantaran' ny maha izy azy sy ny endrika nisehoan' ny FANOMPOANA hatramin' ny niandohany ka hatramin' izao, dia hita fa tsy misy hafa noho izay efa nitranga teo amin' ny Fandroan' ny Andriana na teo amin' ny Fitampoha ny momba azy io : nisy ny fanatevenana, fanitarana, fampidirana zava-baovao, nefa nisy koa ny fanerena mba hamitana ny Fanatanterahana sy Famaranana azy io ao anatin' ny iray andro, toy izay efa nanjo ny Fandroana an-driaka antemoro. Tsy àry holazaina eto daholo ny fiovaovana nitranga teo

amin' ny FANOMPOANA — indrindra hatramin' ny vanim-potoana 1930 no inankatỳ — fa ny azo atao dia ny manome ohatra mana porofo izany. Eo amin' ny fanitarana nisy, ohatra, dia hotsongaina ireto manaraka ireto :

1) ny nanorenana *Zomba faly* (= fady) ao anatin' ilay Zomba tokana nisy voalohany : nanjary trano roa sosona no niaro ny RAZANANDRIANA , ary dia nampiarahana tamin' izy ireny ny zavatra tena tsy foin' ny Mpanjaka fony fahavelony. Noho izany, dia natao hoe *Zombabe* io trano roa sosona io satria, taorian' izay 'dia mbola nananganana Zomba iray hafa indray tsy lavitry ny *Zombabe*, mba ho fanampiny hametrahana sy hitahirizana ny fitaovana sy zavajavatra rehetra ilaina isaky ny FANOMPOANA.

2) ny fampiasàna *rano* sy *menaka* haharo ny tantely anondrahana ny RAZANANDRIANA : ny vehivavy tarana-panjaka moa no mantsaka io *rano* io amin' ny toerana voatokana ho amin' izany ary ny *menaka*, eto, dia ilay antsoina hoe tseroka, izany hoe , vokatry ny voan-tanantanamanga nototoina.

Inoana, ankoatr' izany, fa ny mpanjaka sy ny ranitra mpanjaka tao Boina no tena nampiditra zava-baovao nanana fiantraikany maharitra tao amin' ny FANOMPOANA : izany no nolazaina dia satria izy ireny irery no tena manana ny fahefana hanao izany. Nifantina sy naka izay hitany fa mety hahatsaratsara kokoa ny FANOMPOANA tany amin' ny olona samihafa nifaneraserany ny mpanjaka sy ranitra mpanjaka. Ny ohatra alaintsika amin' izany, tao anatin' ny taon-jato vitsivitsy naharetan' ny Tantaran' ny fanjakan' i Boina, dia ireto :

1) ny vanim-potoana volana Alakarabo izay tokony hanatante-rahana ny FANOMPOANA : tsy ilaina angamba ny manazava amin' ny antspiriany ny mety ho fiavian' izay fanao izay fa ny ombiasin' ny Antalaotra na natolotry ny Antalaotra no azo heverina fa loharanon' izany.

2) ny fampiasàna ny vola parata (avy amin' ny teny pôrtioge : prata = vola) na fanjava volafotsy ho *vola tsy vaky* izay tsy maintsy natolotr' ireo tsy nanana omby mba ho anjara adidiny. Ary nekena tamin' izany rehefa mety ho karazana farantsa na ariary volafotsy eoropeana na amerikana atsimo (mitory ny fivezivezen' ny vola vazaha tamin' iny morontsiraka avaratra-andrefan' ny Nosy nandritra ny taon-jato faha-XIX izany tarehin-javatra izany).

3) ny fanadiovana ny Doany (izay azo ampitahaina amin' ny fanadiovana ny Trano masina teo amin' ny Fandroan' ny Andriana) sy ny fiantsoana hoe RAZANANDRIANA ary ny *tolotra avy amin' ny Andriana* (izay mampahatsiaro ny «jaka avy amin' ny Andriana»).

Ny tianay homarihina farany dia ny fahazoana manara-maso ny fifindràn' ny fomba amam-panao noho ny fakana tahaka na ny fi-tiavana hanao sy hamerina ny efa hita tany an-kafa. Ny fampitahana ny FITAMPOHA 1978 an-daniny sy ny FANOMPOANA ankilany no mampisongadina izany fandehan-javatra izany : talohan' ny taona 1978 dia tsy mba nisy famonoana omby aorian' ny fotoana tena FITAMPOHAN' ny DADY ao anaty rano Tsiribihina, kanefa tamin' iny FITAMPOHA farany teo iny dia nisy izany. Ny antony nahatonga ny fisehon' io fomba vaovao io tao amin' ny FITAMPOHA 1978 dia toa azo ankinina amin' ny Printsint' i Menabe. Efa fantatra fa raha mbola Printsint' i Menabe ny rainy, dia nipetraka ela tany Mahajanga ny Printsint' KAMAMY Lagera, ary tamin' izany no nahitany tsara ny fankalazana ny FANOMPOANA ao Boina. Raha vao izy kosa no Printsint' i Menabe, dia nisy niaraka tamin' izay koa ny famonoana omby raha vao vita ny Fandroan' ny DADY, ary ny velondraiamandreny dia afaka naka sombiny kely tamin' io omby novonoina io. Noho ny fahazarana ao Menabe, dia nolazaina fa hoe *omby manitse* io — na dia tsy natao angalana menaka akory aza izy io. Tsy nitsahatra teo fa mbola nitohy ihany ny fifanakalozana eo amin' ny Menabe sy Boina satria ny FANOMPOANA 1980 izay nandraisan' ny Printsint' i Menabe anjara lehibe dia nisantarana ny anarana vaovao hoe FITAMPOHAN'ANDRIAMISARA EFA-DAHY... Ataonay fa ohatra iray mibaribary azo anazavana ny fielezan' ny fombafomba eto anivon' ny Nosy izany fandehan-javatra izany. Ambonin' izay, dia mampiseho ny anjara andraikitra ananan' izay manana fahefana hampiditra fanao vaovao — ka eken' ny be sy ny maro — eo amin' ny fiaraha-monina iriariavany ihany koa iny zava-nisy iny.

Antenaina fa ny nolazaina rehetra hatramin' izay dia hanampy betsaka ireo izay mikasa handinika ny fisehon' ny FANOMPOANA amin' izao faramparan' ny taon-jato faha-XX izao. Hatreo moa dia ny endrika ivelany nahitana ny FANOMPOANA no nimasoana ; kanefa ny saina no tsy mety ho afa-po raha mianina amin' izay fotsiny. Mitady lalandava ny tena anton-javatra sady mikatsaka mandrakariva ny tena dikàn' ny fombafomba amam-panao manko izy. Koa dia ny foto-kevitra mampijoro ny fomba samihafa efaina ao amin' ny FANOMPOANA no tiana hofakafakaina sy vahavahana indray izao. Nefa raha toa ka zandrin' ny FITAMPOHA ny FANOMPOANA dia mety apetraka ny fanontaniana manao hoe : mbola ilaina ve ny hamotopototra ny hevitra ny FANOMPOANA fa tsy ny efa teo ihany no haverina eto indray ?

Tsy azo lavina akory fa eo dia eo tokoa ny fitoviana tsy misy valaka asehon' ny FITAMPOHA sy FANOMPOANA, saingy niarahanahita tao anatin' ny drafitry ny FANOMPOANA fa manana ny fombafombany maha izy azy manokana ny FANOMPOANA. Raha

izany, dia misy ihany ny hambara momba ireny lafin-javatra ireny, koa dia hotomorina akaiky amin' izay ny hevitra ny FANOMPOANA.

### HEVITRY NY FANOMPOANA

Raha ny hevitra samihafa raketin' ny fomba amam-panao efaina amin' ny FANOMPOANA no anaovana fanadihadiana, dia hisy fizarana telo ny amin' izany :

1) ny omena laharana voalohany dia Hevitra fototra mampijoro ny FANOMPOANA izay tsy hafa mihitsy fa itovian' ny FANOMPOANA tanteraka amin' ny FITAMPOHA. Tsy misy anovàna, tsy misy anombinana ny maha Fandroana ny FANOMPOANA eo amin' ny lafiny Fanavaozana ny AINA sy fahazoana HERY vaovao. Toraka izany ihany ny maha Fivavahana amin' ny Razana ny FANOMPOANA ka azo raisina an-tsakany sy an-davany ny efa nalahatra momba ny fifandraisana amin' ny Razana Mpanjaka, izay fehezin' ny teny hoe *tromba* eto.

2) ny asiana teny manaraka dia ny hevitra efa hita tamin' ny karazana Fandroana hafa — teo amin' ny Fandroan' ny Andriana izany — ary tonga nanatevina ny an' ny FANOMPOANA. Ireo hevitra ireo dia izay ao ambadiky ny tantely mialin-taona sy ny fanadiovana kipa ary ny tolotra avy amin' ny Andriana.

3) farany kosa, dia imasoana ny hevitra ananan' ny FANOMPOANA manokana ary mbola tsy niseho tamin' ny Fandroana efa nodinihina hatramin' izay. Ireto hevitra ireto dia miampy indray amin' ny fandalinana ny Fandroana ka izy ireo dia izay marihina  
ny dika omby,  
ny amponga sy ny tsinjaka ary  
ny dory.

Eo am-pamaranana ny fandinihana ny FANOMPOANA dia hola-zaina ny fiantraikany eo amin' ny sehatra politika sy ny vokany eo amin' ny fielezan' ny fombafombany sasantsasany any amin' ny faritra ivelan' i Boina, ka hiaraha-mahita eo ny heriny, raha ny arapivavahana no heverina amin' izany.

1) Ny FANOMPOANA amin' ny maha Fandroana sy Fivavahana amin' ny Razana Mpanjaka azy.

a) Hevitra fototra amin' ny maha Fandroana ny FANOMPOANA :

Noho ny fiovaovan' ny zava-nisy teo am-pela-tanana mba hanatanterahana ny Fampisehana ny RAZANANDRIANA dia hitantsika fa nifandimby natao tamin' ny Ranomasina, dia tamin' ny Tantely an'

ala — izay sakafo velona — ary nampiana Rano mamy sy Menaka taty aoriana ny fandavorariana ny Fandroana tany Boina. Ny foto-kevitra nijoroany dia tsy niova mihitsy : izany hoe, ny manana ny HERY maha ARY, ny mahaforona AINA VAOVAO — araka ny foto-pinoana nitohy hatrany hatrany — no nampiasaina, na dia teo aza ny fivadibadihan' ny Tantara.

Araka izany, ny JINY na RAZANANDRIANA sy *tromban'* ny Mpanjaka Razana ary vahoaka no mahazo AINA VAOVAO rehefa tontosa ny FANOMPOANA fa dia HERY vaovao kosa no mampantanjaka ny hasin' ny mpanjaka velona vitsivitsy na maromaro tonga nandray anjara tamin' ny FANOMPOANA.

b) Hevitra fototra amin' ny maha Fivavahana amin' ny Razana Mpanjaka ny FANOMPOANA :

Tsy misy ivoasana amin' ny FITAMPOHA ny FANOMPOANA eo amin' ny fihaonana amin' ny Razana Mpanjaka,

famborahana hataka,

fanehoam-panajana,

fanolorana fanomezana.

Saingy ny fangalana an' i MANANDRIABE any Mahabo (Betsiboka) no misolo ny fiantsoana ny Razana Mpanjaka ary ny fanaterana an' i MANANDRIABE any Mahabo indray no misolo ny fandefasana ny Razana Mpanjaka miverina any amin' ny Tontolony. Izany akory tsy mampiova na inona na inona amin' ny foto-pinoana mikasika ny rafi-pandaminana sy fiaraha-monina misy eo amin' ny Tontolo any an-koatra sy Tontolo hita maso. Ary fanamafisana izany aza, arahin' ny fanazavana fanampiny no azo aseho izao.

Iverenana sy fintinina aloha ny zava-dehibe mitranga amin' ny ANDROBE : raha vao avy nodikain' ny Manandriabe ny omby novonoina voalohany ao amin' ny valamena, dia misy hetsehin' ny *tromba* ny olona ao amin' ny valabe. Ka amin' izany sady tsy mifidy olona hetsehina ny *tromba* no tsy misy avakavaka eo amin' ny *tromban'* ny Mpanjaka Razana tonga manetsika : na tompon-tany taloha efa resy na mpandresy sy mpanorina fanjakana matanjaka sy manan-daza taty aoriana, dia samy manindry sy mampiteny ny olona indramany vatana.

Ny tena dikan' izany rehetra izany no ezahina hovahavahana eto izao, ka ny azo marihina aloha dia ny atao hoe *tromba*. Na tompon-tany resy na mpandresy azy tatỳ aoriana — nefa samy mpanjaka razana — dia samy manana *tromba* manetsika ny velona. Ny *tromba* ao Boina izany dia mitovy tsy misy valaka amin' ny *sazoka* any Menabe, ary tsy inona ny *tromba* sy ny *sazoka* fa *angatry ny Mpanjaka Razana* (na koa lolo, fanahy, fahasivy, sns... araka izay ilazana azy).

Matoa avy manetsika ny velona mandritra ny FANOMPOANA sakalava ao Boina ny *tromba* na angatry ny mpanjaka razana tompon-tany (mananadabo, na vazimba na hafa koa) dia izay, amin' ny an-daniny, no mampazava ny lanjan' ny tompon-tany sy ny fanajana azy ireny eo amin' ny Malagasy tsivakivolo. Izay koa, amin' ny an-kilany, no azo anatsoahana ny tena votoatin' ny fivavahana amin' ny razana izay fomba iombonan' ny Malagasy rehetra.

Ny tompon-tany no manana razana milevina voalohany amin' ny zara-tany nonenany. Koa noho izany dia afaka manangatra na mandefa *tromba* hanetsika ny velona alohan' ny rehetra izay tonga taty aoriana izy ireny : ny angatry ny tompon-tany no « niriarria » voalohany tamin' ny Tontolo manontolo tsy hita maso ary nanana fahefana alohan' ny rehetra amin' ny Tontolo hita maso azony tsidihina.

Ambonin' izay ny tena votoatin' ny fivavahana amin' ny razana kosa, dia ny finoana sy fahatahorana nefa koa fitalahoana amin' ny angatry ny razana. Ny angatra izany no tena heverina sy karakaraina amin' ny fombafomba amam-panao ao anatin' ny fivavahana amin' ny razana. Manaraka izany, ny fanomezan-danja ny angatra dia mifandray amin' ny foto-pinoana sy fihevitra ny any an-koatra sy ny « fiainana » aorian' ny fahafatesana ary ny Tontolo tsy hita maso. Koa raha fantatra izao fa ny tsy fahazoana manao tsinontsinona ny tompon-tany no manome ny fahefana lohalaharana ananan' ny *tromban'* ny mpanjaka razany, dia ahoana indray ny amin' ny Mpanjaka Razana sakalava ao Boina ? Ny zava-lazain' ny *Firaketana* momba an' ANDRIAMISARA indray no hotsakotsakoina ka hahafahana mamisavisa ny tohiny, izay mameno ny voalaza teo aloha. ANDRIAMISARA, araka ny itateran' ny *Firaketana* azy amin' izao teny manaraka izao : « dia isan' ireo « Ranahary aniboka », izany hoe, Zanahary mahazo mitoetra any an-danitra. Ny *tromba* rehetra dia eo ambany fahefan' ny azy afa-tsy ny an' ny Ranahary anambo irery ». Raha atao mazava ny foto-pinoana sy fihevitra fonosin' izany zava-boalaza izany dia azo voasana toy izao :

— Ho an' ny Sakalava ao Boina, ANDRIAMISARA dia razambe tamin' ny fahagolan-tany, taloha elabe tany ho any ary nipoiran' ireo razambe iombonana any Menabe any ; tsy hita polopolorina, tsy takatry ny saina izany fahagola izany na eo amin' ny vanimpotoana na eo amin' ny toerana izay niainan' ANDRIAMISARA, ary araka ny maha manjavozavo ny fahelan' ny fisian' ANDRIAMISARA no maha ambony lavitra azy any amin' ny Tontolo any an-koatra tsy hita maso any. Ny hiboka, hoy ny *Firaketana* eo amin' ny heviteny fahatelo izay omeny, dia « vaingan-drahona mainty be mitambolombolona, na maizina ». Nony lasan-ko razana moa ANDRIAMISARA dia « velona » niaraka tamin' izay koa ny lolony dia

ny angany. Ary satria Mpanjaka izy dia ny *trombany* no teny ampiasaina amin' izany amin' ny faritr' i Boina.

— Noho ny toerana ambony misy azy any amin' ny Tontolo any an-koatra, satria izy no razamben' ny razambe voalohany fantatra, dia amin' ny toerana ambony manaraka an' ANDRIAMISARA izany ny Razana Mpanjaka sisa rehetra, ary araka izany koa ny filaharan' ireo *tromban'* ny nandimby an' ANDRIAMISARA teo amin' ny fanjakana sakalava.

— Na inona lazan' ANDRIAMISARA, na inona heriny, zavatokana no tsy mba vitany : tsy inona izany fa ny fahariana izao Tontolo izao. Mbola misy izany ny eo ambonin' ANDRIAMISARA ary io dia «Ranahary anambo» izay manana *tromba* ihany koa, hany ka mazava ho azy fa ny *tromban-dRanahary* anambo dia manana fahefana lehibe kokoa noho ny *tromban'* ANDRIAMISARA. Ny fampilaharana an-dRanahary anambo ho voalohany, ny Ranahary aniboka ho faharoa, fahatelo, sns... — ary anisan' ireto ANDRIAMISARA — dia manamafy ny rafi-pandaminana ambony/ambony nandaharana ny any amin' ny Tontolo any an-koatra. Nefa mbola ambonin' izay, ny fananan-dRanahary anambo *tromba* manam-pahefana amin' ny *tromba* sisa rehetra dia toa porofo fanampiny amin' ny hoe : efa taty aoriana, nony nandroso tsara ny Fivavahana amin' ny Razana — izay vao noheverina sy napetraka ny fisian' ny Razana ambony indrindra izay nahary izao Tontolo izao : Ranahary anambo na Zanahary.

— Etsy an-daniny indray, rehefa tafatsangana ny fanjakana sakalava tao Boina ary nanomboka ho lasan-ko razana ny mpanjaka mpandresy olona sy matanjaka ara-miaramila sy ara-toe-karena nampalaza an' i Boina dia inoana fa maka ny toerana sahaza azy ireo ny *tromban'* ireny Mpanjaka any amin' ny Tontolo any an-koatra any ireny Mpanjaka Razana ireny. Tsy afaka nisongona na nanilika ireo efa tonga tany talohany (dia ny tompon-tany izany) izy ireny, ary tsy afaka ihany koa nanakatra ny toeran-dRanahary anambo. Koa dia niara-nilahatra eo ambony fahefan' i Zanahary ny Mpanjaka Razana rehetra na iza izy na iza izy (samy Ranahary aniboka daholo), ary toraka izany koa ny amin' ny *tromba* isany avy.

2) Hevitra efa hita taratra tao amin' ny Fandroan' ny Andriana raha niseho amin' ny endrika ivelany mitovitovy amin' izay hita ao amin' ny FANOMPOANA.

Ny *jaka mialin-taona* no singanina amin' izany ka ampahatsiahivina aloha fa ny *jaka* (Asaramanitry ny vahoaka) dia ilay sombiny kely avy amin' ny omby novonoina tamin' ny andro amonoana omby. Ifanolorana sy iarahan-komana izy io mba hanambarana :

1/ ny fifanamafisana ny AINA vaovao azo ny omalin' io, tamin' ny andro androan-dRANO, sy

2/ ny fiaraha-mamelona iny AINA vaovao iny rahateo.

Ny *jaka mialin-taona* kosa, dia nampanaovin-dRALAMBO tamin' ny taon-jato faha-XVI. Rehefa andro amonoana omby tamin' ny Fandroan' ny Andriana dia nangalàna ampahany ny omby vavy volavita sy omby vosi-nalaza ary namboarina tsara iny mba tsy ho simba ka haharitra hatramin' ny Fandroana manaraka. Rehefa tonga tokoa ny andro androan-drano amin' ny Fandroana manaraka, dia ilaofan' ny Mpanjaka velona amin' ny antoandro iny *jaka mialin-taona* iny. Ny hevitr' izany dia toy izao : matoa mihinana *jaka mialin-taona* ny Mpanjaka velona, dia sady ho : 1) faharetan' ny AINY hatramin' ny fanavaozana azy io manaraka, no 2) ho fitohizan' ny AINY, tsy hisy fiatoana, tsy hisy fahabangana mandritra ny fotoana ambara-pahatongavana eo amin' ny fanavaozana azy io indray amin' ny Fandroan' ny Andriana manaraka.

Tsy ho sarotra intsony amin' izay ny fanazavana ny tena dikan' ny *tantely mialin-taona* :

— ny TANTELY dia ranondranon-javatra izay velona satria ataon' ny biby mananaina, ary azo atao fihinana satria sady manana tsirony many tsara no mahavelona aina tokoa. Ao anatin' ny izany dia misy mason-javatra manome aina, koa dia azo ampiasaina avy hatrany toy ny RANO sy RANOMASINA izy io. Ary inoana fa afaka manome AINA VAOVAO ao an' ny JINY na RAZANANDRIANA ny TANTELY ;

— rehefa mby eo amin' ny FANOMPOANA, dia ny TANTELY no manina mba hampandroana RAZANANDRIANA no angalàna ampahany. Ka iny no tahirizina mba haharitra *mialin-taona* satria mba hitazonana hatramin' ny FANOMPOANA manaraka indray ny mason-javatra manome aina ao aminy.

Koa, rehefa mihinana ny *tantely mialin-taona* ny Mpanjaka velona rehetra, manatrika ny FANOMPOANA, ny tena hevitr' izay dia ny mba hanaan' ny Mpanjaka velona AINA maharitra sy AINA mitohy hatrany, ka isaky ny FANOMPOANA no fakana ny antoka ny amin' izany. Raha tsorina dia ny *tantely mialin-taona* no manambara ny fakana antoka eo amin' ny fitohizany sy faharetan' ny AIN' ny Mpanjaka velona.

Manaraka izany, dia ny *fanadiovana ny trano masina* — ary ao anatin' izany ny *famelarana tsihy masina* — izay fanao vao maraina be amin' ny andro androan-dRANO tamin' ny Fandroan' ny Andriana no iverenana vetivety eto. Efa hitantsika fa Andrianjaka — fony fahavelony — no nanafatra ny fanorenana io *trano masina* io eo ambony fasany, ary ny zanany nandimby azy no namorona



ny fanadiovana sy fikarakarana ny *trano masina*, ary dia narahin' ny taranaka nandimby hatrany izany. Araka izany, dia azo atao ny fanakarana ny hevitra ny *trano masina* sy ny fanadiovana azy amin' ny andro androan-dRANO — alohan' ny Fandroan' ny Mpanjaka velona — :

— ao amin' ny *trano masina* no avy mitsidika ny taranaka mpanjaka ny angatry ny Mpanjaka razana ,

— noho izany dia tsy maintsy atao toerana voaomana amin' izany ny *trano masina*, ka ny Mpanjaka velona no mitarika sy manaramaso ny fanamboarana ny toerana izay azon' ny angatry ny Razany iaviana na itobiana mandritra ny Fandroana. Sady fiomanana amin' izay mety ho fihaonana amin' ny Razany Mpanjaka no fanehoampanajana azy ireny rahateo izany ny *fanadiovana sy fanamboarana ny trano masina* efain' ny Mpanjaka velona.

Ny fampitahana azo atao tsara eto dia momba ny fanadiovana ny *trano masina* sy ny fanadiovana ny Doany, ary aorian' izay dia mikasika ny *trano masina* sy anjara asany, an-kilany, ary ny fahatongavan' i MANANDRIABE sy fametrahana azy ao amin' ny valamena, an-daniny :

— na ny fanadiovana ny *trano masina*, na ny fanadiovana ny valabe na *Kipa* ivelany dia samy eo amin' ny fe-potoana mialoha indrindra ny Fandroana sy Fainpandroana no anatanterahana azy, izany hoe, samy fanehoampanajana ny Mpanjaka Razana eo amin' ny fiomanana amin' ny fandraisana azy ireny ireo fombafomba ireo. Ny Mpanjaka Razana no tonga eo moa dia tsy iza fa angatry ny Mpanjaka Razana amin' ny Fandroan' ny Andriana, ary ny ampongabe solontenan' ANDRIAMISARA amin' ny FANOMPOANA ;

— ny fahatongavan' i MANANDRIABE sy ny fanadiovana ny valamena eo imasony ary ny fanantonana azy io eo anivon' io *Kipa* anatiny io ihany, dia mitory fa ny valamena no toerana atokan' ny velona itobian' ny Mpanjaka Razana mandritra ny vanim-potoana ihaonana sy ifaneraserana amin' izy ireny noho ny Fandroan' ny Mpanjaka Razana. Raha izany, dia azo heverina fa ny *trano masina* kosa, dia toerana nampiomatin' ny Mpanjaka Razana ary amboarin' ny Mpanjaka Velona mba hihaonan' izy roa tonta ka hanamarihana ny fitohizan' ny fanjakana amin' ny alalan' ny fitahiana izay hatokan' ny Mpanjaka Razana ho an' ny taranany Mpanjaka Velona.

Raha fintinina izany, ny *trano masina* amin' ny maha izy azy sy ny fanadiovana ny *trano masina* dia midika ho toerana sy fiomanana ary fomba ifandraisan' ny Razana Mpanjaka amin' ny taranany velona mitana ny fanjakana ka ny Razana Mpanjaka no avy sy tonga avy any amin' ny Tontolo any an-koatra ary mitoby amin' ny faritra izay noinanin' ny velona ho amin' izany. Toraka izay ihany ny hevi-

tra raketin' ny valamena izay mitovy anjara asa amin' ny *trano masina* eto, sy ny fanadiovana azy eo am-pahatongavan' i MANANDRIABE, izany hoe, fiomanana amin' ny fandraisana sy fihaonana amin' ny solontenan' ny Mpanjaka Razana sakalava ka ampanaovin' ny taranaka mpanjaka sakalava mbola velona eo ankehitrilo, saingy hita maso fa ankasitrahana' ny Mpanjaka Razana avy hatrany izany fihetsika izany noho ny maha eo an' i MANANDRIABE. Tahaka ny efa hita tamin' ny FITAMPOHA, dia endrika samihafa mifameno no maha eo anivon' ny Velona ny Mpanjaka Razana mandritra ny FANOMPOANA : ny JINY, ny *tromba* ary i MANANDRIABE.

Fa raha ny *jaka avy amin' ny Andriana* no resahina farany eto, dia satria efa tamin' ny taon-jato faha-XIX vao niforona izy io : setrin' ny fanefana ny fomba amin' ny fankalazana ny Fandroan' ny Andriana dia mandefa omby izarana sombiny kely ho an' ny tsirairay eran' ny fanjakany ny Mpanjaka Velona, izany hoe, *ifanaovan'* ny Mpanjaka sy vahoaka — velona samy velona — ny fanamafisana sy famelomana ny AINA vaovao samy vao nahazo teo amin' ny Fandroana iaraha-mankalaza, ary an-koatra izay ny fifamatorana eo amin' ny lafin' ny fijoroan' ny Fanjakana. Toe-javatra mitovy amin' izany no hita momba ny *Tolotra avy amin' ny Andriana* mamarana ny FANOMPOANA nefa koa misy lafiny tsy itoviany satria ny eo amin' ny FANOMPOANA dia mahatonga fanontaniana tsy maintsy apetraka : Andriana iza moa no manolotra eto ? Ny Mpanjaka Razana sa ny Manjaka Velona ?

Raha zohina ny fandehan' ny FANOMPOANA araka ny ahitana azy ao amin' ny drafitra nandaminana azy, dia fantatra fa fanao farany itambaran' ny be sy ny maro tsy ankanavaka io *tolotra avy amin' ny Andriana* io, ary eo koa no andraisan' ny tsirairay ny porofo azo tsapain-tànana nefa an-tsary omen' ny Mpanjakany mba ho fankasitrahana ny zava-drehetra natao mba hahatomombana ny FANOMPOANA. Noho izany, ny Andriana manolotra eto dia tsy iza fa ny Mpanjaka velona. Nefa izany akory tsy misakana ny handikana ny tarehin-javatra misy eo : ny Andriana Razana no manome ny mari-pankasitrahany eo amin' ny *tolotra avy amin' ny Andriana* fa dia amin' ny alalan' ny taranany velona. Ny azo ilazana izany dia satria mandritra ny FANOMPOANA — tahaka izay efa hita tamin' ny FITAMPOHA — dia tsy mba misy fifandraisana mivantana eo amin' ny Mpanjaka Razana sy vahoaka. Misy foana ny mpanelanelana sy mpanalalana (olona hetsehin' ny *tromba*, ranitra mpanjaka). Ka ny manana anjara toerana lehibe indrindra amin' ireny mpanelanelana ireny dia ny Mpanjaka velona.

Rehefa halalinina kosa ny tokony handraisana ny hevitra ny *tolotra avy amin' ny Andriana* dia eo no ahitana ny setry avy amin' ny Mpanjaka, na razana izy na velona izy. Koa dia mbola manan-kery

eto ny foto-kevitra heverina fa mitondra ny fiaraha-monin' ny Tontolo any an-koatra sy ny Tontolo hita maso :

a) *ifanaovan'* ny Mpanjaka Razana sy vahoaka mahalavorary ny FANOMPOANA, ny AIN' ny JINY na RAZANANDRIANA ;

b) *ifanaovan'* ny Mpanjaka Velona sy vahoaka manatantetraka ny FANOMPOANA, ny fanatontosana ny Fandroan' ny Mpanjaka Razana.

Hany ka setrin' ireo zava-droa loha ireo no mampisy *tolotra avy amin' ny Andriana* (Mpanjaka velona sy Mpanjaka razana) — ho an' ny vahoaka. Koa dia feno eo izany ny toe-javatra *ifanaovana* ary azo faranana amin' izay ihany koa ny FANOMPOANA.

### 3/ Hevitra raketin' ny FANOMPOANA manokana.

Tarehin-javatra efatra samihafa no nanamarihan' ny FANOMPOANA fanehoan-kevitra azy manokana, dia ireto avy izany :

a) ny *dika omby* izay ampanaovana an' i MANANDRIABE ny marainan' ny ANDROBE ao amin' ny valamena ;

b) ny fampiasana *amponga* ka i MANANDRIABE no horesahina voalohany ary manaraka izay dia ny dory ;

d) ny *tsinjaka* izay karazana dihy ka eo aloha ny ataon' ny valalabemandry ary aorian' izay ny ataon' ny Mpanjaka ;

e) ny *dory* na *dodoria* izay amin' ny hevi-teny hoe : adi-tohondry no andiniana azy eto.

Mialoha ny fanakarana izay mety ho heviny ao anatin' ny FANOMPOANA dia hofakafakaina ireo tarehin-javatra samihafa ireo eo amin' ny fandehany, izany hoe hofotopotorana ny fomba amampanao fanatanterahana azy ireo eo amin' ny endrika samihafa isehoany ary koa hotopazana maso ny fampiasana ireny fomba ireny amin' ny faritra hafa eto amin' ny Nosy.

#### a. *dika ataon' i MANANDRIABE*

«Fihoarana mora eo ambony zavatra» ny dika hoy ny *Firaketana*. Ary ny dika malefaka indrindra raha ampitahaina amin' ny dingana sy vikina ary tsambikina. Ny fomba malagasy isehoan' ny dika azo tsongoina dia ohatra :

— ny *dika omby* izay atao rehefa nisy olo-manankarena maty : amonoana ny ombiny hodikainy alohan' ny handevenana azy — indraindray aza raha tsy ny ombiny dia ny andevony no dikainy amin' izay fotoana izay ;

— ny *dika vahy* izay fomba betsileo mba hahitana ny kinga sy havanana indrindra amin' ny tarana-panjaka ary mendrika ny handimby fanjakana ;

— ny *dika afo* kosa, izay fanao rehefa avy nandevina dia toy izao : asiana afo eo amin' ny tokonam-baravarana mba hodikaina rehefa miverina ao an-tanàna ka miditra ao an-trano ny tsirairay.

Raha toa ka manakatra ny lanitra no hevity ny tsambikina eo amin' ny fomba amam-panao ara-pivavahana, izany hoe, manambara fiovam-piainana ka mandao ny fiainana eto an-tany mba hanakatra ny fiainana an-danitra dia tsotsotra kokoa noho izay ny hevity ny dika. *Fanamarihana fiovam-piainana ny dika* : tsy anisan' ny velona intsony fa maty anisan' ny lasan-ko razana no fanamarihana ataon' ny dika omby ; zanak' Andriana mbola tsy mpanjaka nefa ho tonga mpanjaka no marihin' ny dika vahy ; mpandevina nifampikasokasoka tamin' ny tontolon' ny maty no anaovana fanamarihana fa manapaka ny fifandraisana nisy tamin' ny fahafatesana ary miverina tsy misy arakaraka amin' ny fonenan' ny velona.

Ka raha ny dika omby ampanaovina an' i MANANDRIABE ao amin' ny FANOMPOANA no itadiavana ny heviny dia inona no azo lazaina ?

Rehefa mandika ny omby natolotra sy novonoin' ny velona i MANANDRIABE, dia fanamarihana fa avy any amin' ny fiainana any an-koatra misy azy mandrakariva izy izay no tonga tokoa eo anivon' ny velona hanatrika sy hanara-maso izay atao eo anoloany ao amin' ny valamena. Manomboka amin' io fotoana io dia midoboka mila tsy an-kiato i MANANDRIABE : eo tokoa ny Mpanjaka Razana fa re ny feony mafy sy manaitra.

b. *ny amponga sy ny heviny mandray roa.*

Araka ny fantatra dia zava-maneno ny amponga. Maro karazana izy ireny noho ny fomba samihafa anamboarana azy ireny : ka ao ny kely ary ny be vatana, ao ny lava ary ny fohy, sns... fa indrindra ao ny avo feo ary ny be feo, ao koa ny avo feo amin' ny ilany iray sy be feo amin' ny ilany faharoa. Samihafa koa ny fahaizana mivelvely azy, na amin' ny rantsan-tànana, na amin' ny tapa-kazo, na amin' ny hazo nasiana lohany ; ao koa ny atao mikarantsana rehefa asiana eo amin' ny sisiny na migoboka rehefa asiana eo amin' ny kibony. Ny vokatr' izany rehetra izany dia ny fandraisana ny fanonon' ny amponga : mandefa feo mafy izy, manamarika ny ngadona izy ary farany mampientana sy mampihetsika ny Velona ny amponga.

Raha ampiasaina mandritra ny Fivavahana amin' ny Razana ny amponga dia mitory ny fananan' ny Razana feo mafy sy midoboka be izy, ary izany feo mafy sy midoboka izany no manaporofy ihany koa ny HERY ananan' ny Razana. Ka toy ny ray aman-dreny be mbola matanjaka tsara no fahitana ny Razana. Koa raha fitaovana mahatonga ny Velona handre ny feon' ny Razana ny amponga, dia

tsy inona izany ny amponga fa fitaovana mampifandray ny Razana izay tonga avy any an-koatra mba hitsidika ny Velona eo amin' ny Tontolo iainany an-kilany, sy ny Velona izay vonona hihaona amin' izy ireny an-daniny, ka ao amin' ny Doany no toerana hihaonana amin' izany.

Manaraka izany, tokony holazaina eto ihany fa ny antsiva izay mamoa feo re lavitra dia heverina ho fitaovana andrenesana ny feon' ny Razana na dia mbola lavitra aza ny misy azy ireny nefa ahazoana toky fa ho avy hitsidika tokoa izy ireny. Ny antsiva izany dia mampita feo sy teny avy amin' ny Razana ihany koa.

Raha iverenana ny amponga, fa indrindra i MANANDRIABE, dia sady feo sy tenin' ny Mpanjaka Razana izy io no manana doboka izay tsy mamela ny Mpanjaka Velona hipetra-potsiny fa mandrisika azy hihetsika ka ny tsinjaky ny Mpanjaka Velona no isehoan' izany. ANDRIAMANETRIARIVO dia nahay nanararaotra ny fampiasana ny amponga araka ny fahitana azy : lazain' ny lovantsofina fa « ampongabe » i MANANDRIANDAVITRA. Amponga be feo afaka maneho an-tsary ny feon' ny Mpanjaka Razana ary mampita ny teniny sy mampilaza ny fahatongavany i MANANDRIABE. Noho izany tsy maintsy mampiseho ny fanajany ny razambeny ANDRIAMANDISOARIVO sy ny taranany, koa rehefa midoboka i MANANDRIABE dia sady tonga izay ny razambe (izay mindrana vatana amin' i MANANDRIABE amin' ny FANOMPOANA) no avy mampihetsiketsika ny Mpanjaka velona : porofo fa nahazo HERY vao-vao ary vonona hanohy ny fanjakana ny Mpanjaka velona amin' izay fotoana izay. Ny hoe « manandria » moa dia iantsoana karazana amponga izay fampiasa irery ihany amin' ny toe-javatra sy fotoana maha eo ny mpanjaka rahateo.

Ny *dory* indray dia karazana hazo lahy, izany hoe, amponga natao tamin' ny vatan-kazo lavalava nefa kelikely sakana, ka hoditra navela ho matevina miaraka amin' ny volony rehetra no apetraka amin' ny vavany iray ary mahabe feo ny fidobony izay, saingy hoditra nokikisana ho manify kosa no apetraka amin' ny vavany faharoa — ary manome azy feo avo eo amin' ny Kitsantsony indray izay —. Ambonin' izany dia amponga masina efa nolazaina fa tsy azo kasihim-behivavy mihitsy ny *dory*. Raha izany, dia lehilahy ihany no afaka mively azy ary ho an' ny lehilahy manokana ihany koa no azo idobohana azy sady amin' ny fotoana mikasika ny ara-pivavahana. Etsy an-danin' izany dia manafana fomba amam-panao manana ny hasiny manokana ihany koa ny *dory*. Io fomba manana ny hasiny manokana io dia tsy inona fa izay nomena anarana mitovy aminy koa, dia ilay karazana adi-totohondry atao hoe *dory* ary mbola horesahina rehefa avy eo.

d. *ny tsinjaka.*

Ao amin' ny drafitry ny FANOMPOANA, rehefa avy mambo-raka ny hataka rehetra italahoana amin' ny Mpanjaka Razana ny Mpanjaka Velona dia aorian' izay vao misy ny tsinjaka ka ny vahoaka no misantatra azy ao amin' ny valabe fa ny Mpanjaka velona kosa dia manaraka, nefa ao amin' ny valamena. Ny tsinjaka moa eto dia karazan-dihy itsambikimbikinana : noho izany, dia ny hevitra ambadiky ny dihy no tsy maintsy hazavaina aloha. Ka raha ny FANOMPOANA no heverina dia izay ambaran' ny dihy ataon' ny vahoaka sy izay dikan' ny dihin' ny Mpanjaka velona no tokony homarihina.

Raha tiana ny mamaritra ny atao hoe dihy dia fientanentan' ny vatana izy io, nefa tsy atao befahatany izany satria sady misy ngadona ny dihy — satria tsy maintsy miaraka amin' ny zava-maneno na tehaka vao mandeha tsara — no tokony hanana endriny mahafinaritra hojerena satria ampahibemaso no anaovana azy mazàna, ary amin' izany ny dihy dia maneho fiontanam-po na saina na fanahy. Eo amin' ny lafiny ara-pivavahana ny anjara asa efain' ny dihy amin' ny ankapobe, dia ny fialàna amin' ny sehatry ny fiainana andavanandro sy Tontolo iainana ara-batana mba hidirana sy hirosoana amin' ny fiainana ara-pinoana ka hifandraisana amin' ny Tontolo tsy hita maso na an' habakabaka lavitra ambony any, izany hoe miala amin' ny mirefarefa amin' ny tany ka miandrindra ny ambonimbony kokoa. Amin' izay fotoana izay ny hevitra ny dihy azontsika raisina eto dia ireto manaraka ireto :

— fiandrindràna ny lanitra, na ny manam-pahefana any ambony lavitra any mba hampirotsahany avy any fitahiana sy zava-tsoa ho an' ny velona rehetra eto an-tany ;

— fitaovam-pifandraisan' ]  
— fitaovam-pihaonan' ] ny tany sy ny lanitra ;

— fanatanjahana ny HERY any ambadika ambony tsy mba hitan' ny maso any ary HERY mampitsingerina ny toetr' andro na taona samihafa na koa HERY maha ary.

Ny fotoana isehoan' ny dihy ao anatin' ny FANOMPOANA dia rehefa vita ny vavaka nataon' ny Mpanjaka velona zokiny indrindra mba hamelabelarana amin' ny Mpanjaka Razana ny hataka izay tena vetsovetso-pon' ny velona rehetra ka eo no mitsinjaka ao amin' ny valabe ny valalabemandry «eo anoloan' i Ndriamisara» hoy RAKOTO Alexis. Raha izany, dia fiandrindràna ny Mpanjaka Razana sy fanamafisana ny fangatahana mba hampirotsahan' izy ireny ny soa sy ny tsara ho an' ny vahoaka no azo andraisana ny hevitra ny tsinjaky ny valalabemandry.

Raha manao ny anjarany amin' ny tsinjaka ny vahoaka dia aorian' izay, manaraka ny azy, vao manomboka ny tsinjaka ataon' ny Mpanjaka velona, ka ao amin' ny valamena no anefàny ny azy, ary ny MANANDRIABE no manafana ny dihiny amin' izany. Koa ahoana no mety ho hevitra ifotoran' izany tsinjaky ny Mpanjaka velona izany ?

— MANANDRIABE, izany hoe, ny feon' ny Mpanjaka Razana no manome ny ngadona sy paika andihizan' ny Mpanjaka Velona : noho izany dia maneho ny fifandraisan' ny Mpanjaka Razana any an-koatra sy Mpanjaka Velona eto an-tany ny tsinjaky ny Mpanjaka velona ary eo ampahibemaso no isehoan' ny toerana sy fotoana ihaonan' ny roa tonta ;

— manaraka izany rehefa midoboka i MANANDRIABE ary mitsinjaka ny Mpanjaka velona dia miara-maneho ny fanatanjahana ny AINA vaovao sy HERVY vaovao vao samy nahazo teo ny Mpanjaka Razana sy Mpanjaka Velona ;


— ary farany raha « manandria ny dadilahiny » ny Mpanjaka velona rehefa mitsinjaka dia mampiasa ny dihy ho fitaovana sady ampakarana ny haja tokony hatolotry ny tarana-panjaka amin' ny Razany Mpanjaka izy no mampiasa ny dihy ho fitaovana iandrindràna ny fampirotsahan' izy ireny ny zava-tsoa sy tsara rehetra izay nangatahin' ny velona tamin' ny alàlany. Ary ny olon-drehetra izay manatrika ny tsinjaky ny Mpanjaka velona dia sady vavolombelon' ny ataon' ny Mpanjaka velona ho an' ny olony no samy mino sy manantena ny fanatanterahan' izany fitahiana avy any ambony izany.

Raha ny marina, matoa mialoha lalana ny tsinjaky ny valalabemandry dia mampiditra sy manamafy ny tsinjaky ny Mpanjaka velona izy io amin' izany. Ambonin' izay ny tsinjaky ny valalabemandry no manome lanja sy dikany ao anaty fanjakana ny tsinjaky ny Mpanjaka velona. Etsy an-daniny, ny tsinjaky ny Mpanjaka velona kosa dia mampifandray ny tany sy ny lanitra, ny hita maso sy ny any an-koatra, nefa koa miaro ny valalabemandry amin' ny fifandraisana mivantana amin' ny Mpanjaka Razana. Samy manana ny sehatra sy ambaratonga anehoany hevitra izany ireo tsinjaka roa ireo.

e. *ny dory na dodoria raisina eto amin' ny maha karazana tolona azy.*

Ny fisehon' ny tolona na fampiasana hery amin' ny ady ifamelezana tany amin' ny karazana Fandroana efa nodinihina teo aloha angaha no anombohana ity fandinihana ny amin' ny dory ity :

— teny indraim-bava no nilazana fa fomba iray nanatevenana ny Asaramanitry ny Vahoaka ny *fampitaha*. Fifaninanan' ankizy roa tonta eo amin' ny fampihaingoana sy fanisiana firavaka ary fahaiza-



mandihin' ny tovovavikely iray izay atolotry ny roa tonta avy no fampitaha. Amin' izany dia tolona ara-keviny no azo andraisana ny fampitaha ;

— mandritra ny Fandroana an-driaka ary an-koatra ny hoe MANDRO dia naman' ny manao ady am-parimbona amin' ny ranomasina ny lehilahy rehetra rehefa « mifaninana milomano lavitra any anaty ranomasina mahery vaika any » satria sady mampihetsika ny tanany mba ho eo ambony ranomasina fa tsy ho rendrika any anatin' ambony any ny tsirairay no mivezivezy sy mifindrafindra toerana ao an-dranomasina ao. Ka azo raisina ho fandresena lahatra ny ranomasina izay satria tsy mety milentika ka ho hainy atelina ny lehilahy ;

— isan-kariva amin' ny herinandron' ny FITAMPOHA indray no nahitana *moraingy* : ady ifampitoloman' ny tovolahy mandeha tsi-roaroa izy io ary fampisehoana sy fampiasana ary fisedrana hery no azo anazavana azy.

Ny fandehan' ny *dory* indray dia adi-totohondry gasy, izany hoe sady tsy mifidy izay ifamelezana no atao tsy an-kiato : rehefa misy ny asiana dia voa izay voa, ary tsy mijanona raha tsy lany hery. Ny hany lalàna tsy maintsy hajaina dia tsy azo ifandavoana ny dory fa ifanoherana fotsiny. Efa tena eo amin' ny famaranana ny FANOMPOANA no « velona ny DORY » hoy RAKOTO Alexis, ka azo adika hoe velona ny hazolahy mamelona sy manafana ny tolona amin' ny adi-totohondry sakalava izany ireo teny ireo. Efa nisy aza ny fanitarana araka ny filazan-dRAKOTO Alexis azy, satria ambonin' ny totohondry dia teo koa ny nampiasa daka ary lasa namoaka langilangy aza ny sasany... (1).

Rehefa izany dia ahoana no mety ho hevitra ny tolona na ady ifamelezan' ny roa tonta raha ny fomba amam-panao ara-pivavahana no imasoana ? Ny tolona amin' ny ankapobe aloha dia

— fomba fanatanjahana HERY : indrindra fa HERY maha ARY nefa mety koa ho HERY amin' ny zava-boaàry mananaina na HERY manenika ny TONTOLO iainana, izany hoe, HERIN' ny NATIORA arakaraka ny finoana ny maha izy azy io HERY io ;

— fanehoana an-tsary ny FAHARIANA satria ny fampiasana HERY ao anatin' ny tolona dia fampisiana FAHARIANA : famolavolana zavatra no iafaran' ny fampihetsiketsehana HERY ary isaky ny misy fandresena mandritra ny tolona dia misy FAHARIANA koa miaraka amin' izay ; raha tiana hofintinina ny fandehan-javatra dia toy izao :

(1) Izany akory tsy misakana ny fifangaroan-javatra ka mety hahatonga hilaza fa tsotra ny amin' izany rehetra izany dia na ho antony na koa vokatra ny fisotroan-toaka.



- a) alohan' ny tolona, dia paritaka na korontana sy tsy aina no manjaka
- b) misy ny tolona
- d) fandrafetana sy aina no vokany isaky ny fandresena ;

— ary farany, fomba fangalana sombiny amin' ny HERY — in-drindra fa ny HERY maha ARY — ny tolona.

Azontsika ezahina amin' izay ny manakatra ny hevitra ny *dory* = adi-totohondry eto : raha eo am-pamaranana ny FANOMPOANA no itrangany dia efa azo ny AINA vaovao ary ao anatin' izany ny HERY vaovao mamelombelona io AINA vao io, izany hoe, efa nisy ny FAHARIANA, efa mby amin' ny tena ny sombiny tamin' ny HERY maha ARY. Ny hany sisa atao izany dia ny fanaporofaona fa nahazo AINA vaovao tokoa amin' ny fanatanjahana sy fisedrana azy io ka eo amin' ny lafin' ny HERY ananany izay vaovao ihany koa, no anatanterahana izany : mazava ho azy fa tsy maintsy mahery, izany hoe, mafy sy maharesy izy io ary tsy misy tsara mihoatra noho ny tolona raha fisedrana no tiana atao.

Ny hevitra raketin' ny *dory* dia mbola mifandray akaiky amin' ny FAHARIANA ihany : fampiasana sy fitsapana ny vokany dia ny AINA vaovao eo amin' ny lafin' ny HERINY izany.

Nony fehezina ny Hevitra ny FANOMPOANA dia hita misongadina eo fa maneho tsy misy fiovana ny foto-kevitra ny Fandroana izy io. Saingy ny onjan' ny Tantara sy ny toe-tany no nahatonga azy hiseho amin' ny endrika ivelany miavaka. Azo lazaina koa fa toraka izany tsy misy valaka ny amin' ny fanehoana ny Fivavahana amin' ny Razana Mpanjaka, ary ny foto-kevitra mampijoro ny fifandraisan' ny Tontolon' ny Velona eto an-tany sy ny Tontolon' ny any an-koatra tsy hita maso dia mbola ny efa nalahatra teo aloha ihany. Nefa kosa dia misy lafin-javatra telo izay nitondran' ny FANOMPOANA ny anjarany manokana :

1) ny fanamarihana ny fiovan-tsehatra iainana ka hita amin' izany amin' ny an-daniny, ny fialàna amin' ny fiainana andavanandro mankamin' ny ara-pinoana sy ara-pivavahana ary etsy an-kilany ny Razana tonga aty amin' ny Tontolon' ny Velona sy ny Velona te hifandray amin' ny any an-koatra misy ny Razana ;

2) ny fanomezan' ny olombelona porofo azo tsapain-tanana ho an' ny tenany momba ny tsy hita maso : ny tiana holazaina amin' izany eto dia ny hery sy fahefana inoana fa ananan' ny Razana. Ka voamarika manokana amin' ny feon' izy ireny : feon-draiamandreny be, feo mampihetsiketsika ;

3) ny fampiasàna avy hatrany amin' ny fanatanjahana sy fisedrana azy ny AINA vaovao : ary izay dia mameno ny efa nolazaina momba ny FAHARIANA teo amin' ny Asaramanitra ny Vahoaka

rehefa miara-maneho sy miara-mamelombelona ary miara-mankahery ny vokatry ny FAHARIANA dia ny AINA vaovao izany. Ary tsy hadinoina amin' izany ny HERY vaovao raketin' io AINA vaovao io.

### **Bango tokana ny hevitra ny Fandroan' ny Mpanjaka Razana.**

Rehefa atao indray mijery ny Hevitra ny FITAMPOHA sy FANOMPOANA dia tsapa fa mizara amin' ny lafin-javatra roa samy hafa ny tokony hambara :

1) momba ny *foto-kevitra* ijoroan' ny fombafomba amam-panao efaina amin' ny Fandroan' ny Mpanjaka Razana, ary

2) momba ny *fampiasana* io Fandroan' ny Mpanjaka Razana io eo amin' ny ara-pivavahana sy ny fiantraikan' izany eo amin' ny ara-politika.

Koa ahoana àry ny amin' ny lafin-javatra voalohany ? Hita fa nibahan-toerana ao amin' ny Fandroan' ny Mpanjaka Razana ny fivavahana amin' ny Razana Mpanjaka : ny foto-kevitra ijoroan' izany dia ny fihevitra fa misy ny Tontolo any an-koatra « iainan' » ny Razana — indrindra fa ny Razana Mpanjaka — ary misy ny Velona eo anivon' ny Tontolon' ny Velona izay mpanelanelana sy mpanalalana amin' ny fifandraisana amin' ny Tontolo any an-koatra tsy hita maso ary tsy azon' olombelona anaovan-javatra mivantana. Tsy iza moa io olona manokana io fa ny Mpanjaka Velona. Fihaoanan'ny Velona sy ny Razana ary fifaneraserana eo amin'ny Tontolo tsy hita maso sy hita maso no ambadiky ny Fivavahana amin' ny Razana Mpanjaka ka ny fanamafisana ny HASIN' ny ANDRIAMANJAKA tanterahina amin' izany dia fomba ahazoan' ny Velona manao zavatra misy asany amin' ny HERY mandidy ny Tontolo iainany. Izany no izy dia satria ny Velona miandrindra ny Mpanjaka, ny Mpanjaka indray mampakatra amin' ny Razana ary ny Razana mifampiraharaha amin' ny HERY maha ARY.

Eo amin' ny sehatry ny zava-nisy dia tsy maintsy marihina eto fa taorian' ny hain-tany izay nialoha ny fankalazana ny FITAMPOHA dia nirotsaka tokoa ny orana raha vao tapitra ny FITAMPOHA 1978 ary tsy nisy nitarainana ny fahavaratra 1979-80 tany Menabe. Taorian' ny fanatanterahana ny TAMPOKE 1979 kosa dia tsy nisy rivo-doza intsony hatramin' izao tonga namely ny tanànan' i Toliary na ny faritra manodidina azy.

Etsy an-danin' izany anefa dia tsy azo avela mihitsy ny maha Fandroana ny Fandroan' ny Mpanjaka Razana. Ka raha holazaina indray ny foto-kevitra ijoroany dia ny Velona samy Velona no mahatsapa fa ilaina ny miala amin' ny fiainana andavanandro lavareny, ilaina ny mihevitra ny amin' ny tsy azon' olombelona ihoarana sy

anoharana ka apetraka any amin' ny Tontolo ambadika na any ankoatra any. Ny vaha olana novolavolaina tamin' izany moa dia ny FANAFAOZANA ny AINA izay ataon' ny HERY maha ARY eo am-pandavorariana ny FAHARIANA izay averina isaky ny MANDRO.

Raha ny tena izy dia azo lazaina fa ny Fandroan' ny Mpanjaka Razana no fomba iray nandaminan' ny Velona ny fiainany eo amin' ny lafiny sy ambaratongany rehetra ka Tontolo manontolo voafehin' olombelona no noforoniny tamin' izany.

Fa momba ny lafin-javatra faharoa mikasika ny fampiasàna ny Fandroan' ny Mpanjaka Razana dia asiana teny aloha eo amin' ny ara-pivavahana :

— ny Razana andriana no mpanalalana amin' ny HERY any ankoatra (HERY maha ARY, HERIn' ny NATIORA) ;

— ny fahazoan' ny Razana andriana sombiny na ampahany amin' ireo Hery ireo no ahafahany mitahy, izany hoe, miaro amin' ny ankason' ny Natiora na manarina rehefa nisy izy io, ary koa manome Aina Soa, Aina Sambatra ho an' ny Velona ;

— ivelan' ny olombelona no ipetrahan' ny fototry ny Fanjakana satria ny Herin' ny Fanjakana dia noho ny HASIN' ny ANDRIAMANJAKA izay vokatry ny fahefan' ny Razana andriana any amin' ny Tontolo tsy hita maso any, izany hoe, any amin' ny tsy voafehin' ny fepetra eto an-tany sy tsy voagejan' ny fotoana misy eto amin' ny Tontolo hita maso.

Mazava ho azy, raha izany, ny fiantraikan' izay eo amin' ny arapolitika :

— ho an' ny vahoaka dia ny fahitany mpiaro sy mpiahy ahafahany tsy hifandona na hifanerasera mivantana amin' ny HERIn' ny NATIORA manjaka amin' ny Tontolo iainana ka mahatonga azy hankatò sy hanaraka mandrakariva izany mpanelanelana izany ;

— tsy refesi-mandidy ny Mpanjaka amin' izay fotoana izay ka sady tsy misy fanoherana azy mitranga no manohana lalandava ny tarana-panjaka ny vahoaka.

Noho izany rehetra izany dia voalahatra sy voarindra ny fandaminam-piainana eo amin' ny ifandraisan' ny any an-koatra sy eto ambany maso :

— mikasika ny razana sy ny maty ary ny velona izay raha ny ara-pivavahana no heverina,

— mikasika ny Andriana sy vahoaka ary ny lehibe sy madinika izay eo amin' ny arapolitika,

— mikasika ny vahiny sy tompon-tany indray izay rehefa ny toekarena no resahina.

Fa ankehitriny dia tsy vitan' ny hoe mbola mitohy ny fifandraisan' ireo sehatra telo ireo araka ny filaharana : voalohany ny ara-pivavahana, faharoa ny ara-politika, fahatelo ny ara-toe-karena fa nanjary nanana fiantraikany mahery amin' ny sehatra iray izay mitranga amin' ny sehatra hafa. Ka ny fandehan' ny ara-toe-karena sy ny ara-pivavahana, ohatra, no mibaiko ny ara-politika ary ny anjara toerana lehibe ananan' ny ara-politika dia misy akony any amin' ny ara-toe-karena sy ara-pivavahana. Ary tsy lavina fa mametraka fanontaniana sy olana maro ny tarehin-javatra sy vanim-potoana ara-Tantara iainana amin' izao fotoana izao : soritana fotsiny ny amin' ny fitondrana revolisionera an-daniny ary ny fanjakana nentindrazana na fahefana ara-pivavahana an-kilany. Isavasavana ny raviny hahitana ny fotony, hoy ny fitenenana : novisavisaintsika ary nofakafakaintsika hatramin' izay ny amin' ny karazana Fandroana fantatra fa misy sy ny amin' ny Hevitra raketin' izy ireny. Azo aravona ny efa nolazaina rehetra teo aloha ka ampiasaina amin' ny ezaka hamaritana ny atao hoe Fandroana amin' ny ankapobeny.

### FIZARANA III

#### FANDRAVONANA NY MOMBA NY FANDROANA ARY FAMARITANA AZY

Raha aravona ny efa voalaza rehetra momba ny FANDROANA dia azo lazaina fa fitambarana fomba amam-panao ara-pivavahana izy io. Noho izany dia sady mirakitra ny finoana ananan' izay mpoina namolavola azy ny FANDROANA no ahitana taratra ihany koa ny fomba anehoana izany finoana izany.

Ny finoana hita nisongadina indrindra ka ifotoran' ny FANDROANA dia azo marihina fa

1) ny HERIn' ny NATIORA izay mifandray amin' ny fiheverana ny FAHARIANA ka miantraika amin' ny famoronana AINA vao-  
vao ;

2) ny FAHEFAN' ny RAZANA, ka io no mitarika fiheverana Tontolo manontolo izay misy Tontolo any an-koatra tsy hita maso mifanao ambony-ambany amin' ny Tontolon' ny Velona hita maso sy iainana isan' andro vaky.

Ireo no tena finoana fototra nefa mazava ho azy fa mety niteraka finoana hafa koa izy ireo : nitranga tokoa izany toe-javatra izany ary nanana ny endriny manokana arakaraka ny karazana FANDROANA nodinihina (dikany lalina ananan' ny fihavanana, fifandraisana amin' ny voaary hafa eto an-tany, fampiasana ny notefen' olombelona toy ny DADY, sns... sns...).

Ny fomba anehoana ireny finoana rehetra ireny kosa dia azo zohina indray eo amin' ny fanarahana ny lalan-tsainy rehefa te hampiseho ny heviny ny Malagasy. Ka raha ny karazana FANDROANA nodinihina no mbola imasoana dia azo fintinina toy izao manaraka izao izany lalan-tsaina izany :

1) fampiasàna ny zava-boary araka izay eo am-pelan-tànana, izany hoe araka izay azo kirakiraina noho ny toe-tany sy fahalalana ary fahaiza-mamolaka azy. Ambonin' izay dia hita izay ampifandraisana azy ireny amin' izay tian-kambara rahateo :

ohatra amin' izany ny RANO (ranomasina, rano mamy, na koa renirano, farihy, sns...),  
 ny OMBY (misy trafony, manana lokony samihafa, sns...),  
 ny ZAVAMANIRY (amoron-dranomasina, bararata, sns....).

2) famolavolana zavatra hafa rehefa niainga avy tamin' ny akoran-javatra efa hay ampiasaina :

ohatra amin' izany ny afo (harendrina, itonoan-kena, itanehana tantely, sns...)  
 ny jabora sy ny menaka  
 ny mialin-taona  
 ny toaka, sns...

3) fanararaotana ny toe-java-misy na eo amin' ny Natiora izany, toy ny ALINA, ny VOLANA an-danitra, sns..., na eo amin' ny fiainan' olombelona, toy ny fiontanam-po rehefa mihaona amin' ny havan-tiana, ny fanehoam-pifaliana mahatonga ny dihy sy ny hira, ny ady am-parimbona sy ny tolona, sns...

Koa na inona na inona karazana endrika isehoan' ny FANDROANA, na inona na inona fombafomba manamarika ny ambaratongampahefana sy fanao samihafa maha izy azy ny FANDROANA, dia azo atao indray mijery izy rehetra ireny ka ho hita eo amin' izany fa azo andaharana ny tantaran' ny famolavolana ny FANDROANA izy ireny. Toy izao ny azo ieritreretana izany tantara izany :

1) Tany aloha elabe tany dia ny vahoaka tsy an-kanavaka eo amin' ny fiaraha-monina misy azy no mifanaraka sy miombona mba hanokana fotoana anehoana izay heveriny fa zava-dehibe ilaina amin' ny fiainana eto an-tany. Ny velona rehetra no miatrika ny Tontolo iainany izay sady hita maso no anjakan' ny HERY naha ARY na HERIn' ny NATIORA : Asaramaniry ny Vahoaka na ny mitovitovy aminy no tafajoro tamin' izany fotoana izany.

2) Taty aoriana rehefa nisy onjany ny Tantara, izany hoe, sady nihamaro sy nihasamihafa ny mponina no nandroso ny fahaiza-

mamolaka ny Tontolo iainana teo ambanin' ny fandidian' ny Mpanjaka miaraka amin' ny fanarahan' ny vahoakany azy an-tsakany sy an-davany dia nipoitra ny fanatevenana sy fanitarana ny fomba amam-panao efa misy : mivelatra ny ara-pivavahana satria nampidirina ny Razana, miditra an-tsehatra ny ara-politika rehefa tsara tohana hatrany teo amin' ny ara-toe-karena. Ny FANDROAN' NY ANDRIANA sy ny toa azy no tafajoro indray nanomboka teo.

Nony afaka tsy « hirefarefa amin' ny tany » fotsiny intsony ny Mpanjaka sy vahoaka satria efa maromaro ny taranaka nifandimbindimby teo amin' ny Tantara ka nanatsara ny fombam-piainana na efa nisedra ny mafy sy nahalala ny zava-miafina, ary farany efa lasa nanohy « fiainana » hafa indray any amin' ny Tontolo tsy voafehin' ny fotoana na velaran-tany, na ankason' ny Natiora, dia nitodika amin' ny ivelan' izao Tontolo iainana izao ny Mpanjaka sy vahoaka, taranaka mandova aty aoriana, ka niandrandra Tontolo any an-koatra ary nahafaoka Tontolo manontolo misy ambany maso iarahamahita miampy ny tsy hita maso any ho any, misy ambadika any ambony any ary ambany izay eto amin' ity tany diavina eto ity. Teraka miaraka amin' izany ny filaharana : Razana / Mpanjaka / Vahoaka, ka ny Fandroan' ny Mpanjaka Razana — toy ny FITAMPOHA na FANOMPOANA — tafajoro tamin' izay fotoana izay indray no vavolombelon' izany fitaran' ny fomba fijery izany.

Tonga eo amin' ny dingana farany amin' ity fanadihadiana indray maka ity angamba isika izao satria hiezaka mba hamaritra amin' izay ny atao hoe FANDROANA.

Ka moa ve izany ny FANDROANA dia « Fankalazana Taombaovao » araka ny nahitan' i SIBREE sy RAZAFIMINO azy ? Sa « Lanonam-pirenena » na « Fetim-panjakana » toy ny ilazan' ny *Firaketana* sy RANDZAVOLA azy io ? Sa kosa « Fivavahana amin' ny Razana Mpanjaka » araka ny nanamarihan-dRAJAONARISON Jean-Baptiste azy momba ny FITAMPOHA ? Eny, izany daholo ny FANDROANA satria manoro lafiny iray avy amin' izay azo andraisana ny FANDROANA ireny teny bango tokana rehetra ireny.

Fa raha tokony hilazalaza izay famaritana mba hatolotray kosa izahay dia ny hoe « *Lanonam-panavaozana* » angamba no harosonay : hatrany hatrany manko dia ny roboka anaty rano (na izay asolo azy) sy ny poitra avy ao no tena votoatin' ny fombafomba amam-panao mitambatra ho FANDROANA. Ary ny foto-kevitra tsy miova mihitsy izay ijoroan' io votoatin' ny fombafomba amam-panao mitambatra ho FANDROANA io dia tsy inona fa ny fahazoana AINA VAOVAO na eo amin' ny ara-bakiteny izany na eo amin' ny lafiny samihafa amin' ny ara-keviny izany. Ny zava-tiana hohavaozina miaraka amin' io AINA VAOVAO io, ny mpitarika ny fanavaozana, ny faharetan' ny fihavaozana, ny tsingerim-potoana

ilâna fanavaozana sy ny lafin-javatra hafa momba ny fanavaozana no mety hiovaova araka ny mponina ka ny fombam-piainy na ny toe-taniny no mahatonga izany.

Rehefa faritana hoe « *Lanonam-panavaozana* » ny FANDROANA dia amin' ny tena maha izy azy manokana no ilazana azy amin' izay fotoana izay. Fa mety ho ny anjara toerany na koa ny anjara asany no imasoana : ka raha izay, dia ahitana famaritana hafa indray ny FANDROANA. Eo anivon' ny mponina manana ny karazam-pandroana ankalazainy dia *Fanehoam-pivavahana* sy *Fanamafisana fiaraha-monina* ny FANDROANA. Fa raha ny asany mavesa-danja indrindra no tiana hotsindriana, dia manjary fitaovana ara-politika ny FANDROANA ka *Fanombenana fanjakana* no azo iantsoana azy amin' izay fotoana izay. Fintinina araka izao manaraka izao ireo famaritana telo farany ireo :

a) *Fanehoam-pivavahana* ny FANDROANA satria ho an' ny Malagasy dia misy dikany avokoa izao rehetra izao rehefa mifototra amin' ny finoana fa HERY no maha ary izao Tontolo izao, HERY izay mety ho voarakitra ao anaty voaary sasantsasany (RANO, ohatra) na mety hiampitampita amin' ny alalan' ny zava-boaàry sasantsasany (OMBY, ohatra). Ho fanampin' izay dia ny RAZANA no inoana fa afaka ho mpanalalana amin' ny HERY sy zava-drehetra tsy hita maso, afaka hifampiraharaha amin' ny Tontolo any ankoatra tsy voafehin' olombelona mihitsy ka ny vokatry ny asa rehetra ataon' ny RAZANA dia tsy inona fa ny fitahiana arotsany amin' ny velona izay ankasitrahany.

b) *Fanamafisana fiaraha-monina* ny FANDROANA satria fotoampiatoana tsy ivesarana ny lasa intsony ka andaminana ny tsy nety rehetra sy iaingana amin' ny fiainam-baovao ao anaty fihavanana mafana sy manga ary ahitana fahafaham-po amin' ny mahafinaritra sy firavoravoana iarahan-kifaliana izy io. Ho an' ny tsirairay ny fihaonana, ny fiaraha-misakafo, ny fiaraha-mikorana, ny fifanolonana fanomezana dia manamafy ny fifaneraserana eo anivon' ny daholobe. Ary ho an' ny daholobe kosa ny fiarahana isan-karazany dia manome lanja vaovao eo amin' ny fiainana iombonana.

d) *Fanombenana fanjakana* ny FANDROANA satria eo ampelan-tanan' ny Mpanjaka izy dia

— manamafy ary manome ny Mpanjaka toerana izay ambonin' ny vahoakany ;

— manome ny Mpanjaka fahefana hifandray amin' ny Razany mpanjaka izay heverina fa antoky ny fisian' ny taranaka andriana sy fitohizan' ny fanjakana ;

— mibaiko ny fankatoavana atolotry ny vahoaka ho an' ny mpanjakany ka anantenan' ny vahoaka fandriampahalemana sy fiadana ;

— mampisy fotoana mitsingerina izay hanavaozana sy hanamafisana ny karazana velirano ifatoran' ny vahoaka sy ny mpanjakany

Rehefa avy nandalina ny amin' ny FANDROANA araka izay takatry ny saina eo amin' ny fari-pahalalana ananana amin' izao fotoana izao, dia inona no teny famaranana azo ambara ? Angamba ny mamerina etoana fa ezaka amin' ny fahafantarana ny maha izy azy ny Malagasy araka ny fepetra ara-tsiansa no nilofosana nandritra ny fanatanterahana ny asa fandinihana. Ka matoa nitozo hatramin' ny farany izao fandalinana izao izahay, dia teo aloha ny fahalalana ankapobe momba ny olombelona izay nahafahana nanazava ny foto-pinoana sy foto-pisainana ary fahendrena iheveran' ny mponina nodinihina mba hitondrany ny fiainany. Ary ireo lafin-javatra telo loha voatonona ireo, izay tena maha izy azy ny olona, dia hita tamin' ity indray mitoraka ity fa azo notarafina tamin' ny fomba-fomba amam-panao izay navondron' ny mponina namolavola azy ireny tao amin' ny FANDROANA.

Etsy an-danin' izany dia maseho ihany koa fa na manao ahoana na manao ahoana ny endrika samihafa nahitana ny atao hoe FANDROANA, na aiza na aiza faritra eto amin' ny Nosy misy ireny fomba fandroana samihafa ireny dia misy foto-pinoana sy foto-pisainana iraisana ao, satria niteraka fitambarana fomba amam-panao iray mitovitovy, dia ny FANDROANA izany. Ka moa ve tsy mponina iray saina ihany no teto tany aloha elabe tany fa ny elanelan-tany sy ny Tantara no nampisaratsaraka azy taty aoriana' ?

Farany moa dia nokendrena mba hampirisika ny mpandinika mba hanohy hatrany ny asam-pikarohana sy fandalinana natomboka tamin' ity fanadihadiana ity ny vokatra nahatratra hatreo. Ekena manko fa tsy ary voalaza teo daholo tsy akory ny momba ny FANDROANA ary mbola tsy voadinika ihany koa ny faritra rehe-tra eto amin' ny Nosy, raha ny FANDROANA no resahina. Koa, na ho fanitarana, na ho fanitsiana, na koa ho fanakianana dia hahafaly ny handray izay tohin' izao asa izao : fantatra fa ny antsika moa dia ny lanja miakatra foana hatrany.



## LOHARANO NANOVOZANA

### Boky, Gazety-boky, Gazety amin' ny teny malagasy

- Anonyme — *Le manuscrit de l'Ombiasy* — Fianarantsoa, Documents historiques de Madagascar, Centre de Formation Pédagogique Ambozontany, 1970, N° 20-23. 70 p. — t. 60-63 : Ny niavian' ny Fandroana voalohany.
- ANDRIAMIFIDY — Andriana — Antananarivo, *Ny Mpanolo-tsaina*, N° 17, janv. 1908, t. 45-48.
- ANDRIAMIFIDY — Ny ady firazanana — Antananarivo. *Ny Mpanolo-tsaina*, N° 74, avril 1922, t. 47-53.
- CALLET (R.P.) — *Tantara ny Andriana eo Madagasikara* — Documents historiques d'après les mns malgaches, Tananarive, Impr. catholique, 2ème éd. 1878, 2 vol. — vol. 1, pp. 1-480, textes suppl. pp. 443-462, index expressions pp. 463-468, tab. mat. pp. 469-480. — t. 157-173 : Fomba fanao amy ny Fandroana.
- COUSINS (W.E.) — Ny fomba ny Fandroana — in. Callet (R.P.), *Tantara ny Andriana*, texte suppl. pp. 450-455, izany hoe lahatsoratra fanampiny nalaina tao amin' ny «Malagasy Customs» nosoratan' i Cousins (W.E.) ary navoaka tamin' ny taona 1876.
- Firaketana ny fiteny sy zavatra malagasy* (Dictionnaire encyclopédique malgache) — Antananarivo, suppl. au *J. Fiainana*, 1937-1978.
- RABESIHANAKA — Tantaran'ny Sakalava — Antananarivo, *Ny Mpanolo-tsaina*, N° 5, septembre 1927, pp. 205-210 ; N° 7, janvier 1928, pp. 19-20.
- RAINANDRIAMAMPANDRY — Tantara sy fomban-drazana — Antananarivo, *L.M.S. Press*, 1896, 132 p. — t. 105-113 : Ny Fandroana.
- RAINIHFIFINA (J.) — Tantara betsileo, *Lovantsaina I* — Fianarantsoa, Centre de Formation Pédagogique Ambozontany, 1975, 240 p., 1 tabl., 14 pl. phot. h.-t., bibliogr., pp. 234-257.  
— Fomba betsileo, *Lovantsaina II* — Fianarantsoa, Centre de Formation Pédagogique Ambozontany, 1975, 204 p., 16 pl. phot. h.-t.
- RAKOTO (A.) — Fomba amam-panaon' ny Sakalava : ny Fanompoa-maninty — Antananarivo, *Ny Mpaninika*, N° 457 du 2 septembre 1932, N° 466 du 4 novembre 1932.
- RAMAMONJISOA (S.) — Fanontaniana momba an' ANDRIAMISARA — *Bulletin Acad. Malgache*, N.S., t. LIII/1-2, 1975, pp. 67-76, bibliogr. p. 75, 1 fig. p. 76.
- RANDZAVOLA (H.), COUSINS (W.E.) — Fomba malagasy — Antananarivo, Impr. Imarivolanitra, edis. faha-4, 1960, X+ 185 p., Lex. pp. 157-185.  
— t. 123-137 : Ny amin' ny Fandroana  
— t. 137-142 : Ny velondraiamandreny.
- ROMBAKA (J.Ph.) — Fomban-drazana antemoro — Fianarantsoa, Libr. Ambozontany, 1970, 121 p., 16 pl. phot. h.-t.  
— t. 78-79 : Ny Fandroana an-driaka.

## Boky sy Gazety-boky amin' ny teny frantsay

- a) Famintinana ny Tantaran' ny mponina tonga nonina teto Madagasikara ary fifandraisana nisy teo amin' ny Malagasy sy ny mponina maro karazana avy amin' ny moron' ny Oseana Indiana na avy amin' ny Nosy samihafa ao aminy na avy amin' ny firenena hafa ivelan' ny Oseana Indiana.

RALAIMIHOATRA (Ed.) — Histoire de Madagascar — Antananarivo, Soc. Malg. d'Edit., 3ème édit. 1976, 325 p., nbr cartes, illustr., pl. phot. h.-t., chrono, pp. 301-313, bibliogr. pp. 317-320, tab. mat. pp. 321-325.

- b) Fahalalana fototra momba ny Finoana sy Fivavahana.

CHEVALIER (J.) et GHEERBRANDT (A.) — Dictionnaire des Symboles — Paris, Edit. Seghers, 1973, 4 vol.

ELIADE (M.) — Traité d'Histoire des Religions — Paris, Payot, 2ème édit. 1968, 393 p.

- d) Fahalalana fototra momba ny Fanjakana.

BALANDIER (G.) — Anthropologie politique — Paris, P.U.F., Coll. Sup. Le Sociologie, 2ème édit. 1969, 240 p.

- e) Fivavahana any amin' ny Nosy manamorona ny Oseana Indiana.

STÖHR (W.) et ZOETMULDER (P.) — Les Religions d'Indonésie — Paris, Payot, 1968, 390 p.  
in Chap. VII — Le Principe des religions tribales cf. l'ordre divin, le mythe et la grande fête, pp. 187-197.

- f) Tantaran' ny Mpanjaka ary Fandroana eto Madagasikara.

DELIVRE (A.) — Interprétation d'une tradition orale : *l'Histoire des rois d'Imerina (Madagascar)* — Paris, 1967, 449 p. mult., bibliogr. pp. 371-443.

FAGERENG (E.) — Une famille de dynasties malgaches : Zafindravolo, Maroseraña, Zafimbolamena, Andrevole, Zafimanely — Oslo, Institutet for Sammenlignende Kulturforskning, 1971, 104 p., append. pp. 88-94, bibliogr. pp. 95-96, 5 tab. généal., 3 cartes.

Sergent FIRINGA — La dynastie des Maroseranana — *Rev. Madagascar*, 1901, 3ème ann., pp. 658-672, 1 tab. h.-t.

MOLET (L.) — Le Bain royal à Madagascar — Tananarive, Impr. Luthér., 1956, 238 p., bibliogr. pp. 221-229.

RAHARIJAONA (S.) et VALETTE (J.) — Les grandes fêtes rituelles des Sakalava du Menabe ou FITAMPOHA — Antananarivo, *Bull. de Madagascar*, N° 155, avril 1959, pp. 1-34, annexes p. 34, cf. *Le Fitampoha*, pp. 10-34.

RAKOTO (A.) — Le culte d'Andriamosara — *Bull. Acad. Malgache*, N.S. t. XXVIII, t. 947-48, pp. 108-114.

RAJAONARISON (J.B.) — Une tradition orale malgache : Fitampoha ou Bain des Reliques royales sakalava — Antananarivo, 1979, 14 p. dactylo.

RAZAFIMINO (C.) — La signification religieuse du Fandroana — Antananarivo, Impr. F.F.M.A., 1924, VIII + 60 p., bibliogr. p. VIII.

**g) Fandinihana samihafa momba an' i Madagasikara.**

**OBERLE (Ph.)** — Provinces malgaches — Riedisheim (France), Edit. Kintana, 1979, 228 p., ind. noms pp. 212-213, lex. p. 214, bibliogr. pp. 215-224, 334 phot., 5 pl. phot. coul. h.-t.

**VERIN (P.)** — Histoire ancienne du Nord-Ouest de Madagascar — *Taloha*, Rev. Musée Art et Archéologie, Univ. Madagascar, 1972, N° 5 : spécial, 174 p. ozal., 46 fig. ill., cart., 24 p. bibliogr., 1 p. liste fig., 5 p. ind. en plaquette h.-t.

# **LAHATSORATRA SASANTSASANY NAMPIASAINA**

## **I**

### **FOMBA FANAO AMY NY FANDROANA (1)**

*(Tantara ny Andriana)*

#### **1. FOMBA FANAO AMY NY FANDROANY NY MPANJAKA SY NY HAVA' NY**

##### *ANIO MAMONO AKOHOLAIHY MENA.*

Andro voalohany dia mivory ny vadinandriana sy ny zanakandriana sy ny manamboninahitra, dia mankao Manjakamiadana ny andriana. Dia alaina ny akoholahy mena hankao Manjakamiadana no fanaovana. Ary entina eo ambaravarambe ny akoholahy, ary ny mitondra dia andriandahy lehibe ny mpi-sikidy sy ravehivavy R... Ary dia manala faditra. Ary raha afaka ny faditra, dia tapahina ny tenda ny akoho, dia tantazana ravin' akondro ny ra ny, dia avoaka haingana ny akoholahy. Dia entina ny ra ny hankeo amy ny andriana eo avara-patana, dia manao aloha izy : ny hohokeli-ntàna' ny havia no akana ny ra, asiana aloha ny handrina, dia amy ny tenda kely, dia ny vavafò, dia ny volo-nkelikia, dia ny hohontànana, dia ny hohontongotra ; ary dia manao tahak' izany koa ny olona rehetra. Ary dia samy mitondra mody daholo ny olona , ary dia tsy ho.nana zavatra alatsa-dra, ary tsy mamono zavatra intsony.

##### *MANDRO RANO, andro farany ny taon-dasana izany.*

Nony maraina ny andro, amy ny fito, dia mivory indray ny andriandahy sy ny andriambavy, sy ny zana-dahy ary ny andriandahy andriamasinavalona ; dia mitafy lambamena. Dia vohana ny *tranomasina* rehetra, atao aloha ny dimy eo

---

(1) Ny fomba ny fandroana dia mizara roa : ny amy ny Mpanjaka sy ny Hava' ny ; ary dia ny amy ny vahoaka tsy vakivolo. Ary ny amy ny Mpanjaka no la-zaina aloha, ka lazaina daholo izay fomba rehetra ny fandroana hatr'amy ny voalohany tsy miova fa mitombo an-dalana, mandrak'ankehitriny.

Ary tahak'izany hiangy koa ny amy ny *Fomba rehetra fanao nentin-drazana taloha* izay ho lazaina amy ny ity tantara ity.

atsimo amy ny trano Fitomiandalana, dia fafana dia velaran-tsihy ; ary dia mi- findra eo amin-dRadama ray ny, dia velaran-tsihy, dia velaran-jaky : ary raha avy ao dia manasa tongotra ; dia mankao amin-dRalesoka sy Andriamasina- valona, dia velaran-tsihy koa, dia vita. dia mirava.

Ary rahariva, dia miangona indray, dia *handro rano* ny andriana. Ary dia vory isan-karazany ny andriana sy ny vahoaka ; ary dia tonga eo koa ny mo- zika sy ny hazolahy sy ny mpiantsa amy ny 7 ny famantaranandro hariva. Ary dia manasina andriana isam-pirenena : aloha indrindra ny Zanakandriana, dia ny Zazamarolahy, dia Andriamasinavalona, dia Zanatampo, dia Zanakam- bony, dia Zanadralambo, dia Zafinandriandranando ; ary aloha indray amy ny Hova, dia ny Terakandriantsilavo, dia ny Teradratsiamboho, dia ny Foloalin- dahy. Ny miteny, dia ny Prime Minister, dia ny ambianiandro tsy vakivolo rehe- tra. Ary dia atokona ny varisosa sy ny mialintaona. Ary dia mitsangana ny andriana handro eo anjoro firarazana. Ary dia miteny ny andriana eo manao hoe : « Dia ho masina anie aho ! » Ary dia spoaka ny tafondro manodidina. Ary ny mampanandro ny andriana, dia ny lehibe mpitaiza ny andriana ; dia takonana jaky eo amy ny handro' ny ; ary dia antsoina izy 12 vady n'andriana sy zanak' andriana, dia afanana ny rano an-tandroka, ary miteny ny andriana manafana ny rano an-tandroka manao hoe « afanana ny rano ho masina anie aho ! » Ary dia fafazan-drano ny ao an-trano, dia mipoaka indray ny tafondro manodidina. Ary dia mivoaka eo alatrano indray izy hitso-drano ny ao alatrano, dia mipoaka indray ny tafondro. Dia mipetraka eo avara-patana izy, dia homana ny vari- soosa sy ny mialin-taona, dia misambasamba izy manao hoe : « Ho masina anie aho ! ary ho arivo tratry ny taona ! » Dia mandeha ny olona manao *trarantitra andriana*. Dia vita amy ny 11 famantaranandro alina. Ary dia maraina indray ny andro, *Antananarivo 1 alahamady ny taona*.

*MAMONO OMBY VOLAVITA SY OMBIMALAZA SY OMBY ANDROANA, andro voalohany ny taona vaovao izany.*

Amy ny 6 ny famantaranandro maraina, dia vory indray ny olona rehetra : dia ampidirina ny omby ny olona rehetra hankeo andrefana ny trano Fito- miandalana ; dia mipetraka eo andrefan-trano Masoandro ny andriana, velaran- tsihy sy asian-tseza hipetrahanany ny andriana ; ary dia manasina andriana ny olona rehetra. Ary ny hasina voalohany dia ny andriana no mandray, dia lela- fi' ny, dia atao ao an-tampon-doha ny, dia mivavaka ; ary ny sisa dia raisiny 12 vavy vady n'andriana. Dia vonoina ny omby *volavita* sy ny *vosi-malaza* ; ary ny sampy miarak' amy ny eo, i *Manjakatsiroa* (1), dia atao eo, dia izy andriana no mihazona, dia mivavaka eo izy manao hoe : « Izay atao ny ambanilanitra dia « hahasina ahy ifanatera'ko amy ny ambanilanitra... Izany no angatahi'ko « amy nareo ry raza'ko rehetra, sy amy n'Andriamanitra : izay atao etoana dia « hahasina ahy ». Dia entina ny trafo ny omby volavita, dia lelafiny ny andriana eo anatrehanany ny olona : « Ho arivo tratry ny taona anie aho ! Andria- manitra Andriananahary ! » hoy izy. Ary dia entiny ny velondraiamandreny ny trafo ny hankeo amy ny vadinandriana sy amy ny zanak' andriana, milelaka koa izy : ary izany no atao hoe *misaotra omby*. Dia vita, dia samy mamono ny azy.

(1) Hatr'amy ny Andrianampoinimerina no mankaty.

Ary dia miangona indray ny zanak' andriana sy izy 12 vady n'andriana sy ny andriana 6 toko, dia mankeo amy ny trano masina rehetra. Dia mitono trafo-nkenana an-doha tranomasina ; ary raha masaka ny trafo-nkenana dia aka' ny tsi-rairay, dia homana ny andriana, dia mangataka manao hoe : « K'indreo ny « zanak'areo mila zaza dia omeo ! mila harena dia omeo ! dia ho arivo tratry ny « taona mitsingeringerina izahay ! » Ary vita ny eo. Dia mankeo Manjakamiadana indray izy ireo, dia homana *tatao*, misambasamba manao hoe : « Ho arivo tratry ny taona, tsy hisara-mianakavy ! » Dia atao an-tampon-doha ny vary masaka, dia hanina, dia miteny manao hoe : « Sambasamba Andriamanitra Andrianahary ! ho arivo tratry ny taona izahay tsy hisara-mianakavy ! » Dia mirava.

Ary nony amy ny 5 ny famantaranandro hariva, dia miangona daholo izao rehetra izao ny manamboninahitra hatra'my ny 10 no miakatra, aloha indrindra ao Besakana, dia tonga ao ny andriana sy ny olona, dia miteny ny andriana manao hoe : « Izao ary, tompokolahy sy tompokovavy, fa raha tonga ny Asara- « manitra taona fihasinako, ka hilelaka ity tanty ity : raha tanty dia tanty to- « koa, dia ho masina anie aho ! » Ary dia misaotr' andriana ny olona, dia homana, dia vita ny ao. Dia ao Masoandro, dia ao Manjakamiadana, dia Antranovola. Dia mirava.

Ary ny andro famonoana omby, alahady sy alakamisy. Raha alahady no mamono omby, alakamisy no manasa ; ary raha alakamisy no mamono omby, alahady no manasa ny mpianakavy ny andriana ; mampikalo, sy mampandihy, sy mampihira izy, amy ny andro anasa' ny izany.

Ary omby volavita dia vonoina ao Ambohimanga iray, sy ao Antananarivo iray, atao *hasina* ny razan' andriana eo Ambohimanga *lanàna masina*, sy eo Antananarivo *analamasina* : dia sorona entina mivavaka amy n'Andriamanitra sy ny razana izany, ka entina hangataka ny fahasoavana. Ary dia vonoiny ny andriana ny omby volavita eo Antananarivo, ary ny zana' ny dia mamono any Ambohimanga ; indray andro hiany no amonoana azy.

Ary ny omby *malaza* dia vonoina amy ny tendrombohitra 12 aty Merina, sy amy ny isam-bohitra malaza any amy ny vazan-tany efatra anaty ny fanjakana, angalany ny ambanilanitra rehetra ny *jaka n'andriana* : fa samy mandray kely avy, samy homana daholo izao vahoaka ambanilanitra izao : k'izany no famonoana ny omby malaza, ary izao no mah' ombimalaza azy : fa nomeny ny andriana iny omby malaza iny, ho jaka kosa izay avaly ny ilay jaka omeny ny ambanilanitra nandoa vary iray venty isan' olona miaina ka enti' ny manasin' andriana : *hasina* tahaky ny vary iray venty isan' olona miaina iny omby malaza iny ; ary samy kely ny tena ny, na ny vola iray venty na ny hena ohatry ny loha tondro. Ary dia avoaka eo Antananarivo ny omby malaza omen' andriana atao *jaka* ny ambanilanitra. Raha alahady, no amonoana ny omby androana, dia zomà no amohana ny omby malaza, dia vonoina maneno akoho ny sabotsy ; raha alakamisy no amonoana ny omby androana, dia talata no amohana ny omby malaza, dia vonoina maneno akoho ny alarobia. Ary ny tendrombohitra 12 sy ny tendrombohitra sasany izay malaza anaty ny fanjakana, samy manana ny azy iray avy, ka samy angalany ny ambanilanitra izay anjara ny kely avy :

Ambohimanga no angalany Tsimahafotsy ny azy ;  
Antananarivo — ny Voromahery ;

Ambohitrabiby — ny Mandiavato ;  
 i Lafy sy Namehana — ny Tsimiamboholahy ;  
 Alasora — ny Vakinisaony ;  
 Ambohitrarimo — ny Marovatana ;  
 Amboatany — ny Ambohidalambo & = sns...

Ary ny amy ny vazantany efatra dia arak' izao samy manana ny azy hiany : dia Fianarantsoa no angalany Betsileo ny anjara ny ; Toamasina sy Mahavelona — ny Betsimisaraka ; Ambatondrazaka sy Amparafaravola — ny Sianaka ; Mojangà, sy Hiarambazaha, sy Mahabo, sy Mananjara, sy Mahamanina, sy Vangaindrano && = sns... sns... no angalany ny Sakalava ambany ny Ravinkazo, ny azy.

Ary rahefa nijaka any Antananarivo ny andriana, dia mandeha kosa indray izy mijaka any Ambohimanga ; ny tena ny no mandeha, tsy hay hampandehanan' olona, fa dia ny tena ny no mandeha mijaka eny, ka dia tsy mamono omby androana intsony izy, f'iny omby malaza sy omby volavita iny hiany no ijakan' ny eny, enti' ny mangataka saotra sy hivavaka amy ny razana. Dia mamoha ny razana izy amy ny *tranomasina*, mila saotra sy vavaka amy ny raza' ny rehetra ao izy, dia hoy ny fiavaña' ny : « Mba tahio nareo aho, ry raza'ko rehe-  
 « tra ! mba omeo izay hahasoa ahy sy bahatsara ahy ! mba omeo izay hah-  
 « tana'ko ny tany sy ny fanjakana, sy izay hahatrarantitra ahy ! Izany no an-  
 « gatahi'ko amy nareo raza'ko rehetra ».

Dia apetraky ny andriana eo amy ny tranomasina izay fomba rehetra tanao ny amy ny fandroana : dia ny volatsivaky, dia voahangy mivady no atao ny ; tahaky ny manasina ny raza'ny, izy andriana mpandova ny fanjaka'ny. Ary ny ra amy ny omby volavita nalaina amy ny zozoro, dia atao eo am-baravarana ny tranomasina ; ary indray ny trafo-nkena amy ny omby volavita, atao ny anjoro-firarazana ny tranomasina ; izany no faavaña azy, ka tsy azo avela amy ny fomba fanavany ny razana, hatr' amy ny ela izany : ary fangatahana ny fitahiany ny razan' andriana sady fangalana ny *hasindrazana* hanasina ny Andriamanjaka izany. Dia vita ny fomba ny fandroana fanao ny Andriamanjaka.

## 2. FOMBA NY FANDROANA FANAO NY VAHOAKA

Ary ny amy ny vahoaka kosa, raha efa handro ny ambanilanitra, dia miantso ny andriana izay andro anavana ary miteny manao hoe : « Izao no ambara'ko  
 « amy nareo ambanilanitra ka didy ome'ko anareo izany. Ho avy ny fandroana,  
 « ka ny amonoana ny zava-miaina, hadimiana ambony hadimiana ambany ; ka  
 « raha manoatra izay, atao ko very vadi-aman-janaka. Ary tsy mandro, tsy  
 « mamono omby, tsy mamono izay zava-miaina rehetra, hadimiana ambony  
 « hadimiana ambany, hoy izy. Ka raha amy ny famonoana ny zava-miaina, ka  
 « tsy ny vorona no ho vorona sy ny akoho, — f'izao no ome'ko no vonoina —  
 « ka raha manoatra izao didy ko izao, koa mamono omby, koa mamono kisoa,  
 « koa mamono ondry : rapahi'ko ny loha ny ». Dia lazaina raha alahady na alakamisy ny andro amonoana omby.

« Ary izao kosa no ambara ko anareo ambanilanitra hoy izy : Ny amy ny-  
 « sabora, dia sasahina amy ny fandroana : fa maniry amy ny tany ko ny vanja  
 « sy ny basy sy ny savony, ka dia atao hankeo Analakely ny sabora anaova'ko  
 « savony. Ary ny amy ny hoditra, angatahi'ko amy nareo ambanilanitra atao

« ko satroka, atao ko bokotra sy fehi-kibo fomba ny miaramila : izany no an-gala'ko ny hoditra ny omby androana, hoy ny Mpanjaka, (hatr' amy ny Ra-bodonandrianampoinimerina izany).

« Ary ny vary iray venty isan' olona miaina, hasin' andriana fahatsiarovana, « no didimpanjakana tany ny tonon-taona nentiny ny razana tany aloha. Ary « ny vodi-hena didimpanjakana kosa, raha mandro dia tsy vakina ny vodi-hena « raha tsy an-dapa. Ary izao koa no didy ome'ko anateo ambanilanitra : ny « amy ny maty raha mandro ka maty amy ny alahamady, dia tsy itomaniana, « fa atao an' iritra, fa rahatr' izay afaka ny alahamady vao itomaniana sy ale-« vina ». K'izany no didimpanjakana mipetraka amy ny ambanilanitra hatr' izay hatr' izay mandrak' ankehitrivo.

**Voalohany : MANATITRA JAKA, SY MANAO HARENDRIN' ANDRIANA SY HARENDRIM-BAHOAKA ARY MAMOY NY MATY.**

Ny fomba voalohany dia *manatitra jaka* : dia mamangy ny rai-aman-dreny ; sy ny lehibe, sy ny havana, sy ny saksiza, dia manatitra vola jaka *solombody akoho*, ary hoy ny manatitra : « Avy manatitra ny jaka izahay : dia solombody akoho. Raha jaka dia jaka tokoa ! samia tratry ny taona ! ». Ary hoy ny atera-na : « Dia samy ho tratry ny taona ! » Raha amy ny fandroana dia manatitra vodi-akoho amy ny rai-aman-dreny ny zanaka, ary ny rai-aman-dreny kosa manatitra fe n'akoho ho any ny zana'ny. Ka raha tsy manono na ny ray na ny zanaka, dia vola no atao solombody akoho na solompenakoho. Ary ny vodiakoho entina kosa ho fanajana ny rai-aman-dreny. fa ny vodi-hena any ny Manjaka, koa iny no atao solo ny, mank' amy ny rai-aman-dreny kosa : fa samy hajaina ny Manjaka sy ny rai-aman-dreny. Ary ny jaka vola mandra-piherina ny andro mifanaitra hiary, fa te ny lavitra ny olona.

Ary nony mby akaiky ny andro androana, dia manac *harendrin' andriana sy harendrim-bahoaka* ny olona, andro roa mifanaraka no hanaovana azy. Raha alahady no mandro, alina ny zoma any ny andriana ny harendrina, ary hariva ny sabotsy any ny ambanianandro ny harendrina ; ary raha alakamisy no mandro, talata any ny andriana ny harendrina, alarobia any ny vahoaka. Ka fahatsiarovana ny fahasavana *fa ar dro vidina* ny alahamady, fa zara raha tratry ny taona mitsingeringerina, ireo harendrina ireo : avy ny taona vidina ka entina hividy ny tonon-taona ny fady rehetra no lazainy ny andriana sy ny fomba rehetra fanao amy ny fandroana. Ary ny andriana manao aloha, ka raha mitsangana ny afo any Ambohimanga sy ao Antananarivo, dia manao ny vahoaka. Ary izay maty havana amy ny iny taona iny, dia maty afo io : tsy mamoaaka afo alatrano, — tsy mandro, — tsy mamono akoho, na verona, na omby, — tsy mitondra fandroana izy.

Ny *famoizana* ny maty raheta manao ny harendrim-bahoaka : dia mitomany isan-trano ny vahoaka entin' ny *mamoy ny maty*. Ho avy ny hasoavana ka tsy tsaroana ny maty, fa rahefa homan-kena tsy itomaniana intsony fa fady izany : fa ny andro amonoan' omby dia andro vidina, koa mitomany izao. Ary izao no famoizana : raha maneno ny akoho dia miarina mitomany ny olon-drehetra isan-trano, samy mitomany ny azy na ny maty aloha na ny maty aoriana. Mitomany fotsiny no mamoy ny maty ; k'izany no ahatsiarovana azy itomaniana : fa mitabataba ny velona ka tsy miverina intsony ny maty ho hita.



Faharoany izany : *MISAFO RANO, ARY MANAO FOTSIARITRA.*

Nony efa vita ny jaka vola sy ny harendrina sy ny famoizana ny maty, dia ny *fandroana rano mafana* no manaraka sy ny famonoana akoho amam-borona. Ary ny famonoana akoho, raha alakamisy no mandro, dia hariva ny alarobia no vonoina ny akoho sy ny vorona, ka dia aterina amy ny ray sy ny reny ny vody ny. Be ny olona tsy mahandry ny andro maraina amonoana omby, k'izany no amonoana ny akoho sy ny vorona, izay tongo-droa rehetra no fanao amy ny izany, raha tongotra efatra tsy fanao, k'izany no lazaina hoe *manao-fo-tsi-aritra*.

Ary ny rano androana dia afanaina amy ny io andro io, nony hariva ny andro ka mandro ny andriana : dia mifanatona ny mpianakavy rehetra *hisaforano*, dia misambasamba amy ny rano mafana, samy mandray kely avy amy ny tana'ny, dia atao any an-doha, dia manao noe : Sambasamba Andriamanitra, Andriananahary ! ho arivo tratry ny taona, tsy nisara-mianakavy ! Mba hahaleo hahalasa ! mba hahazo vola hahazo harena ! Mba ho tratrantitra ! » K'izany no didy ny *fandroana ny vahoaka*, ka tsy mandro rano ilomanosana, fa misafo rano hiany ny ambanilanitra rehetra. Ary *ranomasina* no fanao amy ny izany ; ary ny maka azy mandeha maraina maneno akoho, ary misy izay tany fangalany ny vahoaka ny ranomasina fanao amy ny *fandroana* sy ny fora. Ary *andro farany* ny taona io, ary dia mihaingo tsara ny olona amy ny iny andro iny fa tonga ny andro vidina.

Fahatelonany izany : *MANAO TATAO SY MAMONO OMBY, TRAFONKENA ENTINA HIVAVAKA AMY NY RAZANA, TONOMBILANY, NY ANKIZY MANAO TSIKIONONA.*

Manao tato ny maraina, dia mamono omby ny antoandro, nony tonga ny hena dia entina ny *trafo-nkena hivavaka* amy ny razana, ary nony hariva ny andro dia manao *tono-mbilany*.

Ary ny *manao tatao* : dia ahandroina ny vary, dia asiana tantely sy ronono ka sambasambana ary santarana. Dia samy mandray kely avy an-tampon-doha, dia d'holo miara-nanao hoe : « Sambasamba ! ho arivo tratry ny taona mitsingeringirina ! »

Ary mamono omby volavita sy omby malaza ny andriana, vao mamono *omby androana* ny vahoaka. Ary amy ny io andro amonoana ny omby io, raha vory ny olona dia manao hoe : « Arahaba tratry ny taona ! » Ary dia mifamangy ny olona ka mifampiarahaba hoe : « Arahaba tratry ny taona ! »

Ary raha vao vonoina ny omby raha mandeha ny ra voalohany, dia alainy ny vahoaka ny *zozoro* lemama amy ny io ra io, dia atao ambony ny varavaram-be ho fiarovana ny trano sy ny aina, ary ho hasina ny trano. Dia alaina kosa ny *trafonkena*, dia atono atsy amy ny *fasan-drazana* dia ahosotra ny tsangam-bato, dia entina mangataka ny fahasoavana sy ny fahatsarana izany : ny mila harena dia mangataka, ny mila zaza dia mangataka. Toy izao ny hataka atao : « Manga-taka amy nareo ry razana rehetra, ny hasoavana ! mba omeo fananana ! « mba omeo zaza ! mba omeo fara-mandimby ! Andriamanitra Andriananahary « sy 'zay razana atoana ! mangataka amy nareo izahay ». Dia ho hanina eo ny *trafo-nkena*, dia mody. Ary taona iray raha tsy idiram-paty ny fasana, dia manao tahak' izany ny olona. Izany no fangatahana ny amy ny ambaniandro amy

ny izay hafatesany ny omby androany, na antoandro na hariva no anaovany izany, ka nitondrany ny ntaolo tany aloha koa entiny tato aoriany izany.

Ary *manao tonon-mpilany* ny olona. Nony voa rasa ny omby, dia alaina ny tsinay ny sy ny roroha'ny sy ny àty ny sy ny vorivory ny, ny ao anaty ny, sy ny ra ny, dia atao tonon-mpilany ; dia tetehina, dia ahandroina, dia loarana nony vory ny mpianakavy, dia alaina, dia manao hoe : « Sambasamba Andriamanitra « Andriananahary ! ho arivo tratry ny taona anie izahay ! hahatratrantitra ny « andriana, tsy hisara-mianakavy ! ho tratry ny taona mitsingeringerina ! ho « arivo tratry ny taona ! » Dia homan-tonon-mpilany atao sambasamba isan-trano, ary mifamangy no fanao ny olona any ny izany.

Ary ny ankizy dia *manao tsikionona* : mitondra vilany sy hena manta entina any an-tsaha ahandroina ; izany ho filalaovany ny ankizy rehetra, na Hova na Andevo, ka fomba nentina amy ny taom-bidina ; dia mihira no atao ny, sy mandihy, sy manao tonon-mpilany, sy mifanasa any an-tsaha : izany no enti'ny mangataka ny taom-bidina. Ary ny zanak'andriana aza, raha avy ny tonon-taona, dia milatsaka any Mahamasina izy, dia manao tsikionona sy milalao mandihy sy mihira.

**Fahafatr' izany : MIFANATITRA JAKA HENA, SY MANAO SAMBASAMBA AMY NY HENA VAOVAO SY NY MIALIN-TAONA, SY MIJAKA AMY NY KITOZA, ARY MANAO VARANGA.**

Ary nony maraina dia tohizina ny hena aterina indray amy ny rai-aman-dreny sy ny havana rehetra sy ny zanaka rehetra atao hoe : « Manatitra ny jaka « nareo izahay ; fa raha jaka dia jaka tokoa izay nofo-nkena mitam-pihava-« nana ». 'Zao no aleha ny, k'izany no atao hoe *jaka hena*. Ary dia mahandro hena sy manao jaka sy manasa ny havana rehetra manao hoe : « Manasa anareo « havana rehetra izahay, mba hilelaka ny tany ». Ary dia tonga ny havana rehetra. Ary alaina ny hena *mialin-taona* aharo amy ny io hena *vaovao* io, ary dia loarana ho any ny havana rehetra ijakana, ary hoy ny tompo-trano : « Tsy izay « hanin-kahavoky anareo, fa avy ny taona mitsingeringerina, koa izao no anala' « ko anareo havana rehetra : mba hilelaka ny tany, fa avy ny taom-pahatsia-« rovana : zara fa tratry ny taona ». Izany no fomba ny fanasana.

Ary ny sisa n'izany dia jaka tohizina, na ny hena masaka na ny hena manta ; iny kosa no *nofo-nkena mitam-pihavanana*, ka ny olona tsy mifankatia aza dia anaterana io hena io, ka tonga ny fihavanana amy ny iny ; fa iny taona vidina iny tsy mba azo iadiana, fa ny niady aza dia tonga tsara ny fihavanana, fa tonga ny taom-bidina ka tsy azo iadiana ; ka na ny mpirahalaly miady, na ny mpi-anadahy, na ny mpirahavavy, na ny mpianaka, na ny mpivady, dia tsy azo iadiana ny fandroana : mifankatia izy rahafa avy ny fandroana.

Ary raha hanambady dia akarina amy ny andro androan-drano, ary raha hisaraka dia isaorana amy ny io andro io ; ary raha hanangan-jaza dia atsangana amy ny andro amonoan' omby, ary raha hanary dia ariana amy ny io andro io : fa taom-bidina k'izay tsara rehetra hahasoa hahatsara dia atao ; koa izany no anaovana hoe *Tonga ny fandroana sady fanariam-panalàna*. Ary dia mifanasa sy mifankatia ny vahoaka mandra-pahalany ny hena ; mandrapahalany ny alahamady tsy manao zavatra na inona na inona, fa mihira sy mandihy no atao sy mihaingo sy mifamangy sy mifanati-kira, izany no fomba nentindrazana.

Ary ny manan-karena namono omby 1 na 2, dia manao *varunga* atao mialin-taona. Ahandroina ny nofo-nkena, dia haroana ny sabora, dia atao amy ny siny, dia avela eny ambony ny siny, dia tsy angalana intsony ny hena, raha tsy avy ny fandroana manaraka iny. Ary ny hevitra anaovana izany : dia fa tsara ny trano intsingerenany ny taona indray, na amy ny zozoro lendena ny ra n'omby androana, na amy ny hena mialin-taona.

Ary dia manao *kitoza* ny olona atao fanajana raha tonga havana izy. Ary ny kitoza : dia ny omby androana kitozaina lavakelimanifinify, dia asiana sira ka ahantona ka avela ho maina, koa rahefa maina dia zairina amy ny harona, atao fanajana ny havana mamangy, ary atao santatra amy ny fomba ny taona vao-vao.

Ary tahak' izany no fomba fanao ny fandroana tany aloha izany ela izany, ary ny sisa efa miankina amy n'Andriamanitra ka tsy fantatra.

### 3. FANAMPY NY AMY NY FANDROANA

*NY VELONDEAI-AMAN-DRENY MPANANTATRA, MPAMONO OMBY VOLAVITA & = sns...*

Tsy amy ny fandroana hiangy no vonoina ny omby volavita : mamora ny andriana, vonoina : mangataka ny andriana, vonoina ; izay hasoavana rehetra no hamonoana azy.

Ary ny mamono omby volavita sy ny manao soron' andriana, dia ny *Talasora* no manao : fa *zoki-mpirenena* izy. Tao Alasora ny ihaviany ny razan' andriana rehetra : fa teo no nisehoany ny andriana vao nitoko nankany Ambohidrabiby, sy any Ambohimanga sy any Antananarivo, sy any Ambohidratrimo : izany no nitokoany, k'izany no *maha-zoki-mbohitra* azy. Ary ny andriana taloha no nahazoany Talasora izao didy izao : Raha *manao santatra* ny andriana, — raha *mandatsak'andriana* miamboho, — raha *manao sorona* ny andriana : dia ny Talasora no alaina ; ka *tsy mati-manotu* izy. Izany no didy tany aloha nome'ny azy.

Ary ny amy ny fandroana, dia misy sorona misy faditra entina *hisantatra* amy ny taona vao mitsingerina amy ny alahamady, fa raha vao miherina ny taona alahamady dia miseho ny santatra.

Ary ny isantarana voalohany indrindra, dia ny faditra *akoholahimena* atao ny andriana, ary ny ra ny atao sorona, dia miteny ny andriana manao hoe : « Isorona'ko ity ra ity, sy ifadira'ko ity akoholahimena ity : ra velona ity hahavelona ahy ; ary faditra akoholahimena ity : solompaty hahafaka ny ratsy ». Ary ny andriana hiangy no misy faditra, amy ny fandroana, fa ny vahoaka tsy misy faditra.

Ary ny sorona ombivolavita sy ny ombimalaza mikambana miaraka ho vonoina ao, dia izany no isantarana ny alahamady miseho, fa ny alahamady no fandroan' andrian' amam-bahoaka ; dia miteny ny andriana : « Amonoa'ko ity ombimalaza sy ombivolavita ity : hahalaza ahy sy hahavita ny fanjaka'ko ; « dia hivavaha'ko amy n'Andriamanitra Andriananahary sy ny razana : fa avy « ny taona alahamady ».

Ary isantarana ny zozoro, raha vao didiana ny omby, dia mitranga ny ra : dia aroboka amy ny ra ny zozoro, ary miteny ny andriana : « Ho lava ity fan-  
« droana ity, hitadidiana ny taona amy ny fandroana, ho tratra ny taona hitsin-  
« geringerina ». Ary rahefa tonga an-trano ny hena, dia itohizana ny *valanirana*  
(hazo) ny tononkena ; dia didiana amy ny *tantitsingerina* (hisatra rarena kely  
atao efa-joro), hitsingerina ny taona : « Mba ho velona hitsingeringerina aho !  
ho tratra ny taona alahamady ! » hoy izy mpianakavy isan-trano izao vahoaka  
izao. Izany no isantarany amy ny tantitsingerina sy ny hena vaovao amy ny  
alahamady fandroana.

Ny Velondraiamandreny no maka ny *ranomasina androany ny andriana* :  
mandeha alina tsy azo arahin' andevo na olo-mainty ny velondraiamandreny,  
fomba izany, alaina amy ny tandro-potsy...

Ary ny *mamàna rano androany* ny andriana, dia velondraiamandreny no  
manao. Raha mipoaka ny tafondro indray maka, dia bataina ny rano ; velona  
ny tafondro indroa, alatsaka ny vakantsileondoza ; velona ny tafondro in-telo,  
dia misambasamba ny rano ny andriana : dia arotsaky ny velondraiamandreny  
ny ranomasina, tehafina in-telo ao amy ny loha ny vao arotsaka, dia mandro  
ny andriana.

Andro androan-drano mafana, anaterana tsihy masina ny razanandriana ;  
vohana ny tranomasina, ary raha rovitra ny tsihy ela esorina eo am-panarian'  
ondan' andriana, ny vaovao no avela hitoetra. Ny terak' Andriambelomasina  
sady mamela tsihy no mandrany. Ary ny Talasora no mpanary ny ela ; ny Zana-  
tehitany mpaka tanimena anidirana any an-tranomasina, sy ny Zanatsitakatra :  
ireo no mpanao santatr' andriana na momba ny velona na momba ny niam-  
boho. Ny terak' Andriambelomasina no manitsaka ny tany, ery ambony tratra,  
— ety Ambohimanga.

Ny *mamono ombivolavita*, ny velondraiamandreny no manao. Raha sendra  
vory, dia intelo 7, indraindray 7, indraindray 5 aza. Ary ny ombivolavita tsy  
songirana mahazaka ; iantandrohana hiany no fandavaon' azy sy songirana amy  
ny tongo'ny. Raha mirehoka, dia avela, dia alaina indray ny iray ; dia atao  
miantsinanana ny loha ny, dia vonoina eo andrefany ny tranomasina amy ny  
vato masina eo, ary didian' antsy ny tenda ny. Marolahy no mandidy voalo-  
hany, manaraka azy Talasora, & = sns..., betsaka no manao, samy mandray ny  
antsy ka mandidy ; alaina amy ny famavàny (fitohizany ny taolana), amy ny  
vozona, amy ny izao taolana rehetra izao ; alaina ny trafo ny aloha, dia alainy  
ny Marolahy entina hankao amy ny andriana entina ho lelafina. Ary atokana ny  
havia sy ny havanana : atao avaratra ny havanana ho any ny Mpanjaka, atao atsi-  
mo ny havia. Ary raha miditra ao Mahitsy ametrahana ny hena, ny havanana  
miditra aloha.

Ary ombivolavita *mitohatra* no fomba fanao isam-pandroana ao Antanana-  
rivo. Rahefa maty ny omby, ny zana' ny alaina aloha, dia entiny ny velondrai-  
amandreny ho tanehina ; dia esorina ny tongo'ny, sy ny loha ny, sy ny tao-  
vana ; dia alaina ny menaka mialin-taona, dia tetehina ny zanak'omby, dia  
ahandroina ny zanak'omby amy ny menaka mialin-taona : rehefa masaka dia  
aroso amy ny andriana ny vary sy ny zanak'omby, izay no hanina voalohany  
amy ny andro amonoan' omby. Tsy mahazo anjara ny velondraiamandreny  
amy ny io, miditra daholo anaty rova, ny hova tsy homan' azy.

Ary ny vary n'andriana ny velondraiamandreny, indroa 7 no manao. Dia maka ravin' akondro eroa Mahamasina. Ary raha mitsok' afo, horona sy valanirana no itsofan' azy, ary anjavidy no farana.

Ary raha mambeta vilany, dia tsy tambenana, tsy raisina amy ny molo'ny : fa bataina amy ny zao, aingiaina avo na dia mahamay aza, rahefa ho avy ny andriana...

Ny manao ombivolavita amy ny tendrombohitra 12. Ny aty Ambohimanga. Rahefa hateloana sisa tsy hiaviany ny fandroana, dia mianatsimo ny tandapa aty Ambohimanga maka : ny ombivolavita, sy ny ombimalaza, sy ny tantely anaovan-tatao, sy ny sira atao isa ny trano n'andriana aty Ambohimanga amy ny tonombilany. Ny ronono atao amy ny tatao, avy ary Ampanataovana ny omby terena, entina aty Bevato ny omby ao no terena.

Ary maraina ny amonoana ny ombivolavita. Mitafy lambamena ny havan' andriana daholo, hisaotra omby. R.zazamarolahy miteny misaotra omby. Dia tonga aty Ramiangaly 12 vavy vady n'andriana (vady n'Andrianampoinimerina izy), sy ny zanak' andriana 2 vavy. Dia ny velondraiamandreny no mamono.

Ary nony voa rasa ny omby, esorina ny vody ny, dia fehezina amy ny harona, dia entiny ny velondraiamandreny any Antananarivo : raha tsy izy no tonga, dia tsy mahazo homan-kanina ny andriana any. Ary Ambohidrabiby mamono ombivolavita voalohany raha vao misasaka ny alina, ary ny vodihena esorina haingiana, ka entina any Antananarivo : raha tsy tonga ny azy, dia tsy mamono ny andriana.

Ary ny trafo ny, sasahina ; ny antsasany ho any ny andriana, ary ny antsasany ho any ny aty an-tanana. Ary ny sisa, dia zaraina ho any ny zazamarolahy, sy ny havanandriana, sy ny loholona manatrika eo : ny manan-tantara hiany no mahazo ombivolavita sy ombimalaza.

Ary ny ombivolavita : raha tsy iny no vita efa voa vono, dia tsy mahazo mamono omby ny andriana sy ny vahoaka, izy no santatra sy saotra sy hasina.

Ary rahefa afaka hadimiana indray ny fandroana, dia mamono ombivolavita indray ny andriana, izay vao velona ny tseña : dia mahazo mamono omby ny olona.

Ary na ny mena no boribory ohatry ny farantsa, na ny fotsy, amy ny volo n'ombivolavita, dia iny no alaina fa tena volavita iny : fa ny kiboribory dia hevitra amy ny marika ny vola farantsa. Ary ny omby tena-volavita, dia misy boribory mena eo amy ny varavarankandrina, ohatry ny vola farantsa ny haboribory ny ; ary na lehibe aza ny haboribory ny, na amy ny handrina, na amy ny tena ny, na ny mena boribory na ny fotsy boribory, tsy maninona fa vita boribory ohatry ny vola farantsa dia tena-volavita.

Ary ny fangalana io ombivolavita io, dia ny omby ny olona izay volavita no alaina, ka vidiny ny Mpanjaka amy ny izay vidy ny : kandrefa betsaka no omby volavita ifidianana izay tena volavita tsara.

Ny soratr' ombivolavita : dia omby mena hiany, fa fotsy io amy ny tampin-kandriny, sy amy ny soro'ny havanana sy ny trafo ny sy ny soro'ny havia, sy eo amy ny tongo'ny havanana sy ny tongo'ny havia, sy eo amy ny tenatena kibo ny havanana sy tenatena kibo havia, sy ny nongombody ny sy ny fe ny

havanana sy ny tongobe ny havia sy havanana, ary ny rambo ny mitondra manasaka ny fotsy.

Ary omby sadamena no vonono ny Ralambo ivantanany ny zana'ny 2 lahy, kanjo Andrianjaka no tonga, ka sendra nifanena amy ny nanomezan'ny an'Andrianjaka ny fanjakana : ka dia tonga fanao sorona hoe omby volavita ; tsindry ny Ranakandriana, ary ny olona mpaminany mahalala koa : izay atao, manambina hahazoana ny fanjakana hahavoriana ny ambinina, dia tarazo dia hafatra.

Ary ny *omby malaza ijakana*, (aty Ambohimanga), dia ny velondraiamandreny sy ny tandapa no mamono. Manatrika eo indray Ramiangaly sy ny komandy sy ny havanandriana &; ny lamba mena efa navalona, fa lamba fotsy indray kosa no tafiana. Azo alavo mianavaratra na miantsinana ny omby malaza, ny mianatsimo sy ny miankandrefana tokana no tsy itodihany ny loha ny.

Nony efa voa rasa, dia esorina ny tsinay, ho any ny n. ka azy sy nitaona ny entana. Ary ny roroha ny sy havokavoka sy ny aty ny, tsahina : ny antsasa'ny atao tonombilany, ary ny antsasa'ny atoko amy ny rano n'andriana madinika, atao tonombilany eo koa, ary ny sira ampanarana azy atoko isantrano. Ary ny jabora avela hialin-taona, sy ny nofo ny indro, 7 avela koa hialintaona namany ny jabora koa. Ary ny tavinkena dia alaina angalana menaka. Ary ny taolana angalana menaka anaovan' andriana sy ny zanakandriana volo. Ary ny... atao kitoza hijakany ny andriana mankaty.

Ary sendra tsy afaka hijaka aty ny andriana, dia ny vady n'andriana 12 vavy sy ny zanakandriana no irahina hijaka aty, dia ireo zavatra no kasaina ijakana dia atao lany avokoa, omena ny manamboninahitra sy ny havanandriana sy ny tandapa sy ny manan-tantara.

Ary ny hena sisa tsy lany, atao kitoza n'andriana, dia mba jaka n'andriana, omena ny olona kosa io atao hoe *jaka avy amy ny andriana*.

Ary jaka n'andriana, izay no hevitra ny omby malaza omeny ny andriana ny tendrombohitra lehibe. Ary ny omby malaza omeny ny andriana ny Vazaha, dia jaka avy amy ny andriana koa. Ny nanaovan' azy hoe ombimalaza : ijakany ny andriana, raha tsy omby ijakany ny andriana tsy azo atao hoe ombimalaza.

#### DIDY AMY NY FANDROANA.

*Vidinaina*. Ary ny vidy ny aina : variraiventy isan' olona miaina amy ny mpanjaka izany ; didy ela, Ralambo no nisehoana.

Ny Hova hiany no mandoa, rahefa mety ho latsaka an-tany. Ny mpanompo tsy mandoa. Anefa ny maro an-trano. dia mandoa be hiany ; samy mamory ny azy ny loholona, akambana ny azy, akambana 100 akambana 1000, dia aterina ; samy manatitra ny azy raha tapa-bolana aloha ny fandroana.

Ny boka tokana no tsy angalana ny vidy n'aina, fa raha olombelona ambony ny tany ambany ny lanitra tsy misy tsy angalana vidinaina variraiventy isan' olona miaina, ny mpanompo angalana koa, hoy ity R...

Ary ny mpanompo raha avy ny tonintaona, ny mpanompo mitokantrano, manatitra solompanompeana, manatitra kitay hazo, manatitra bozaka, entina manantoana ny fanjakana sy fanajana ny mpiala vola amy ny. Raha tsy manao

izany, dia misy hatezerana, « mbola andevo nay hiany ka tsy hanao fanompoana anay ! » Ary izay mahavita izany, dia mahazo fankasitrahana amy ny tompo, ary dia mahazo « velona soava tsarà ! manandraiamandreny manana anareo ».

Raha mpanompo ka mamono omby amy ny fandroana : tsy alaim-bodihena, tsy alain-koditra, tsy miala jabora, tsy miala solika ; izao kosa no lalàny ny mpanompo ary ny taona fandroana, tamy ndRabodonandrianampoinimerina.

*Vodihena* tsy nivaky, hatr' amy ny Ralambo ka hatr' amy ndRabodonandrianampoinimerina. Tamy n'Andrianampoinimerina tsy nivaky ny vodihena raha mandro. Tamy ny Lahidama, tsy nivaky. Ary nony tamy ndRabodonandrianampoinimerina, no vinaky ny vodihena, kanefa any an-dapa, fa ny vodihena tsy vaky tsy an-dapa : ka ny an-kavia averina atao jaka ny zaz'amam-behivavy, ary ny havanana an' andriana. Ary ny azy andriana : ny antsasa'ny kosa, dia ome'ny ny miandry lapa, ary dia ome'ny ny antony rehetra izay nomen' Andrianampoinimerina — dia ny 12 vavy, dia ny Marolahy, dia ny Andriamasinavalona, dia ome' ny ny mpitahiry sampy (Kelimalaza, Fantàka, Mahavaly, Manjakatsiroa), dia ny mpitaiza andriana — fa tsy mba azo avela iley antony nomen' Andrianampoinimerina tsy azo avela.

Ny vodihena miditra amy ny lapa asain' Andriamanjaka omena : ny kamboty, ny vehivavy mitondra tena tsy manambady, ny olom-mahantra : fandrao ny olon-kendry hiany no homana, sy ny mpifehy manao hoe *izaho no lehibe* « Fa raha tsy mitsinjo izao vahoaka ko mahantra izao, na ny hava'ko mipetraka « amy ny vodivona, na tomponjato na tomponarivo na folokely : izay manao « izany tsy tia'ko amy ny fanjakana ».

Ary ny omby bory (tsy misy tandroka), sy ny omby folondrambo (tapaka ny rambo ny), sy ny omby mamotsotra (maty an-kibondreny ny ny zanakomby) : tsy azo atao amy ny fandroana angalana vodihena, tsy miditra an-dapa.

*Temi-pandroana, jaka-mbehivavy, manary fandroana.* Tahaky ny didy amy ny fandroana, antsoina isam-pandroana miaraka amy ny didim-pandroana izany : fa avy ny taona fanariam-pangalana, dia miseho ny didy sy ny fanajana, dia mandidy ny andriana mitondra kabaty isany ny tsena mipoa-basy iray vava isan-dapa amakiana ny teny n'andriana : « ... Ary izao indray amy ny temi-pandroana : ny lahimatoa dia kirobo, ny lahiaivo dia irambilanja, ary ny faralahy « dia sikajy. Ary ny jakambehivavy indray : atao ko lasiray ho any ny lahimatoa, dia voamena ho any ny lahiaivo, ary faralahy dia ilavoamena. Izao kosa « no ataoko lalàna ifanajana amy ny tonintaona, fandrao mahavery anareo na « ny te-mpandroana na ny fifankatiava'nareo. Ary izao kosa no atao ko amy « nareo : vady n'olona ka manary fandroana, fa asia'ko ohatra ny teny atao ko « amy nareo : zanak' omby namidy tsy ao am-bala zaza nampanambadiana tsy « ao an-trano : ka mah'anara zanaka, ry ambanilanitra, ampodio ny vady mi- « sintaka hisafo rano any an-trano ny : fa na iza andriana, na iza Mpanjaka, tsy « misy mah'afa-bady n'olona raha tsy bongo rava ny tompo ny ».

Io jakambehivavy io, hatr'amy ny ela, niaraka no kabarina amy ny didim-pandroana, ka hatr'amy ny ity nivavahana ity tamy ny rebikondry 1869 andro nandoroana ny sampy.

*FO-TSI-ARITRA SY ANDRO-TSY MATY.*

Ny havanandriana sy ny andriana no tsy manao fotsiaritra : tsy mandatsa-dra raha tsy efa voa vono ny omby isaorana sy isantarana ; ny omby volavita no omby isaorana sy isantarana. Ary ny andriana sy ny havanandriana, dia *toho* kosa no atao fo-tsi-aritra *itohizana ny soa*, ary soso a no atao vary ilaofana ny toho. Ary ny nifanekeny ny andriana sy ny havanandriana tsy hanao fo-tsi-aritra, « aoka hah'ananana fo mah' aritra, f'izay tsy maharitra tsy manana », hoy izy : satria izy mitondra ny tany sy ny fanjakana, ka raha tsy mah'aritra tsy manana. Ary ny vahoaka tsy mba mahafady izany, manao fo tsy aritra, fa tsy mah'andry fa maikia homana izay ananana, afatsy ny mandeha tongotra efatra, « fa ny mandeha tongotra efatra tsy azo atao fotsiaritra, ka atao ko lalàna mahadiso raha manao izany », hoy ny andriana.

Ary hoy R — ny Fotsy, misy tsy manao fotsiaritra ; ary ny havanandriana misy manao hiany.

*Andro-tsi-maty*, ny andro androan-drano, hoy rangahy R., samy manao izay tia ny, afatsy ny lalam-panjakana mahameloka.

Ny migadra rehetra afaka amy ny izany.

Ka saikia manao valabe amy ny io androtsimaty io : dia mahazo mandeha amy ny izay tia'ny aleha ny olona rehetra amy ny io andro io, ny havanandriana mahazo mandeha amy ny hova, ny hova mahazo mandeha amy ny andriana na'ny andevo aza, k'izany no atao hoe *valabe*, kanefa valabe *takona* : tsy misy mpijery ny maso, dia mpanaram-po amy ny tsy hita ny ratsy. Vala be ny rano an-keniheny, ary raha misintona ny rano dia miseho ny ohatra : misy valavala, misy valamparihy, misy valam-bovo anaovana tanam-bovo : ary aiza izany fahazavana ny tany ? tsy atao rabantsahona ny fanjakana, fa ampandehanina amy ny tsipiriana, ampitadidina isam-pirenena, samy maka ny anjara'ny tsy ampifanandohina fa samy maka izay tandrify ny tera-drazana ; izany no tsy maha-valabe amy ny tany, fa manana tonia ny avokoa ny zavatra rehetra. Fa izay mifanolana aterina amy ny mpahalala ny fitsarana sy ny mpitsara, dia manao ohatra indray izy milaza : « Tandremo tsara izay nentiny ny razana, tsy mba ny tarehy n'olona no itiavan' azy fa ny razana itoviana : fa mifampitety razana ny fanambadiana, fa misy zoky sy ny zandry ny ny razana : ny tera-janajoky ny dia mifanambady ny zana-joky ny. ary ny zana-jandry ny dia mifampanambady amy ny zana-jandry ny. Iza no anaovana ny valabe takona tsy misy mpijery ny maso, dia manaram-po amy ny tsy hita ny ratsy. Ary ny valabe : tsy ny tany no valabe, fa ny olona manao otafady mandry amin' olona tsy mitovy razana amy ny, izany no mahavalabe azy. Ary ny lapabe : lafimpatana tsy ampy andriana, izay malalaka iaraha-mandry, dia atao hoe lapabe ny filaza ny fandriana, « hianareo an'indrana ary atsinanana, izahay aty an'indrana andrefana ».

Ary ny fofombady, alainy ny raiamandreny ralehilahy amy ny andro androana, ka miara-manao lapabe izy mianakavy, ny iray trano, ka indray mifoha : izany *miara-mifoha fa samy tratra ny taona*. Ka nony mifankatia ny any alatrano sy ny ao an-trano, dia mifanao arahaba tratra ny taona. Ary raha tany olona efa ampy taona, ka mifamofa, ka mitovy saranga, dia ampivadiana hiany ; ary matetika dia matetika ny fofombady. na ny lahy na ny vavy tsy mitovy, na ny lahy ho lehibe na ny vavy ho lehibe, kely sy lehibe, na miray trano aza samy mandry ho azy hiany, fa tsy miray fandriana izy ireo.



Ary hoy ity Rangahy — « Ny nisehoany ny andro tsy maty : tsy mba itene-nana ny zava-dratsy, na azo maka vady n'olona, na azo mandry fady. Misy fahazavana ny teny lazainy ny tao aloha ho fomba ny fo-tsi-aritra : na ny mainty sy ny fotsy mandry, na ny andevo sy ny andriana mandry, dia manaraka ny teny n'andriana sy ny olona teo aloha, dia milaza andro-tsy-maty : fo tsy aritra, izao nisehoany ny fo tsy aritra ; tsy dia ny fihinanan-kanina hiany no fo tsy aritra : fa izay mifaniry tarehy, dia tsy maintsy miray, izany no ilazana andro-tsimaty ny andro, dia tsy anaovana kabary izay manota. Fa misy anarana ny fomba ny ntaolo taloha, fa misy atao hoe andro vidina, fa tsy misy tsy mody any an-trano : na olona manankeloka, na vady misintaka, tsy manary fandroan' olona, fa avy ny fanaovan' alin-dratsy miara-mifoha ka mandositra indray izy raha maraina, atahorana toerana tsy zaka ny fonenana, efa tsy zaka intsony ny fanambadiana ka ialana :

« Raha toa manary fandroana amy ny andro vidina, hoy ny andriana taloha, « atao ko isa ny heloka 12, isa ny mahafaty azy amy ny heloka tsy tiany ny « teo aloha ».

« Ny manary fandroana : olona vady n'olona ka tsy voa saotra, ka tsy mi-safo rano any an-trano ny lahy, dia anaty ny lalàna tsy tiany ny mpanjaka sy ny ambanilanitra. Kandrefa ny saforano hiany no lalàna mahadiso : tsy mba ny lalàna tsi-miaraka homana no lalàna, fa ny lalàna tsimiara-misafo rano. Iza no heloka mahadiso, lazainy hoe : tonga amy ny heloka 12 manary fandroan' olona.

« Mangalatra takona, mandry takona, fitia takona tsy misy mpijery tsy misy mpahita, izany no anaovan' azy andro-tsi-maty ; fa izay mpanota amy ny lalàna, raha hita : dia anaty ny lalàna, dia maty ny lalàna ; ary ny mpanarampò kosa, ny takona, mandry tsy mifankaheny, maka zavatra tsy hari'ny tsy harintongotra tsy harin-tanana fa mandriatra ny an' olona, dia raha tsy hita amy ny 'zao, dia milaza ny andro-tsi-maty ; ary raha azo n'olona amy ny zao izy, dia mandingana ny ahitra arovana, anaty ny lalàna nifanekeny ny Mpanjaka sy ny ambanilanitra, ankaharany ny lalàna hahafaty azy izy, fa ny tany manana andriana ny fanjakana misy tompo ny ».

### SAMBASAMBA

Ny rano, sambasambàna amy ny fandroana ; asiana fanazava sy ravoravo amy ny rano mafana androana &.

Ny vary isambasambana, asiana ronono, asiana tantely ; ary asiana tentimora amy ny ravoravo amy ny tampin-kandrina ; ary raha masaka ny tatao, ary dia mifanasa isan-trano amy ny fihavanana, dia mifampisambasamba isan-trano.

Ary sambasambana ny jaka, fa miditra ny hena-mpandroana, hena tono aloha : dia anaovana tanti-tsingerina (hisatra rarina atao tsikelikely, iny no andidiana azy isambasambana).

Ary manaraka izany indray, tsinana ny alahamady : dia sambasamba ny Volana, dia mitoraka ny Volana na andriana na vahoaka, faomba ny tao aloha ka tsy avela ; takariva miseho ny alahamady, dia samy mandray tay n'omby isan' olona mitoraka ny alahamady masina, (izahao tak. 37).

Ny Volana kosa no hasinina amy ny tononandro alahamady, fa renivintana ny alahamady, vintan' andriana, zokintany : iny tahàny ny andriana ; ny ambanilanitra mandro rano mafana, ary ny mpanjaka mamono ombivolavita atao ny taha ny Volana alahamady, ary ny ambanilanitra mamono zavatra madinika manao fotsiaritra (1).

Maty volana alohotsy, tsinana ny alahamady ; ary io no tahàny ny ambanilanitra sy ny Mpanjaka, herim-Bolana alahamady ; io no fitaha-ntaona ny Mpanjaka, ny ombivolavita. Ny maraina lazaina ny fati-volana, ary ny hariva lazaina tsinana ny alahamady : ny maraina kosa indray, dia mamono ny ombivolavita ny andriana, tsy mbola hita ny maso ny alahamady, fa mandro Volana tataka , ary nony tsinana ny alahamady, dia hita ny maso ny Volana ; dia mitora-Bolana amy ny tay n'omby na andriana na vahoaka ; dia miteny ny

(1) Ary raha marary ny Volana (*éclipse de lune*), ny Volana no marary ka tsy tsinana araky ny fahatsinanana raha feno ny Volana, ka tsy feno araky ny hahafenoana, ka marary dia mivavaka ny Andriana amim-bahoaka, ka mihira manonontonona izay tsizy hira fanajana ifonana amy ny Volana marary. Ary ny Andriana mamono ombivolavita sy izay araky ny lazainy ny sampy, sy ny sikidy sy ny mpanandro izay: no atao ny ifona'ny amy ny Volana marary *hivavaka ray Masoandro amam-Bolana* fa ny masoandro sy ny volana isa-mpivavahana sy isa-mpianiàhana. *Aza mahita anjara masoandro... hoy ny aty raha mianiana*. Ary ny olona marary mafy ka efa ho faty dia mitsangana hijery ny anjara masoandro izy vao maty. Ary ny Volana kosa, raha marary : aretiny ny olona hiseho mafy, na ho sarotra ny taona, na ho be marary ny olona ; izany kosa no aretim-bolana.

Raha marary ny Masoandro (*éclipse de soleil*) fa mifanena ny Masoandro sy ny Volana : afo sy rano, ka tena ny afo, ary dia marary ny afo, maty ila ny Masoandro, ary dia matahotra ny olona « maty re ny Masoandro ! » ary misy tantara ny ntaolo manao hoe « anaovana hira raha marary ny masoandro », ary izano no fihira ny ntaolo :

*Velobeloma ra Masoandro !*

*Hazavain' Andriamanitra ra Masoandro !*

*Masoandro nay veloma ho jerena !*

*Tsy harary tsy ho faty ra Masoandro !*

*Azavao ray Andriamanitra nahitan' azy !*

*Aza angalana vava ota, ray Andriamanitra !*

*Veloma ra Masoandro ho jere' nay !*

*Mba tsy ho diso anao amy ny izay anjara nay !*

Izany no hira ny ntaolo amy ny Masoandro marary, dia velona ny Masoandro mody amy ny tarehy ny mafana. Ary izao kosa no atao ny andriana taha ny Masoandro asainy ny mpanandro sy ny mpisikidy manahy ny Mpanjaka amonoana ombivolavita ny masoandro, sy hasininy ny ambanilanitra volatsivaky ny Mpanjaka : « Dia iantsoa'nay ny sampy masina rehetra nampanjaka « ny mpanjaka taty ambony ny tany io ombivolavita sy volatsivaky io, ampià' « nay vavaka : atao eto amy nao, fa hianao no Mpanjaka, fa marary ny Masoandro ka tsy marary foana, fa misy manao odiratsy mamosavy ny Masoandro. « K'izay manao izany : fofosarita ! aza manam-para aza manan'dimby ! aza « mijery izay anjara masoandro ny ! » Ary raha vita ny ozona vita ny sahato : « Fa hianao no ohatr'an'andriamanitra hita nay maso ! hita ny ambanilanitra « tahaky ny masoandro nay sy ny vola'nay hianao' : hanasina anao ny ombivolavita sy ny volatsivaky ny ambanilanitra ; izay atao ny Ambanilanitra eto « dia hahamsina anao, Ranavalomanjaka ».

Tamy ny Ranavalonareniny izany, tamy ny naharariany ny Masoandro ; dia nanao sikajy telo ny fahenimbary fotsiny, ary nanao ilasitelo ny fahenimbary akotry, raha narary kely ny Masoandro.

vava, mijery ny Volana ny maso : « Sambasamba Andriamanitra Andriananahary ! ray alahamady masina ! tsy ho diso anao alahamady masina ! fa mba ho arivo tratry ny taona mitsingeringerina ! ho velon-kitoraka anao ray alahamady & ». Efa nihinana ny hanina taha ny alahamady ; ary raha miseho izy, tonga indray ny fitenenam-bava fangatahana amy n'Andriamanitra, amy ny taona miverimberina.

Raha olona manam-panahy, mahalala fanahy anaram-bolana, dia tsy maintsy miteny izany raha tsinana alahamady : satria taha nentiny n'izay razana taloha, fombantany, fombandanitra, fomba ny fanjakana sy ny taona mitsingeringerina, izao no fisantarana azy.

Ary ny tanimena sy ny ravoravo, andro amonoana omby. Eo ambaravarana ipetrahany ny tanimena, fototr' andriampovoana ipetrahany ny tanimena, sy ery anjorofirarazana ; izao no fomba ny tao aloha natao ny : tantara tsy mba lô, natao ny : hevitra tsy very izay nentiny ny razana tao aloha ; hasina ny taona tamy ny alahamady, sy ny ravoravo amy ny handrina, sy ny tantelivelondreny, sy ny rano antsakain-dahy (ny ronono no rano antsakain-dahy, ny lehilahy mitery ny omby amy ny andro anidirana ny hena) : ireo no aiditra aloha ny hena, fa santa drazana raha miditra ny hena. Havokavo-kena no santarana aloha indrindra amy ny tantitsingerina, hena maivana : fandrao marary ny olona, fa mahita ny hanina be miditra an-trano.

Ny nofo-nkena mitam-pihavanana sambasamba, fa raha havana tsy voa jaka amy ny alahamady, havana ariana fa tsy mba havana ; iny nisehoana hoe *nofo-nkena mitam-pihavanana, jaka dia jaka tokoa*.

Ary ny jakā mialin-taona, sambasamba fa tratry ny aoriana : aharo ny alahamady taloha sy ny alahamady vao miseho ; izany no tantara natao ny teo aloha nilazana ny jakā mialin-taona ; izany no itohizana azy 12 volana vao miverina ny alahamady ; izao no ilazana azy ; ho arivo tratry ny taona mitsingeringerina. Avela amy ny zavatra tsy azo-mbovoka tsy azo ny molaly, fa tantaran-kasina.

#### *MAMOAKA OMBY, SY MISAOTRA OMBY ARY TSINKIONINKIONINA.*

Andro androan-drano no mamoaika omby. Samy mamoaika ny azy, any am-pahitra, avokoa hankany an-tsaha, dia samy manakora ny azy, izao ankizy rehetra izao manakora. Ary ny itondrana ny omby, dia any amy ny Lapa ; amy ny iley tokotany malalaka iny angaloha no ihaonana vao mandeha. Ary nony toa efa tonga any amy ny ley tokotany malalaka, ka efa samy nitondra ny omby ny eo daholo ny ankizy avy amy ny isan-tanana, dia samy mibita-bitaka daholo manodidina ny omby ny avy ; ary menatra izay mitondra omby tsy mba matavy loatra : satria fa ihomehezany izay manana matavy ; ary rahefa manao izay mah'afa-po azy tsara ny ankizy tao, dia mankany an-dapa daholo samy mandroaka ny azy.

Ary dia mivory ny ankizy rehetra, mihaingio tsara arak' izay anana'ny ; ka mitondra tehina iray avy, ary arangaranga daholo ny tehina ; ary ny omby dia roahina eo aloha, ka ihirana sy tehafina, ivelezana amponga tapaka na itsofana sodina ; ary asiana olona iray mitondra faneva tsara eo aloha. Aty dia to' izao ny teny atao ; misy mpiventy iray, ary ny ankizy rehetra mamaly :

O ! hoy ny mpiventy	— O ! hoy ny ankizy.
<i>Ny antsika !</i>	— <i>Ny antsika !</i>
<i>Matavy !</i>	— <i>Matavy !</i>
<i>Ny an'iza mitatao refo !</i>	— <i>Ny antsika mitatao refo !</i>
<i>Ny an'iza malaza be trafo ?</i>	— <i>Ny antsika no malaza be trafo ?</i>
<i>Avy taiza ley mainty e ?</i>	— <i>Avy tany alatsinainy !</i>

Izay volo ny, na mainty, na manja, na mena ny omby, dia atao tonon-kira ; izay tsena nividianan' azy, dia lazainy ny ankizy.

Ary nony toa mandalo tanàna iray iny ka tsy mba manana omby avokoa ny tao :

<i>Ananona ! hoy ny mpiventy</i>	— <i>Tsy manan-kavoaka ! hoy ny ankizy</i>
<i>Ananona !</i>	— <i>Mitandrantandrampoana !</i>
<i>Ananona !</i>	— <i>Misaron-tsobiky !</i>
<i>Ny zanak' Ananona ?</i>	— <i>Mijerijery foana !</i>
<i>Ny zanak' Ananona ?</i>	— <i>Tsy manan-katao tonombilany !</i>
<i>Olo-mahantra !</i>	— <i>Izay antra no manome !</i>
<i>Olonamboty !</i>	— <i>Tsy manankitady !</i>
<i>Ny tsy manan-damba ?</i>	— <i>Ratsy fitafiana !</i>
<i>Biby tsy manam-pe ?</i>	— <i>Amalona ! &amp;</i>

Izany anaovana ankira : ny lamba tsy tafy, ny hanina tsy hanina ; dia tahaky ny teraka adala tsy manana antena tenaina, dia tonga fihirana ny zanaky ny malahelo fa tsy manan-katao.

Ary hila tsy hahatsiaro ny hanoanana akory amy ny izany andro izany, fa andro tiany ny ankizy indrindra izy.

Nony ampitso, andro amonoan' omby. dia entina miakatra amy ny lapa ny omby : ny menakely, dia mankamy ny tompombodivona ; ary ny menabe dia mamonjy an' Ambohimanga sy Antananarivo.

Ary ny ampakaran' azy amy ny lapa : itantanana azy sy isaorana ; isaina ny omby isam-bohitra izay mahafaty 2 mahafaty 3, amantarana ny vodi-hena tsy miditra an-dapa, izahana izay manota ny didimpanjakana manam-bilany fahandroam-bodihena tsy tompo ny, izao no itadidiana azy ; dia isaorany ny vadinandriana, indray fisaorana daholo ireo. Ary ny fisaorana : atodika miantsinanana daholo ny loha ny omby ; dia alaina ny rano masina tena rano masina sy ny rano an-tandropotsy, aharo izy 2 atao fafy rano amy ny omby rehetra, ny velondraiamandreny indroa 7 no manao milatsaka any ampovoany ny omby mamafy ny rano an-tandropotsy. Raha mamafy rano, dia manao fiantsoandrazana ny vadinandriana ; dia miantso an' Andriamanitra Andrianahary, miantso ny 12 nanjaka sy ny tendrombohitra 12 nanjaka ny, sy izay sampy masina rehetra nampanjaka ny mpanjaka, tononina anarana fa tsy entina eo ny sampy. Dia misaotra ny Mpanjaka ny ambanilanitra tonga eo : « Izay atao « eto dia mahatrarantitra ny Andriamanjaka ! ho tratry ny taona mitsingerin-« gerina hifanaterana amy ny ambanilanitra ! » Ary vita fisaorana ny omby daholo, dia samy mitondra mody ny azy. Samy manemboka ny azy isam-bohitra : alavo miantsinanan-doha mifatotra tongotr'aman-tanana vao embohana, asiana ny afo tay n'omby sy ny emboka eo an-doha trafo ny sy ny vavorona, dia vonoina amy ny kianjabe malaza misy vatomasina isan-tendrombohitra.



Ary lasa ny omby ny vahoaka, miditra ny velondraiamandreny eo amy ny tokotanimasina an' Andriambelomasina. Dia alavo miantsinanan-doha ny ombivolavita sy ny ombimalaza ; volavita ny vavy ; ary ny lahy, na mena na manja, ny alahasaty no tsy atao, raha mainty tokambolo tsy izy, raha mainty ka misy fotsy dia isa ny Vositra malaza, dia afatotra ny tongotr'aman-tanana. Vita ny fatorana, efa hanemboka, dia miantso indray ny vady n'andriana mitodika miantsinanana, eo am-body ny omby velarana tsihy hisatra madio, dia miantso ny razanandriana, dia miantso izay sampy masina rehetra... Dia arehitra ny afo n'emboka, dia embohana ny trafo sy ny vavorony ny omby, dia entiny ny velondraiamandreny ny lohazozoro tsy voatsaikia. Ary nony vita iny, dia mandidy ny velondraiamandreny : ny iray mandidy ny tenda ny, ary ny sisa n'izay manitrika ny lohazozoro amy ny ra. Dia miteny indray ny vadinandriana : « Sambasamba Andriamanitra Andriananahary ! izay atao etoana hahamasina « ny Andriamanjaka hifanaterana amy ny ambanilanitra ! ho tratry ny taona « mitsingeringerina lalandava tsy hisaraka mianakavy amy ny fanjakana ! » Dia solarany ny velondraiamandreny ny antsy ny trafo n'ombivolavita sy ny ombimalaza : dia lelafin' ny velondraiamandreny, dia lolohavi' ny — ny Tala-sora no mpanao izany — dia miala satroka avokoa ny olona entina mananty tanan-droa eroa andrefany ny tranomasina amy ny kianja masina ; mandohalika mitodika miantsinanana miara-mananty tanan-droa izy indroa 7, misahoby ny vahoaka manao hoe : « Mahatrarantitra ny Andriamanjaka izay hasina atao etoana ! » Dia miarak'amy ny iny ny volatsivaky. Ny volatsivaky hasinandriana, dia raisiny ny vadinandriana. Ary ny trafonkena hasina jaka-ndrazana iny, aйдitra any an-trano n'andriana any Manjakaray, jakandrazana mihosobato fa tsy hanimbava, (tsy lelafiny ny vadinandriana), fa ny vato kosa no tahaky ny loha (vato an-dohafasana) solo-ndoha-ndrazana satria tandrify ny eroa an-dohamandry.

Dia fandraśa-nkena no sisa...

Rahefa vita ny fizarana ny jaka, dia mitono ny jaka-ndrazana (ny trafo n'omby) ny vadinandriana, eroa andoha-mandry antsinanany ny tranomasina. Dia arehitra ny afo, ny hazo sorindrana no atao kilay ; ary ny hazo anjavidy itohizana ny trafonkena. Raha masaka iny, alaina indray ny trafonkena mialintaona, dia afanaina indray ny eroa an-dohamandry, dia aharo ny mialintaona sy ny taona vao tamy, dia aharo ireo ahosotra ny vato eroa an-dohamandry, ny mpanjaka lasana, dia manao hoe : « Misambasamba miantso an'Andriamanitra miantso an' Andriananahary, miantso ny razana etoana miantso ny « sampy masina nanjakana : dia mba tahio nareo ny Mpanjaka ! tahio nareo « andro tahio alina ! mitahia fa andriamanitra volanina manitsaka ary ambony « ny loha ! Izao hasina nantsoina teto, sy izao razanandriana voa tonona teto, « sy izay sampimasina nahamasina ny mpanjaka : hahamasina an-dRabodo-« nandrianampoinimerina hifanatera'ny amy ny ambanilanitra : dia mba ho « tratry ny taona mitsingeringerina ! ho velona arivo taona Rabodonandria-« nainpoinimerina ! » Avela ho levona amy ny vato ao an-dohamandry ny sisa tsy levona, ny trafonkena, dia mipetraka ho azy eny ambony ny vato ny nanosorana azy, tsy ihinanana iny. Isan-trano masina no itonoana izao jaka izao : izay andriana lasa taloha no itonoana jaka aloha, dia mifanao ara-joky ny, izay niamboho farany itonoana farany.

Ary anivelany ny trano masina, no ametrahany ny velondraiamandreny emboka, amy ny afo ntsorindrana ; ka rahefa maty iny afo iny, mitsahatra ny

emboka dia esorihy ny Zanatsitakatra ny lavenona, fafàna madio ny nanaovana afo, ariana, ariana amy ny zavatra madio tsy anaovan' olona diky ny lavenona. Andro amonoana ny ombivolavita no anaterana hasina ho azy (razana) emboka sy vola. Ny hasina vola atao an-jorofirarazana amy ny trano masina. Tsy asiana emboka, tsy asiana jiro, ao anaty tranomasina. Ny anaty fasana tsy mba vohana intsony, varavarana hiany no vohàna anaterana ny hasina sy ny tsihy ; ny andro amonoana ombivolavita no anaterana ny hasina ary andro androan-drano mafana no anaterana ny tsihy masina.

Ary ny trafonkena amy ny ty taona vao avy, amelana atao mialin-taona, atao jakandrazana indray isambasambany ny velona. Afanaina isam-bolana milona amy ny menaka, afanaina isandray volana ; tanehiny ny tandonaka, ny mpiandry trano n'Andriana, madio tanana ireo ; ny trafonkena atao be ambulany isandray volana, tsy asiana rano, fa menaka hiany no itanehana azy. Raha tsy tanehina : mafàraka maimbo bona, izao no itanehana azy isan-drainy volana.

Ny vadinandriana no mpisaotra sy mpiantso hasina aty Ambohimanga.

Ny tompombodivona no mpisaotra amy ny lapa ipetraha' ny nomeny ny Mpanjaka andanosana dia ihinanana ny vari-aman-tsaonjo.

Raha vita ny saotry ny omby, dia samy mitondra ny azy mody isam-bohitra raha voa saotra amy ny tendrombohitra ; samy mamono ny azy.

Ary ny ankizy lahy manombi-kena ; ary ny ankizy vavy mangata-kena, na vehivavy lehibe na ankizy madinika. Ary nony efa nahazo ombika : ny sasany dia mivarotra ny azy, ny sasany mitondra ny azy mody.

Ary ny ankizy vavy manao tsikionina any an-tsaha hiaraka homana : samy mihaingio tsara izy, ary mitondra zavatra hatao fanatitra, ary koa mitondra vilany kely, sy ny nongo kely fandrahoan-kena. Ary mandeha mankeny Soanierana sy ety Mahamasina. Raha tonga eny izy ireo, dia mitady fitoerantaratsara izay atao hoe trano ; dia mipetraka eo izy ireo, ary mihira ; ary manangana roa ao amy ny azy ampandihizina, ary ny sisa, tsy mandihy, dia mipetraka mitehaka sy mihira. Raha vita izany, dia avy ny sasany manatitra ny zavatra atao hoe nahandro, dia miteny ireo manatitra ka manao hoe « haody tompoko e ! manatitra ny nahandro masaka, tompoko e ! » Dia raisiny ny mihaingio ny nahandro atoitra, dia miaraka homana izy rehetra sambasambana fa misy olon-kendry miaraka amy ny. Dia lasa nody ireo nanatitra, ka mipetraka amy ny izay trano ny. Dia manao toy izany ny fanao amy ny fanaterana zavatra. Ary ny sasany aza, dia mahandro vary ; ka raha masaka ny vary, dia manasa ny sasany.

Raha vita izany dia ny *fampitaha* no atao. Dia nifanatonana ny toko roa, ka samy manangana 1 avy amy ny azy ampandihizina. Iley iray voafidy handihy, iny dia ravahana tsara : asiana vakana am-bozona, asiana kavina an-tsofina, anaovana voahangy an-doha, dia mitafy lamba madio sy akanjo tsara, ny manan-katao, ny zanaky ny manana. Ary izao kosa ny ravaky ny zanaky ny malahelo : voangivikely no solo-mboahangy, voampo no atao voahangy lehibe, vonintsongosongo no atao ravaka an-doha, izao kosa no ravaky ny tsy manana. Dia mifaninana dihy eo... Ary misy resy, dia akoraina : « Tsy mahaleo ny anay ! « na ny tarehy na ny fihaingoana ! nandravaka olona adala isika ry retsy !

« andeha i Anona no atao ! ireo samy zanak' Andriananona ! ireo atao indray  
« fampitaha hizaha ntsika izay mahay sy tsy mahay ».

Ary dia tantara ao aoriana izany, hoy ny tantara, « izahay amy ny Ranona ireny no zaza indray mihira, dia an'itra sahady iny olona iny ! » Io fampitaha amy ny fanaovana tsikionina amy ny tonintaona alahamady, dia io nisehoany ny zaza indray mihira ; na lahy na vavy milaza izany, ka izay zoin' aretina malaky ratsy aloha ny olona, tonga ny aretina ka farofy mihena ny nofo mikitrona ny hoditra, ary mamaly kosa ny tsy marary tsy mari-koditra, dia mila dera amy ny olona amy ny fahatsarana tsy mba azo ny aretina , kanjo na farofy na tsara fanahy, samy mizotra amy ny lalam-pahafatesana no farany .

R.P. CALLET

*Tantara ny Andriana eto Madagasikara*

## II

## NY FOMBA NY FANDROANA

*(Malagasy Customs 1876)*

Ny fandroana no taona atao ny Hova fifaliana isan-taona, ka tononina hoe « taona tsara indrindra », raha avy ny volana Alahamady. Ary izany taona izany indrindra no ananany ny fikasana sy fiomanana amy ny fahasoavan-dehibe, ka maniry ho tratra n'izany taona izany. Fa raha sendra madiva ho avy ny fandroana ka tokony hatr'amy ny telo velona no sisa, ka misy maty, dia mamalahelo ny havany indrindra izany. Ka indrindra raha maty akaiky loatra amy ny fandroana, dia lazaina hoe « ratsy fahafaty, fa tsy tratry ny fandroana akory », fa raha sendra amy ny fandroana indrindra no maty, dia tsy azo aposaka toy ny fanao ny maty, fa dia alevina ka atao tsy ren' olona amy ny filazana, ary tsy atao am-pasan-drazana, fa atao hoe « an-iritra » no fanononana azy, mandra-pahalany ny Alahamady. Ary koa, tsy itomaniana akory aza, atao ny izay tsy handrenesan' olona izany. Fa mahadiso raha reny ny andriana, fa tononina hoe, any ny andriana ny fandroana. Ary ny olona dia milaza azy toy ny misy tsiny avy amin' Andriamanitra ny nahafaty azy, satria tsy nahatratra ny tonon-taom-bahoaka, fa taona hasinina ny Alahamady. Ary amy n'izany taona izany dia misy fomba maro : Alahamady, mitatao rano, mamono omby, mijaka, mitora-bolana. Dia izao no antokony lehibe azo ilazana azy. Ka dia ampoizina indrindra samy volana ny Alahamady.

## ALAHAMADY

Tsy fantatra loatra izay voalohany ny niandohany izay nifidianany azy, na ny mpanjaka nanomboka voalohany. Fa raha vao hanoratra aho, dia nanontany ny olon-antitra sy ilay andriambavy mpanandro sisa, fa olona no vinady n'Andrianampoinimerina izy, sady izy no sisa malaza amy ny mpamintandro, ka izy hiany no mpamintana malaza hatr' amin-dRanavalonjanany izay hoe « nenibe », satria fiantohany ny fanaovan-javatr' andriana. Ka dia raikitra ho anarany izany, fa Rabodonizimirahalahy no anarany. Ary izy nilaza tamy ko hoe : Tsy fantatr' izay nifidiany azy ; ary raha ny niandohany, dia hatr' amin' izay Ralambo, hono. Ary dia mahagaga indrindra ny fitandreman' ny olona azy, fa nony mbola tsy nisy fanjakana tokana no nisy fandroana. Kanefa mety miaraka avokoa na dia olona tsy miray hina aza, fa hoy ny filaza ny azy fahiny niady an-trano, satria tsy fanjakana iray, kanefa miray hina amy ny fandroana. Fa izany toa saiky tsy nisy halehibempanjakana ampy aleha mandra-pitsidik' andro, ary noho izany dia tsy hanaiky izay didy atao ny hafa ny sasany. Sady samy lavitra loatra Imamo sy Imerina tamin' izany. Fa ny aleha ny ntaolo indray andro afaky ny ankehitrio indray maraina : ary izany no mahagaga.

Ny volana Alahamady no fitadidy ny olona ka tandremany tsara ny hatsinanany, fa misy tsy tiany ny hatsinanany. Fa raha tsy alarobia sy asa-jotsy no iantombohany ny volana, dia aleo ny mandro aloha ny volantsinana, fa tononiny hoe « volan-tataka », ary raha izany no hatsinanany ny volana, dia man-



dro kely indray rahefa tanany tozain' ho hev'n' andro ny volana amin' izay andro asainy ny mpanandro nandroana rehefa mandro eto aloha kely. Kanefa amin' izany fandroana kely izany, dia tsy tanteraka avokoa ny fanao amy ny fandroana. Fa mamono omby hiany sy manao tsotsotra araka izay sitra'ny.

Ary amy n'izany Alahamady izany dia misy fanao eo aloha ny androana. Tsy mandatsa-dra hadimiana mandra-pahatonga ny fandroana. Ary rehefa omby amy andro fanaovana, dia tsy fanilo amy ny tanàna rehetra, izay tononina atao hoe «harendrina», fa tsy hafa va eo aloha. Raha alarobia no fandroana, dia manao harendrina nony hariva ny talata, izay harendrin' andriana, sy hariva ny alarobia rehefa milentika ny masoandro. Fa raha ny hevitra ny anaovana izany, dia tokony ho fotoana mba hiarahany : fa misy tsy mahalala, ary ny amy ny am-bohitra madinika dia tsy mitandrina sady tsy dia misy fomba atao ny loatra afatsy ny iray na roa izay fanta'ny, ka dia maro no tsy mahalala, kandrao diso fandroana ny olona ; fa ny fanilo no fotoany ny olona raha misy ady sy zava-kafa tiany ho fantatry ny fanjakana hafa, manisy fanilo isantendrombohitra, ka raha sendra misy ady, dia tsy toy inona ka mahare : fa ny ntaolo tsy misy basy loatra, na tafondro, na trompetra, ka tsy misy fandrenesana fiangana, sady tsy azo aleha any amy ny tany ny sasany, fa izany no filazana. Ary ny hoe : «harendrina» dia noho ny hamaroany ny afo ; fa ny zavatozany izany ka maro mirentina dia atao hoe mirendrirendry, toy ny afo madinika amy ny vody vilany raha vao entanina.

Ary misy fanao hafa koa amy ny andro androana, kanefa tsy fanao hatry ny taloha izany, fa vao tato aoriana ny nanjakan' Andrianampoinimerina, ka dia raikitra ho fanao izany. Ny mamono zava-mandeha-ra amy ny andro hitataovan-drano, ka dia haniny. Fa teo aloha efa indroa no natao diso ny manao toy izany. Indray maka natao very, ary indray mandeha no sazina. Ary nony tsy zaka nahatsahatra izany, dia nasiana didy hoe «dia ny zava-mandady no tsy vonoina, fa ny manan-elatra atao hiany», ka dia tonga fomba izany noho ny tsi-fahandrasany ny olona ny vonoan-omby amy ny ampitso, fa te-hihinan-kena ry zareo. Dia raikitra hoe «fo-tsi-aritra», fa nisy fanao lehibe amy ny andatsahan-dra amy n'io andro io, fa ny olona rehetra tsy nitandrina izany, fa ny mpanjaka hiany sy izay mahalala koa toy izao.

Vonoina ny akoho, ka alaina ny ra, dia hosorana ny hoho sy ny tataom-baravarana ary ny tampin-kandrina, dia miteny hoe : «Tsy ho lozain' izay atao anie, Andriamanitra, Andriananahary». Ary dia tsy homan-java-mandehara mandra-pamono omby.

Ary ny olon-drehetra dia mihaingo araka ny firaratana vita ny amy ny voalohan' andro anaovana. Ary rahefa tokony ho herinandro no sisa ny fandroana, dia misy antso kabary isan-tsena milaza ny amy ny jakam-behivavy, fa amy n'izany taona izany dia mifanjaka ny lehilahy sy ny vehivavy, ka manatitra vola ho amy ny vehivavy ny lehilahy, atao hoe «fahatsiarovana». Fa raha tsy manatitra amy n'izany, dia latsainy ny vehivavy raha mbola maka azy indray hoe «Hay ! mbola haka hiany, ka lehilahy tsivalahara, tsivakiatatra, tsivakiafero, fa tsy mba menatra olona, ka hay ! mbola hahatsiaro ahy hiany, ka tsy nahatsiaro tany ny taona». Ka dia izany no andidiany ny andriana ny jakam-behivavy, fandrao manome be loatra ka raiki-trosa noho ny henatra raha manao kely, ka dia didiany araka izay tiany ny manjaka hatao amy ny sikajy no ho midina isan-taona.

MITATAO-RANG

Dia izany no fototry ny fandroana : heny ny mpanao izany diso, fa tsy mandro. Ary izao no fanao izany : fandroana ny rano amin' ny viany tany vao, rehefa hariva, ka dia mifamangy ny mpanakany ny mpanaviana izay mifanakaiky toerana, ka dia apetraka ery an-joro ny rano amin' ny rano, ka izay miditra dia miara mandray ny rano amin' ny tompoana : ny rano izany no raikitra tononina hoe « misafo rano ». Ary ny fanao izany dia mandray ny rano ka entina atehika eo an-doha na dia kely aza dia mpanao hoe « Rontasamba, Andriamanitra, An-« driananahary, no arivo tratry sy teha anie toy hisara-mianakavy ». Izaio koa no fiteny fanao ny sasany : « Taova'ko ity hafa ny vary marihitra ity : tsy « ny vary no masina, fa hianao no masina » hoe tsy ho natry ny fahafatesana ! Ta-« taova'ko ity taostely mamy ity : tsy ho natry ny vary no mamy, fa hianao no mamy » hoditra, mamy fiteny. Ary ny zorontrano andreny no mpanao azy. Fa raha tsy mahita velon-draibiana ny mpanao ny masina ny olona efa nahafatesana na ny ray ny na ny renany, dia mpanao hoe « velo-mihafy », ka dia izany no mpanao ny rano sahampianan' ny rano, olona, raha sendra maro indraindray. Ary ny sasany dia mandro, fa amin' izany dia no vao fandroana, fa ny olona aty ivelany, rehefa hateloana ny rano ny fandroana, dia tsy sahy mandro akory, fa matahotra hoe « Hanaodina mbola tsy mandro ». Ary amin' izany fandroana izany dia sahy mpanao azy ny vady ny avokoa ny mpi-sintaka, fa tsy azo ariana ny fandroana toerana, fa andro lehibe. Na dia tsy handry aza, fa hisafo rano hiany, dia tsy mpanao hoe « alin-dratsy ». Ary raha tsy mody amin' izany andro izany, dia tsy mpanao hoto sy tehina, toy ny hoe : « Mandra-pahafati'ny tsy manamiasa » hoe tsy izany no anaovam-pifalian-dehibe hatramy ny zava-maneno izay manan' ny fanao mpanjaka amin' izany alina izany dia mampiantsa, sy ny zava-tsotra koa dia ny maneno izay tiany. Ary ny olona dia mivory betsaka tokoa no an' ny andriana amin' izay andro izay. Ary rehefa tokony ho any ny fiteny mpananandro dia mandray ny rano amin' ny fisantarana, ka dia mpanao ny rano izany izy, ary dia mamafy ny olona amin' ny rano ka dia mpanao hoe : « Ho masina anie aho ! » Dia miredona ny olona manao hoe : « Ho masina anie hianao ! » Ka dia mamafy intelo toy izany araka izay hadim-pamantarana ny tiany hijanonana sy hanaovana, ka dia manapoaka tafondro araka izany an' ny rano izany. Ary dia ny fomba ny ntaolo no arao amin' izany alina izany : ny zava voatavo sy ny sotro hazo sy ny ravina no anaovan-draharaha : ny masina ny fitafiana aza, dia mitafy landy : ary ny zava-drehetra izay miditra dia masina tohina, fa tsy iambohona ; ary ny mpanao dia misy toniany avokoa. Ary dia homana ny hena taon-itsy, izay tononina hoe « mialin-taona ». Dia mirava ny olona samy mankany amin' ny fandroany any an-trano ny avy.

Ary ny zorontrano efatra sy eo am pototr' andry telo ary eo ambany tokonana, dia asiana tany mena : ary ny ranomasina no alainy ny andriana hitataovany kosa, satria natao hoe « ranomasina » no fanononana azy, ka dia natao ny fanao izany, rehefa azo naleha ny tany hafa

Ary ny Alahamady no andro tononina hoe « mahery ». Fa raha toa ahy, dia izao no ieritrereta'ko azy raha andro mahery no nifidianaany azy, dia izao : Satria tiany ny mpanjaka ny andro mahery ka dia notidiny ho hasinina isantaona mba hanambina azy amin' ny fanjakany. Ary indray, angamba andro nahaterahan' izay mpanjaka lehibe, na mpanjaka hafa, na Andriamasinavalona, fa

izy no mpanjaka tokana tany aloha ; ary rahefa maty izy, dia tsy misy indray mandra-pahatonga n'Andrianampoinimerina. Ny andro nanjakany dia no tadidiny ny zaza rehetra, fa mba maniry ho tahaka azy. Ka izany angaha no niraisany tamy ny mpanjaka samihafa. Fa ny firesaky ny sasany manao hoe : Toa andro nahaterahany ny mpanjaka iray tany aloha.

Ary raha ny andro mahery no fifidiana azy dia tokony ho mety amy ny andro mahery indrindra ny amonoana omby, fa fanao ny ntaolo ny hoe « mandranjo ny alahamady », izay hoe ranjoina, fa ny andro mahery izay lazainy ny mpamintana dia tahan-drà toy ny alakaosy, fa hoe be ra. Ka toa fadirana izany ny ra n'olona, mba tsy ho be ra ny fanjakana. Ary indray, raha noho ny nahaterahany no nifidiany azy, dia mety koa, fa raha misy amy ny mpianakavy ny andriana ka teraka amy ny vintan' alahamady dia tsy tiany, fa atao ny tsy mba isan' ny mpianakavy ny, dia tsy midi-drova, ka indrindra raha vava alahamady no ahaterahany. Dia asainy ahohoka raha lahy, fa hoy izy « Mena loatra ka andriana indrindra ». Kanefa raha ny mpanjaka no alahamady dia atao ny mety indrindra.

Ary ny mifoha amin' izany taona izany no atao ambony ny fifohazan-drehetra nony ampitso ka dia raikitra koa ny anarany hoe « mifoha », fa amin' izany no ifampitarainan' ny olona hoe (rahefa ho avy ny fandroana) « Aoka hianao mba hifoha aty amy ny tompoko », fa fisehoany ny fifankatiavana indrindra lany taona izany, ka ny olon-drehetra dia samy mody amy ny havany avokoa. Ary rahefa mifoha, dia mifampiarahaba avy hoe izay mifankahalala amy ny fa'azarana hoe « Arahaba tratry ny taona soa aman-tsara, tompoko e ! » Ka dia mamaly kosa ny iray hoe « E ! dia samy tra'ny ; arahaba, tompoko e ! »

Ary dia izany taona izany no tononina hoe « Asaramanitra ». Ka dia izany indrindra no fiarahaba ny mpanjaka amy n'io taona io. Ary dia manasina andriana isam-pireneny ny vahoaka araka ny amy ny filaharan-drazana. Ka dia miteny hoe « Raha avy ny taona fihasinan-droambinifolo-manjaka ka tratry ny taona Asaramanitra mitsingeringerina, dia manamasina anao ».

Ary izany teny « Asara » izany, dia efa tsy misy mahalala intsony, fa misy lehilahy iray miresaka hoe : Fiteny ny olona any atsimo no misy milaza ny volana hoe Asara. Fa amy ny fanisana ny volana dia misy lazainy hoe Asara mafana, na Asara mangitsy (mangatsiaka). Kanefa raha saini'ko, dia tokony ho izany, fa ny fiteny ny ntaolo maro no mikambana amy ny teny ny tanindrana sy tsy fanta-kevi'ny intsony, na dia mbola tenenina aza : asara, noro, volana, ireo no dia mpisy antony lehibe vao tenenina. Fa ny volana mbola fantatra hiany, fa ny teny no atao hoe volana, fa fitenin-tSakalava izany, ary na dia ny aty aza, dia mbola fanao hoe (raha olon-jinina) « dia tsy miteny tsy mi-volana ». Ary tsy fantatr'o izay tononina hoe asara, na ny taona, na ny volana, na ny andro fifohazana. Ary ny hoe noro, dia hafaliana no hevi'ny.

#### *NY MAMONO OMBY SY NY MIJAKA NOFONKENA*

Ary amy ny andro ifohazana ampitso ny fandroana, dia famonoan' omby izany. Kanefa misy fanao. Dia mahandro vary maraina, dia asian-tantely sy trafo n'omby, na dia kely aza tsy maintsy atao izany, fa santatra, kanefa maraina koa. Fa amin' izany indrindra no ifamangiana ny mpianakavy, fa mamonjy izany santatra izany maraina ny fianakaviana hifaly amy ny fiarahabana hoe

« Arahaba, tratry ny taona soa aman-tsara », fa samy maika ho any amy ny mpianakavy samihafa.

Ary dia hanina ny vary, ka raisina, dia anaovana any an-doha ny vary, ary izay rehetra santa-kanina amin' izany andro izany, dia itataovana any an-doha. Ary ny fihinana any ireo dia tsy misy fomba loatra, fa na dia kely aza no hanina, dia ny tsy misantatra hiangy no omen-tsiny. Ary ny anaran' izany no lazaina hoe « tatao ».

Ny amy ny famonoan-omby. Ny omby dia entina eo anatrehany ny andriana aloha hisaorany vao vonoina. Kanefa tsy dia ny omby rehetra tsy akory, fa rahefa misy nivavahany, raha hamono ny omby volavita izy, dia izany no izy. Nefa hatreo amy ny mitataovovonana no fanaovana.

Ary tsy mahazo mamono omby ny olona, raha tsy efa voa vono ny volavita, fa ny volavita no antony ny fisaorana. Ary ny famono ny volavita, dia atodika miantsinanana ny loha ny ka tandremana tsara fandrao mirehoka, fa soloana raha mirehoka. Dia misy karazan' olona mpisantatra ny zavatr' andriana, ka ny velon-drai-aman-dreny no mpanao atao hoe zanak' Andriamarofotsy (amy ny Tsimahafotsy). Ary raha vao no vonono ny omby, dia entiny ny trafo ny ka lelafiny ny andriana manta ny tendro ny. Ary dia mba asainy milelaka koa ny zana'ny izay handimby azy.

Fony mbola tamin-dRanavalondreny izany, fa satria nisy an-dRakoto, fa ny amy ny ankehitriny efa miovaova. Ary ny trafo ny entina ka atono eo ambaravarany ny trano manara, ka miara-komana amin' izay ny andriana sy ny mpianakavy ny ary ny olon-drehetra.

Dia samy mamono ny omby ny amin' izay, ka dia samy mitono trafonkena amy ny fasany avy, ka dia mangataka fitahiana amy ny maty, fa ny any ny vahoaka kosa eo an-doha-fasana. Kanefa samy milelaka, dia tohizana eo ny sisa. Ary ny zozoro dia atsoboka voalohany amy ny voalohan-dra. Dia atao ery an-jorofirarazana sy ambony varavarana, hono. Ary nefa dia mitafy lambalandy, fa ny landy no ambonin-damba ny ntaolo (fa tononiny hoe aza andriamanitra). Ary dia misy hena handrahoina voalohany atao hoe « tonombilany », satria avonjy ny jaka voalohany, ka mifamangy indray, miara-misantatra izany. Ary amin' izany andro amonoan-omby izany dia mifanira ny olona hifampiditra an-trano hihinana ny hena. Ary nony homana, dia miteny hoe « Ho velo-mifanjaka anie ! » Dia izany no manampy ny teny fanao rehetra. Ary ny anaran' izany atao hoe « jaka » noho ny hakely ny hanina.

Ary ny olon-drehetra dia mifanatitra hena noho ny halavitry ny tany, fa lazaina hoe « nofon-kena mitam-pihavanana », na dia kitika toy ny lohatondro aza, tsy maintsy ampitondrina, raha misy hitondra koa na dia iray volana aza, fa mandra-pahalany ny alahamady, dia mbola jaka hiangy no anarany ny hena no vonono tamin' izay. Fiteny ny olona mampanatitra jaka : « Avy izay taom-pahatsiarovana, Asaramanitra izay andriana amim-bahoaka ; koa izany hoe « tokoa no tsy manary taon-kavana ; koa aza manan-tsiny izahay mianakavy, « fa avy manatitra izay nofon-ke-mitam-pihavanana amy nareo izahay mianakavy ».

Ary raha tia ho solom-bola, dia soloana, raha lavitra kanefa ny hena no dia foto-pitiavana indrindra, fa tsy mahamenatra na dia kely aza, raha tsy misy hitondra ; ary dia iandrasany ny havany. Ary eo aloha ny fandroana dia mi-

tomany avokoa ny olona : raha alarobia no fandroana, dia hariva ny talata mitomany ; ary raha sabotsy, dia mitomany hariva ny zoma ; fa lazaina hoe « mahatsiaro ny havan-dasa rehetra ». Fa tsy mba miara-mifaly, fa tsy itomiana amy ny andro androana, fa ny misaona rehetra aza dia tsy maintsy miala saona.

#### *NY MITORA-BOLANA*

Ary rehefa hita ny volana, nony efa vita ny fandroana, dia mitora-bolana ny olon-drehetra, raha misy singan-dandy dia aharo amy ny vongan-tain-droroaha ka atoraka ny volana hoe « Atao ko voa ». Ary miteny hoe « Tratry ny alahamady anie mitsingerina anie, fa mitoraka anao aho ». Ary tsy mamono omby raha tsy afaka hadimiana, rehefa vita ny fandroana.

W.E. COUSINS

*Malagasy Customs 1876)*

## III

NY FANDROANA AN-DRIAKA  
(Fandroana an-dranomasina)

Fanao tsy tapaka isan-taona ny fandroana an-driaka eto amin' ny Antemoro, nefa amin' ny andro sy volana tsy mitovy no anaovan' ny isan-tanàna azy.

Mitoby any amoron-dranomasina mandritra ny telo na efatra andro ny mpanao fety, mandry amin' ny trano rantsan-kazo. Noho izany dia zatovo vantojaza na lahy na vavy no mandeha ka samy mitondra ny sakafo antonona azy. Ankehitriny anefa mitampody ihany.

Ny iray tanàna manontolo dia mihaingo izaitsizy, ary mandeha mitandahatra tarihin' ny sodina, langoraony sy amponga, akorodao, ets... Ny lahy lohalaharana, ny vavy aoriana, milahatra tsiroaroa hatreo an-tanàna ka hatrany amoron-driaka (amoron-dranomasina), hiarahaba ranomasina fa tratry ny taona mitsingerina.

Rehefa izany, dia mifidy toerana hilasiana. Ny lasy tsy lavitra ny ranomasina, ary manao kitranotrano eo, dia apetraka eo ny fitafiana madio nanaovana tamin' ny filaharana sy ny sakafo nentina, vao mandray lamba tonta, ary lasa amin' izay mandro an-driaka mifanjevo ao ny lahy sy vavy.

Ny lehilahy mifaninana milomano lavitra any anaty ranomasina mahery vaika any, ka tsy vitsy ny maty any, ataon' ny antsantsa ombi-kena. Ny vehivavy kosa akodiadian' ny onja eto moromorony.

Rehefa mangatsiaka fa be rivotra any amoron-dranomasina ka malaky mangatsiaka, dia miakatra midabodaboka eny amin' ny fasika, mafanafana ny tena vao miverina mandro indray.

Rehefa samy sasatra, samy mena maso, mivahavaha volo, farim-peo, dia mirebika mandeha amin' iny tora-pasika iny, mifehy loha lalanda (ravimbongan-dranomasina) mivakana verangerana (akoran-dranomasina), sasatr' io dia maka voaramontsina, voavoa (lamoty), voapirakitra, voafanera, voatalany, voanato, voandara, ets... izay samy misy betsaka eny amorom-pasika eny.

Miverina eny an-dasy dia misakafo tsy mifampiandry fa samy mamango ny azy. Amin' izao fandroana an-driaka izao no ifampilan' ny mpifankatia hivady. Ka mahatonga ny ohabolan-drazany hoe : «Avy tan-driaka ka tsy manenina intsony», efa nifanjevo tamin' ny zatovo maro azo nanaranam-po ifidianana izay tena sitraky ny fo ho vady tany am-pandroana an-dranomasina, ka tsy tokony hanenina intsony, fa hadalana raha ratsy fifydy.

Tsy misy anefa fitondrantena maloto amin' izany.

Rehefa sendra misy mandro an-driaka mifankatratra any, nefa samy tanàna hafa niaviana, dia samy mitokan-dasy ary mifampiaro amin' ny zazavavy tariny avy. Ny toerana androana dia mitokana mifanalavitra indray koa, nefa raha misy teny ierana dia azo atao ny hifampiadry hira na lalao.

Rehefa samy afa-po dia mitodi-doha mody, ka lalao manao ahoana eny andalana, ary na dia any an-tanàna aza.

ROMBAKA (J. Ph.)

*Fomban-drazana antemoro*  
Fianarantsoa, Ambozontany, 1970,  
t. 78-79.

## IV

## Boky fahavalo

## NY NIHAVIANY FANDROANA VOALOHANY

*Antananarivo 8 Adaoro 1865.*

## 143 Ny nihaviany fandroana voalohany.

Ny fahandrianany Andriana.

Andrianteloray.

Ny zaza mahery vintana sy ny mifandratra aminy Andriana sy ny rainy sy ny reniny.

Ny fombany famorana : ny fanao ny Andriamanjaka sy ny havany akaiky sy ny fanao ny vahoaka.

Taminy Andriamasinavalona ny isehoany ny menakely.

Ny milevina ao lalamasina eto Antananarivo  
ao aminy trano fitomiandalana  
ao anatirova.

Andriana Voalohany — Andrianjaka

Andriatsitakatrandriana

Andriatsimitovy amin' Andriana

Andriamasinavalona

Ary Radama I

Ary Rasohermanjaka.

Ralambo Andriamanjaka teo Ambohidrabiby no vohitra nitoerany, fa vintany ny Alahamady, ka dia nohasininy, rehefa nihinana ny omby izy, fa Ralambo no nisehoany ny nihinana ny omby voalohany.

1. Ary rehefa nihinana ny omby Ralambo, dia hoy izy. Andeha ho hasinikio amy ny itony omby itony lahy ny vintako, fa itony no zavatra

## 144 tsara indrindra amy ny fihinana nataon' Andriamanitra, ka dia hasiniko ny vintako itony, ka dia atao fandroana no anarany isany Alahamady, ka dia izany no nisehoan' ny fandroana.

2. Ary nony ho avy ny Alahamady, dia nokabariny ny vahoakany rehetra, hilazany ny hanasinany ny vintany Alahamady, dia hasainy mamono omby koa ny olona rehetra, samy hanasina ny Alahamady vintan' izy Andriamanjaka. Ary dia tsy navelany hamono zavatra fihinana koa ny olona rehefa hateloana sisa ny fandroana, ary raha tsy efa afaka hateloana koa ny fandroana tsy mamono zavatra ho hanina, ary tsy mandro rano koa, fa ny fotsiaritra no atao andro androan-drano, ary ny Andriana tsy mba manao fotsiaritra.

3. Ary tsinana ny Alahamady, ka dia Alahady no andro nahatsinanan' ny Alahamady nony Asabotsy dia maniraka ny velondray sy reny amin' ny zanak' lalasa zanakandriamitondra izy, sy Taintany, fa izany no mpanao zavatr' Andriana tamin-drainy, haka ranomasina handroany, eo Ifarihy sy Andrenimiry handroany, dia mamboatra tokantrano sy mihaingo tsara izy fa hanasina ny vintany.

4. Ary nony harivan' ny Asabotsy, dia mamana rano dia mandro tsara izy, ary nony efa mandro izy, dia mahandro vary sosoa, dia tantely no ataony laokan' ny vary sosoa, ary ny vahoaka rehetra kosa dia asainy mamono zavatra, afatsy ny omby, atao hoe fo tsy aritra no anaran' ny zavatra vonoina dia samy mamono izay tiany ho vonoina ny olona rehetra any antranony fa ny Andriana tsy mamono zavatra fa tsy nataon' ny Andriana ny manao fotsiaritra fa ny olona rehetra hiany no manao fotsiaritra.

145 5. Ary nony marainy ny Alahady, dia nasain' ny Andriana angonina ny omby handroan' ny olona rehetra hatono eo Ambohidrabiby hisaorany ny Andriana, ary nony vory ny omby handroan' ny olona, dia isaorany, dia izao no fitenind'Ralambo raha misaotra ny omby izy : Isaorako aminao Andriamanitra, Isaorako aminao Zanahary, Isaorako amin' ny hasin' ny tany sy ny lanitra sy ny hasinan' ny masoandro sy ny volana sy ny hasin' ny Razako ny Alahamady vintako, ka dia hasiniko, ka dia ho masina anie aho Andriamanitra.

6. Dia raisin' ny velon-dravy sy reny ny omby, handrahoany rehefa tapitra izay tenin' ny Andriana izay, ary ny an' ny vahoaka dia roahiny, samy mamono eny alatanony, ary nony voarasa ny tendan' ny omby androan' ny Andriana dia nasainy nalain' ny velon-dravy sy reny ny tendron-trafon' ny omby, dia nasainy nentina eo aminy, dia nolelafiny, dia hoy ny fiteniny : Ho masina anie aho Andriamanitra, ary dia manasina azy ny olona rehetra.

7. Ary nony vita izany, dia nasainy natono ny tendron-trafon' omby, ary nony masaka dia nisambasambany hoe : Sambasamba Andriamanitra, ho arivo tratry ny taona anie aho, ho tratry ny taona mitsingeringerina, ary ho masina anie aho Andriamanitra, dia haniny ny trafonkena.

8. Ary rehefa vita izany dia nasainy notetehina ny fadinkena sy nampiany nofony koa, ka dia nasainy nohandroina, dia nataony hoe tonombilany no anarany, ary nony masaka dia nalainy ny olona rehetra tao an-tanàna hihinana ny tonombilany, ary nony vory ny olona, dia nampidiriny ao andrano, ary nony tafiditra ny olona, dia nasainy noloaran' ny velon-dravy sy reny, dia omeny ny Andriana sy ny olona, dia miteny ny Andriana manao hoe, Izao no analako anareo, hiaraka misambasamba

146 ny Alahamady isikia, sy hisantatra, ary dia misaotra azy ny olona rehetra, dia mandray ny hena ny Andriana dia misambasamba indray, manao tahaka ny fiteniny tamin' ny trafonkena natono, dia manaraka ny olona rehetra, dia manao hoe : Ho masina anie hianao, dia vita izay ny fihinanana ny tonombilany, dia natao hoe jaka no anaran' ny hena amin' ny fandroana, ary dia mifanatitra hena ny olona rehetra mpihavana, dia manao hoe : manatitra ny jaka izahay, ka raha jaka dia jaka tokoa, dia vita izay ny fandroana voalohany, ary namela hena masaka ny Andriana, hijakany amin' ny taona ho avy, atao hoe jaka mialintaona.

9. Ary nony miherina ny taona Alahamady, Aoka hatao roa ny omby handroana, fa tsy mety ny mandro omby tokana, ka ny iray ombivavy volavita, ary ny iray omby malaza matavy lehibe, ary nony tsinana ny volana Alahamady, dia Alakamisy kosa no andro nahatsinanana' ny volana Alahamady, dia io indray no nandroany. Ary ny fandroana dia tahaky ny teo



aloha ihany, fa rehefa mamono omby amin' ny andro Alakamisy, ny omby volavita no novonoiny aloha, ka dia ny trafon' ny omby volavita no lela-finy sy ijakany aloha indrindra, ary rehefa mamono omby izy sy efa mijaka ny tonombilany, efa manasa ny olona, dia ahandroiny ny hena, dia mamela hena masaka amin' ny omby volavita sy amin' ny omby malaza izy hatao jaka mialintaona, rehefa miherina indray ny taona Alahamady, dia ny jaka mialintaona no haniny aloha, dia isambasambany ny jaka mialintaona, dia izay vao homana ny sosoa izy, dia ny jaka mialintaona sy ny tantely indray no ataony laokan' ny sosoa amin' ny andro androan-drano.

147 10. Ary nony miherina indray ny taona Alahamady dia hoy Ralambo : tsy mety raha tsy itataovana ny Alahamady, ka hanao tatao aho hitatahako ny Alahamady vintako, ary nony avy ny Alahamady, nony amin' ny andro hamonoana omby, na ho Alahady na ho Alakamisy nony vao maraina, mampahandro vary ampangoro ny velon-drainy sy reny izy dia asiany tantely sy ronono sy voahazo amin' ny vary ampangoro, dia ataony hoe tatao no anaran' ny vary ampangoro, ary rehefa misaotra ny omby handroana izy sy milelaka ny trafon-kenan' ny omby volavita dia atonon' ny velon-drainy sy reny ny tendron-trafon' ny omby volavita sy ny ombimalaza hataony laokan' ny tatao, dia ijakany, ary nony masaka, dia loaran' ny velon-drainy sy reny ny vary ampangoro, ary nony efa voaloatra, dia arosomy eo amin' ny Andriana, dia andraisan' ny Andriana kely ny vary ampangoro misy tantely sy ronono sy voahazo, dia isambasambany, dia ataony any andohany aloha itatahovany, ka rehefa misy any andohany, vao homana ny vary atao tatao izy, sy ny tendron-trafon' ny omby volavita, sy ny ombimalaza, ary dia izao no fanaond' Ralambo amin' ny fandroana amin' ny Alahamady mandra-panafatiny, ary tsy misy andro hafa anaovana ny fandroana afa-tsy ny Alarobia sy ny Alakamisy, na ho Asabotsy sy Alahady.

11. Ary rehefa lasa Ralambo, dia nandimby Andrianjaka zanany aivo, fa Andriantompokoindrindra no zanany lahimatoa, ka tsy nahaleo fanjakana, fa verin' ny fitiavany fanorona ny fanjakana, ka dia tsy nampanjakaind' Ralambo izy, fa Andrianjaka no nampitondrainy fanjakana.

148 12. Ary rehefa mby tamin' Andrianjaka, nony avy ny fandroana amin' ny Alahamady, rehefa misaotra ny omby handroana izy, dia milelaka ny trafon' ny omby volavita, dia mitono trafon-kena kely eo amin' ny fasand' Ralambo, dia homana eo izy aloha, vao homana ny tatao sy mijaka ny trafon' ny omby volavita sy ny omby malaza, ary dia izao no fanaon' Andrianjaka ny fandroana fa tsy nanova ny nataon-drainy izy, fa ny nataon-drainy hiany no narahiny.

13. Ary Andrianjaka nanafatra ny zanany nanao hoe : Raha avy izay andro hahalasanako, asio trano kely eo amin' ny fasako. Ary nony lasa Andrianjaka dia nasiana trano kely teo amin' ny fasany, teto Antananarivo, fa teo izy no nonina.

14. Ary rehefa lasa Andrianjaka dia Andriantsitakatrandriana no zanany nandimby azy. Ary nony avy ny fandroana amin' ny Alahamady, dia maniraka ny zanany Andriantsitakatrandriana, handro any Ambohidrabiby

any amind'Ralambo, hamono omby volavita any amind'Ralambo, dia ny any amind'Ralambo no vonoina aloha indrindra ny omby, vao misaotra ny aty amin' ny Andriana, fa Ralambo no nisehoan' ny fandroana, ka vonoina maraina koa ny omby volavita eny amind'Ralambo fandrao misy maty alohan' ny any, amin' ny fandroana, amin' ny andro amonoana omby amin' ny fandroana.

15. Ary nony avy ny fandroana raha vao tsinana ny Alahamady amin' ny andro androan-drano, na ho Alarobia, na ho Asabotsy no andro androana rano, nony vao maraina dia asiana tsihy tsara aloha eo amin' ny trano masina eo amin' ny Andriamanjaka, ka tsihy masina koa no ataony anaran' 149 ny tsihy velarina ao amin' ny Razany, ary rehefa misy tsihy sy voavoatran' tsara ny ao amin' ny razany, dia vao mamboatra ny tranony kosa ny Andriana, ary toy izao no fanaon' ny Andriana rehetra izay mandimby ny fanjakana. Amboarina aloha ny eo amin' ny Razana, ka rehefa vita ny eo amin' ny Razana, vao mba mamboatra ny tokantrano raha vy ny fandroana amin' ny andro androana rano, ary amin' ny andro amonoana omby koa, dia ny amind'Ralambo hiany no atao maty aloha ny omby volavita, ka dia izay vao misaotra ny handroany ny Andriana, ary dia tsy nisy nanova izao izay Andriana tato aoriana.

16. Ary raha mby tamin' Andriamasinavalona kosa, nisy olona mpanao andro tsara, ka nony efa madiva ho avy ny fandroana, dia hoy izy tamin' Andriamasinavalona : Mahery Tompokolahy ny andro Asabotsy, ary andro mena sy maro no zavatra

62 natao tamin' ny volampadina (fa volam-padina koa no ataony anaran' ny Alohotsy) koa mamonoa hianao akoholahy mena amin' ny faran' ny Asabotsy rehefa ho avy ny fandroana, atao faditry ny andro Asabotsy, ka amin' izay andro Asabotsy farany no mamono akoholahy mena, ary raha Asabotsy no andro androana, dia amin' io Asabotsy andro androana io no amonoana ny akoholahy mena, rehefa hilentika ny masoandro, dia vonoina miaraka amin' ny filentehan' ny masoandro. Ary dia izao no fitenin' ny olona mandidy ny akoholahy mena, hoy ilay mpanandro : Mifaditra ny Andriamanjaka.

150 Mifaditra ity akoholahy mena ity izy, amin' ny andro Asabotsy, izay fara Asabotsy, mahery, izay andro Asabotsy, izay fara Asabotsy, izay andro mena, izay andro mahery, izay andro manambina. Ary mifaditra ity akoholahy mena ity koa izy amin' izay naratra sy narary teny amin' ny tenany sy izay volo manana na volon-doha, na volom-bava, na volon-kelika, na volo inona na volo inona, na hoho nanalana. Ity akoho lahy mena ity no fanalany izay ratsy sy fandresy izay andro asabotsy mahery, dia didiana amin' izay ny tendan' ny akoholahy mena, dia tantazana amin' ny ravina ny ran' akoho, dia entina eo amin' ny Andriana, fa eo amin' ny trano itoeran' ny Andriana hiany no amonoana ny akoholahy mena, ary rehefa mbieo amin' ny Andriana ny ran' akoho, dia tendreny kely ny fanondrony, dia asiany kely eo amin' ny handriny, dia hosoriny ny hoho nalana, na hohon-tanana, na hohon-tongotra, na ny naratra na izay narary, ary rehefa vita ny an' ny Andriana, dia omena koa ny vadiny sy ny zanany, dia manao araka izay ihany koa ny vadin' Andriana sy ny zanany. Dia nataon' Andriamasinavalona araky izao nolazain' ilay mpanandro izao.

16. Ary rehefa vita ny fara Asabotsy, dia vao mamana ny rano handroana izy, ary rehefa afaka hateloana ny fandroana, dia maka ny zanany rehetra izy, hiaraka mijaka aminy fa maro anaka izy. Ary dia narahin' ny tato aoriana koa izany. Ary izao fomban' ny fandroana rehetra dia tsy nisy novan' Andriamasinavalona izay nataon' ny razany tao aloha, fa ny akoholahy mena amin' ny fara Asabotsy no vao nanampiny. Ary tsy novan' ny zanany nandimby azy izao fanaon' Andriamasinavalona izao, fa izao no dia narahin' ny zanany tato aoriana,

151 ny amin' ny fandroana.

17. Ary rehefa tamin' Andrianampoinimerina kosa dia nampiany ny maromadinikia ombin' Andriambelomasina ny omby volavita sy ny omby malaza. Ary ny fomban' ny fanao rehetra dia tsy nisy novany fa ny fanaon' ny Razany hiangy no narahiny. Dia izao fanao izao no narahin' ny zanany mandraka androany, fa tsy nisy niova ny fanao amin' ny fandroana.

18. Ary tamin' Andrianampoinimerina koa, rehefa voriny Imerina ka avy ny fandroana, nampandoaviny variraiventy isan' olo-miaina koa ny vahoakany atao hasin' Andriana sy vidin' ny ain' ny olona, dia narahin' ny zanany mandraka androany. Izao no fanaon' ny Andriamanjaka amin' ny fandroana. Ary ny nisehoan' ny hasina dia tamind'Ralambo, tamin' ny nanasinany ny Alahamady.

Ary ny fanaon' ny vahoaka amin' ny fandroana, ary nony amin' ny andro androan-drano, raha vao maraina dia misoroka ny tokotanin' ny fasan-drazany izy fa tsy manana trano masina. ary rehefa voasoroka ny fasan-drazany, dia izay vao mamboatra ny tokan-tranony izy, ary dia mihaingo tsara izy, ary nony hariva dia mandro rano, dia mamono zavatra manao fotsiaritra, ary rehefa mamono omby dia mifanasa hijaka ny tonombilany ny mpihavana sy ny mpisakaiza ; ary dia mifanatitra hena koa, atao hoe jaka, nofon-kena mitam-pihavanana, ary manatitra vola koa, atao hoe jaka sy hasim-pandroana, dia valian' izay Andriana hena kosa ny jaka vola aterin' ny olona. Ary ankehitriny dia vola no ataon' ny olona sasany solonjaka, dia mifamaly amin' ny jaka vola indray no ataon' ny olona sasany, na Andriana na Hova. Ary dia mifanasa

152 hijaka koa ny mpihavana sy ny mpisakaiza rehefa mahandro hena amin' ny fandroana.

Izao koa no fanaon' ny vahoaka amin' ny fandroana.

Ombiasin-dRanavalona I iray (= anonyme)

*Le manuscrit de l'Ombiasy*

Documents historiques de Madagascar,

Fianarantsoa, Ambozontany, 1970,

Nº 20-23, 70 t. — t. 60-63 : Ny niavin' ny fandroana voalohany.

## FANOROAN-TAKILA

### HIRATRA LAHARANA FAHAROA

NY FANDROANA : heviny sy tantarany ..... 93

#### *Fizarana I*

Fomba nitondrana ny fanadihadiana ..... 98

#### *Fizarana II*

Rafitra sy Drafitra ary hevity ny Fandroana araka ny karazany ..... 109

### FANDROAN' NY VAHOAKA

Asaramanitra ny Vahoaka ..... 109

Fandroana an-driaka ..... 121

Foto-pinoana hita taratra ao amin' ny Fandroana ..... 127

Foto-pisainana hita taratra ao amin' ny Fandroana ..... 130

### FANDROAN' NY MPANJAKA VELONA

Fandroan' ny Andriana ..... 135

Tamin' ny taon-jato XVII ka hatramin' ny XIX ..... 141

Fanandratana ny maha Mpanjaka sy fanamafisana ny Fanjakana .. 147

### FANDROAN' NY MPANJAKA RAZANA

Fitampoha ..... 153

Hevity ny Fitampoha ..... 165

### HIRATRA LAHARANA FAHATELO

Hevity ny Fitampoha (tohiny) ..... 153

Foto-pinoana hita taratra ao amin' ny Fitampoha ..... 156

Fanompoana ..... 166

Hevity ny Fanompoana ..... 188

#### *Fizarana III*

Fandravonana ny momba ny Fandroana ary Famaritana azy .... 204

Loharano nanovozana ..... 209

#### Lahatsoratra sasantsasany nampiasaina :

I. Fomba fanao amy ny Andriana (R.P. Callet) ..... 213

II. Ny Fomba ny Fandroana (W.E. Cousins) ..... 233

III. Ny Fandroana an-driaka (J.Ph. Rombaka) ..... 239

IV. Ny niavian'ny Fandroana voalohany (ombiasin-dRanavalona I  
iray) ..... 240

Faneroan-takila ..... 245

Résumé en français ..... 247

## RESUME EN FRANÇAIS

*La présente étude a eu pour objectif de saisir de façon synthétique la Fête du Bain, après en avoir examiné ses variantes selon ses acteurs et dans ses diverses modalités de réalisation en différentes régions de l'Ile (Sud-Est, Centre, Ouest).*

*Un exposé préliminaire de la méthode de travail (analyse de textes traditionnels choisis et de témoignages actuels puis interprétation selon les données de l'anthropologie religieuse et anthropologie politique surtout) est suivi de la description et de l'explication des diverses formes de Bain observées, quant aux acteurs : Bain des vivants, Bain du Roi, Bain des Ancêtres royaux, ou bien alors quant aux modalités : immersion dans la mer, aspersion d'eau douce puisée dans un étang sacré, arrosage de miel, etc...*

*Cette première étape devait déboucher sur une tentative d'établir la symbolique du Bain, lui-même considéré avec ses coutumes annexes, d'abord synchroniquement puis diachroniquement en suivant les développements qui se sont présentés dans l'expansion progressive de la Fête du Bain. Pour ce qui est de sa signification essentielle, la Fête du Bain se rattache au « Re-Nouveau » ressenti comme indispensable périodiquement et elle mime chaque fois la Création d'une Vie totalement Neuve aussi bien au sens propre qu'en divers sens figurés possibles. Au passage, la symbolique des objets ou faits employés a été abordée : ainsi le feu, le bœuf — ou plus exactement le zébu — le tambour, la conque marine, les végétaux, ou par ailleurs la lune, la nuit, la danse...*

*Différentes conséquences dérivent de ce fait central qu'est la Fête du Bain, sur le plan de la vie familiale et sociale au niveau du pays ou de la région, et ensuite au niveau du royaume, du jour où cette entité politique a pu se forger une existence de quelque importance. Ces conséquences se traduisent de prime abord par une gamme de coutumes à observer dans les relations communautaires ainsi que de prescriptions morales dans les relations inter-personnelles.*

*L'étude interne a mis en lumière, en premier lieu, la structure identique des différentes variétés de fêtes du Bain : il y a l'étape de préparation comportant une série de rites introductifs, l'étape du Bain proprement dit avec tout ce qui l'accompagne, et enfin l'étape de la clôture où les rites qui mettent fin sont suivis des dispositions prises pour rendre possible la Fête du Bain suivante. En second lieu, l'étude interne a pu déterminer la croyance fondamentale sur laquelle repose la Fête du Bain : celle en une Force Naturelle intrin-*

sèque ou Force de la Nature, dont la capacité première est d'être créatrice et dont l'une des caractéristiques spéciales est de pouvoir s'emmagasiner dans certains végétaux ou certains rochers ou encore certains êtres, tous exclusivement de son choix. Ce n'est que bien plus tard — après le développement du peuplement et la succession des générations d'habitants — que le culte des ancêtres est apparu et n'a été incorporé dans la Fête du Bain que sur l'initiative des souverains qui y ont trouvé le moyen d'asseoir, sans discussion possible, leur légitimité mise en place par les fondateurs de royaume.

Le mot de la fin consiste à proposer une définition de la Fête du Bain : en elle-même, elle est la Célébration du Rē-Nouveau. Mais par la place qu'elle tient dans la société, la Fête du Bain peut être considérée comme étant le Culte exprimant les différentes exigences de la religion ou encore elle constitue, en fait, un instrument normatif de la socialisation communautaire. Enfin si l'on veut insister sur la fonction que la royauté lui a conférée, l'on dira que la Fête du Bain est la légitimation du Souverain régnant.

